
# Fianarana Baiboly momba ny

# ROMANA



**Fa Andriamanitra mampiseho ny fitiavany antsika, fa fony mbola mpanota isika, dia maty hamonjy antsika Kristy.**
***—Romana 5:8***

# TENY FAMPIDIRANA HO AN'NY ROMANA

Ny bokin'ny Romana ao amin'ny Testamenta Vaovao dia taratasy nosoratan'i Paoly Apostoly ho an'ny mpino monina any Roma tany ho any amin'ny 58 taona taorian'i Jesosy. Manazava tanteraka ny fiainana mahagagan'i Jesosy Kristy izany – izay efa Nataony *ho* antsika sy izay Tiany hatao *ao* anatintsika.

Paoly dia maneho amintsika ny *fomba fahitan'Andriamanitra antsika* – araka ny fanaovana fara-hery amin'ny filàna Mpamonjy. Amin'ny maha-mpanota antsika, dia voaheloka ho faty isika ka misaraka mandrakizay amin'Andriamanitra. *Nefa ato amin'ity taratasy ity dia hitantsika ny fitiavana mahagaga sy mahafinaritra izay itiavan'Andriamanitra antsika.* Naniraka ny Zanany Izy mba ho faty hisolo ny fahotantsika mba hananantsika fahafahana mivelona ao anatin'ny firaisana tsara indrindra Aminy, ankehitriny sy ho mandrakizay. Moa ve tsy izany no vaovao tsara indrindra izay tsy mbola renao na oviana na oviana?

*Jesosy, ilay velona avy tamin'ny fahafatesana, dia maniry ny hizara ny Fiainany amin'izay rehetra matoky Azy sy manao ny tenany ho tahaka Azy.* **Ary izao no fanambarany: Fiainana mandrakizay no omen'Andriamanitra antsika, ary ao amin'ny Zanany izany fiainana izany** (1 Jaona 5:11). Hoy Jesosy, **Ka ho fantatrareo ny marina, ary ny marina hahafaka anareo tsy ho andevo** (Jaona 8:32). Ny taratasin'i Paoly ho an'ny Romana dia hafatra iray amin'ny fahamarinana mikasika ny fahafahana. Angataho Andriamanitra mba haneho an'i Jesosy ao amin'ny fonao tahaka ny Persona velona, **mba hampahiratina ny mason'ny sainareo, mba ho fantatrareo izay fanantenana avy amin'ny fiantsoany,…ary ny fihoaran'ny halehiben'ny heriny ho antsika izay mino** (Efesiana 1:18, 19a).

Boky maro no efa nosoratana mba handinihana ny fototry ny taratasin'i Paoly ho an'ny Romana. Nefa tsy nisy tonga ka nahadinika ity taratasy ity. Tsy mandinika ny nonon-dreniny ny zaza; fa misotro izany izy mba ho sakafo sy aina ho azy. Vakio indray ary vakio koa ity taratasy ity mba hisotroana lalina avy amin'izany, mba handevonana izany, mba hahafantarana izay ao am-po tsy miloakan'Andriamanitra, ambarapiovan'i Jesosy Izy Tenany endrika ao anatinao (Galatiana 4:19).

—V.R. Benson

---

NY BAIBOLY © Fikambanana Mampiely Baiboly Malagasy 1965, 2019. Tsy azo adika na alain-tahaka. Nahazoan-dalana. The Bible © Malagasy Bible Society 1965, 2019. Cannot be copied or duplicated, used with permission.

# LESONA 1. MANAMBARA NY FILAZANTSARAN'-ANDRIAMANITRA I PAOLY

### Romana 1:1-15

[1]Paoly, mpanompon'i Jesosy
Kristy, voantso ho Apostoly, voato-
kana ho amin'ny filazantsaran'
Andriamanitra, [2]izay nampilazainy
ny mpaminany rahateo teo amin'ny
Soratra Masina, [3]ny amin'ny Zanany,
Izay nateraka avy tamin'ny taranak'i
Davida araka ny nofo, [4]ary naseho
tamin-kery ho Zanak'Andriamanitra
araka ny fanahin'ny fahamasinana
tamin'ny fitsanganana tamin'ny
maty,–dia Jesosy Kristy Tompon-
tsika, [5]Izay nandraisanay fahasoa-
vana sy ny mah'Apostoly anay
hahatonga fanekena ny finoana ho
voninahitry ny anarany any amin'ny
jentilisa rehetra; [6]ary hianareo koa,
izay isan'ireny, dia voantso ho an'i
Jesosy Kristy,– [7]ho an'izay rehetra
any Roma, malalan'Andriamanitra
sady voantso no masina: ho ami-
nareo anie ny fahasoavana sy ny
fiadanana avy amin'Andriamanitra
Raintsika sy Jesosy Kristy Tompo.

[8]Voalohany, misaotra an'Andria-
manitro amin'ny alalan'i Jesosy
Kristy aho noho ny aminareo re-
hetra, satria efa re eran'izao tontolo
izao ny lazan'ny finoanareo. [9]Fa An-
driamanitra, Izay tompoin'ny fanahi-
ko amin'ny filazantsaran'ny Zanany,
no vavolombeloko fa tsy mitsahatra
mahatsiaro anareo aho, ka man-
drakariva, raha mivavaka aho, [10]dia
mangataka, fandrao mba hisy ha-
hafahako amin'izao ho tonga any
aminareo, raha sitrapon'Andriama-
nitra. [11]Fa maniry hahita anareo aho
hanomezako fahasoavam-panahy
ho anareo, mba hampaherezina hia-
nareo, [12]izany dia ny mba hiarahako
hamporisihina aminareo amin'ny
finoantsika, dia ny anareo sy ny
ahy. [13]Ary tsy tiako tsy ho fantatra-
reo, ry rahalahy, fa matetika aho
no efa nikasa hankatỳ aminareo
(saingy azon-tsampona mandraka
ankehitriny aho), hananako izay
vokatra atỳ aminareo koa, toy
ny any amin'ny jentilisa sasany.
[14]Ananan'ny Grika sy ny firenena
hafa rehetra, ny hendry sy ny tsy
hendry, trosa aho; [15]koa raha izaho,
dia mazoto hitory ny filazantsara
aminareo izay any Roma koa aho.

## Inona ny Filazantsara?

Ny teny hoe "filazantsara" dia midika hoe "vaovao tsara". Tia nitantara ny vaovao tsara noraisiny avy tamin'Andriamanitra i Paoly: **Kristy maty noho ny fahotantsika araka ny Soratra Masina,**

**dia nalevina, ary natsangana tamin'ny andro fahatelo araka ny Soratra Masina** (1 Korintiana 15:3b, 4). Hanazava i Paoly hoe nahoana izany no tena vaovao tsara ary inona no dikan'izany ho anao. Ho talanjona ianao amin'ny alalan'ny fahasoavan' Andriamanitra sy ny fitiavany anao ary ny fahafahana omen'i Jesosy mihoatra ny fahotana sy ny tena. **Isaorana anie Andriamanitra noho ny fanomezany tsy azo tononina** (2 Korintiana 9:15).

## Zavatra Hatao

Fenoy ny banga, avy amin'ny andininy ao amin'ny pejy 1 mba hahitana bebe kokoa momba ny filazantsaran'Andriamanitra sy momba an'i Jesosy. (Afaka manamarina ny valin-teninao ianao amin'ny valiny omena ao amin'ny pejy 111).

1. Andriamanitra dia nampilaza ny Filazantsarany tamin'ny alalan'ny ___________ tao amin'ny _______ Masina (andininy 2).

2. Ny filazantsaran'Andriamanitra dia mikasika ny Zanany dia _______ _______ Tompontsika (3).

3. Jesosy Kristy dia nateraka avy tamin'ny taranak'i _____ araka ny ____ (3).

[Jesosy Kristy dia teraka niaraka tamin'ny tena maha-olombelona. Ny mpaminany dia naminany fa ny Mesia dia ho avy amin'ny Taranak'i Davida Mpanjaka (Jeremia 23:5).]

4. Jesosy Kristy dia naseho tamin-____ ho _____'____________ araka ny fanahin'ny _____________ tamin'ny ____________ tamin'ny maty (4).

[Jesosy dia araka an'Andriamanitra. Izy dia "Amintsika Andriamanitra" (Matio 1:23). Manamarina izany ny fitsanganany tamin'ny maty. Tsy ho nahafoy ny Iray Masiny ho any amin'ny fiainan-tsi-hita Andriamanitra (Isaia 16:10), ka dia Natsangany avy tamin'ny maty Izy.]

5. Tamin'ny alalan'i Jesosy Kristy no nandraisan'i Paoly ____________ sy ny mah'Apostoly anay hahatonga _________ ny finoana ho ___________ ny Anarany any amin'ny ________ _______ (5).

## Ny Mpino tany Roma

Na dia tsy mbola namangy an'i Roma akory aza i Paoly, dia efa nahare

ny momba ny mpino tao satria ny finoan'ireo dia noresahina hatraiza hatraiza nanerana ny tontolo (ny Fanjakana Romana). Fantany fa niantso ireo mpino ireo Jesosy (andininy 6), satria tian'Andriamanitra izy ireo ary voantso ho olo-masina (andininy 7). Fantatsika fa dimampolo andro taorian'ny fitsanganan'i Jesosy Kristy tamin'ny maty, rehefa nofenoina ny Fanahy Masina ny Mpianany ary niteny tamin'ny vahoaka tao Jerosalema ny amin'ny andro firavoravoana amin'ny Pentekosta, dia nisy "vahiny avy tany Roma" tao amin'ny vahoaka, dia Jiosy sy ireo niova ho Jodaisma (Asan'ny Apostoly 2:10). Tsy isalasalana fa ny sasany tamin'ireo vahiny ireo izay nino an'i Jesosy Tompo, dia niverina tany Roma tamin'iny andro iny ihany – niaraka tamin'ny fifalian-dehibe momba an'i Kristy tao am-pony. Taty aoriana, rehefa nodidian'i Klaodio ny Jiosy rehetra mba hiala tany Roma, dia nisy mpivady nantsoina hoe Akoila sy Prisila nandeha tany Korinto mba honina tany, ary mpanao lay izy ireo (Asan'ny Apostoly 18:2, 3). Rehefa tonga tany Korinto i Paoly – izay mpanao lay koa – manakaiky ny faran'ny dia misionery nataony, dia niara-nonina tamin'izy ireo izy ary nandre tsy tampisalasalana akory no sady misimisy kokoa mikasika ireo mpino tao Roma. Mety ho tamin'ny nitoerany tao Korinto no nanoratan'i Paoly ity taratasy ity. Efa hiatrika ny fanenjehan'ny tsy mpino sy ny fijaliana nohon'ny finoany (novonoina nohon'ny finoan'izy ireo an'i Jesosy) ireo mpino tao Roma tamin'izany. Ny fahamarinan'izany taratasy izany dia mety hampahahery ny finoan'izy ireo.

## Paoly, Mpanompon'i Jesosy Kristy

Afaka nampahafantatra ny tenany tamin'ireo mpino tao Roma tamin'ny fomba maro i Paoly. Amin'ny maha-Jiosy azy dia nanana ny fahaizana sy fampiofanana ambony indrindra izy. Teraka ho olom-pirenena Romana koa izy, ka nanana ny tombon-tsoa rehetra tamin'izany. Nanana asa fanompoana izay lehibe sy mahatalanjona sady nahavokatra be izy. Nefa izy dia tsy manolotra ny iray amin'ireny hokarakaraina, miantso ny tenany ho mpanompon'i Jesosy Kristy izy, ary nantsoina ho Apostoly (olona nirahina hanao asana misionera, manana ny fahefana avy amin'izay naniraka azy). Ny andevo mpanompo dia olona ireo izay manolotra fankatoavana tanteraka ho an'ny tompony. Paoly dia tsy mpanompon'i Jesosy Kristy hatramin'izay. Satria, taloha izy dia efa nanohitra Azy tamin'ny hery rehetra, tamin'ny

faharisihana diso fitarihana nananany ho an'Andriamanitra.

Ankehitriny Paoly dia mizara ny fanalahidin'ny fiainana amin'ny fiainam-baovao, tamin'ny alalan'ny herin'ny fitsanganan'ny Tompo Jesosy tamin'ny maty – amin'ireo mpino ao Roma sy amintsika ankehitriny koa. Paoly izy tenany dia ohatra iray, porofo velona, ny amin'ny fahamarinan'ity hafatra ity.

Paoly (anarany amin'ny Romana) dia Saoly (anarany amin'ny Hebreo) avy any Tarsosy. Tamin'ny fahazotoany momba ny fivavahana, dia nanaiky ny fahafatesan'i Stefana izy, ilay martiora Kristiana voalohany, izay notoraham-bato ho faty (Asan'ny Apostoly 7:54-59), tamin'ny fanapoahana fanenjehana lehibe ireo Kristiana tany Jerosalema. **Fa Saoly nampahory mafy ny fiangonana, ka nidirany isan-trano sady nosarihany, na ny lehilahy na ny vehivavy, ka nataony tao an-trano-maizina.** (Asan'ny Apostoly 8:3). Nihanaka lavitra sy nivelatra be ny Kristiana, tamin'ny fitoriana ny teny. **Ary Saoly mbola nifofofofo fandrahonana sy famonoana tamin'ny mpianatry ny Tompo ihany, dia nankao amin'ny mpisoronabe izy ka nangataka taratasy taminy ho any amin'ny synagoga any Damaskosy, mba ho entiny mifatotra ho any Jerosalema izay rehetra hitany momba izany fampianarana izany, na lahy an vavy. Ary raha nandeha izy, dia tonga teo akaikin'i Damaskosy; ary nisy mazava avy tany an-danitra nanelatrelatra tampoka manodidina azy; dia lavo tamin'ny tany izy ka nandre feo nanao taminy hoe: Saoly, Saoly, nahoana hianao no manenjika Ahy? Ary hoy izy: Iza moa hianao, Tompoko? Dia hoy Izy: Izaho no Jesosy Izay enjehinao.** (Asan'ny Apostoly 9:1-5).

Taty aoriana rehefa nitsangana ho vavolombelona momba ity fahatsapana ity i Paoly, dia nanambara bebe kokoa mikasika izay nolazain'i Jesosy izy. **Fa mitsangàna, ka mijoroa amin'ny tongotrao; fa izao no nisehoako taminao, dia ny hanendry anao ho mpanompo sy ho vavolombelona ny amin'izay efa nahitanao Ahy sy izay hisehoako aminao, hamonjy anao amin'ny olona Isiraely sy ny jentilisa, izay anirahako anao, hampahiratra ny masony hialany amin'ny maizina ho amin'ny mazava, ary amin'ny fahefan'i Satana ho amin'Andriamanitra, mba hahazoany famelankeloka sy lova eo amin'izay nohamasinina noho ny finoana Ahy.** (Asan'ny Apostoly 26:16-18).

# LESONA 2. NY FILAZANTSARA DIA MANEHO NY FAHAMARINANA AVY AMIN'ANDRIAMANITRA

**Romana 1:16-17**

**16Fa tsy menatra ny filazan-tsara aho; fa herin'Andriamanitra ho famonjena izay rehetra mino izany, amin'ny Jiosy aloha, dia vao amin'ny jentilisa koa. 17Fa amin'izany no anehoana fahamarinana avy amin'Andriamanitra avy amin'ny finoana sy ho amin'ny finoana, araka ny voasoratra hoe: "Ny marina amin'ny finoana no ho velona."**

## Manolotra ho Antsika ny Fahamarinany Manokana Andriamanitra

Ny vaovao tsara mikasika ny fahamarinana avy amin'Andriamanitra dia izao; fanomezana avy amin'Andriamanitra ho an'izay mino an'i Jesosy Kristy izany. Ny fahamarinana avy amin'Andriamanitra dia aseho "avy amin'ny finoana ho amin'ny finoana." *Raisina* amin'ny alalan'ny finoana aloha izany – amin'ny finoana fa Andriamanitra dia nanambara ahy ho marina eo anatrehany noho izay nataon'i Jesosy ho ahy. Avy eo izany dia *iainana* amin'ny alalan'ny finoana – dia amin'ny fahatokiana an'Andriamanitra mba *hanao* ahy ho marina (tahaka an'i Jesosy) amin'ny fomba azo ampiharina araka izay amelako Azy hiaina ao anatiko.

## Ho an'Izay rehetra Mino ny Famonjena

Famonjena dia midika hoe fanafahana. Ato anatin'ity lesona ity dia hahita isika izay tena ilaintsika fanafahana amin'ny fahotana sy amin'ny fahatezeran'Andriamanitra amin'ireo izay manota (Jaona 3:36).

Izany hafatra momba ny famonjena izany dia tonga tamin'ny Jiosy aloha voalohany, satria fikasan'Andriamanitra ny hihavian'ny famonjena amin'ny alalan'ny Jiosy (Jaona 4:22). Avy eo dia niparitaka manerana izao tontolo izao tamin'ny alalan'ireo Jiosy ireo. Andriamanitra dia nampanantena an'i Abrahama, rain'ny olona Jiosy, **Ary aminao no hitahiana ny firenena rehetra ambonin'ny tany.** (Genesisy 12:3b). Abrahama no ray ara-panahin'izay rehetra manam-pinoana an'i Jesosy Kristy (Romana 4).

## Zavatra Hatao

Tadidio ny Romana 1:16 sy 17. Ireo no andininy fanalahidy.

## LESONA 3. NY FAHATEZERAN'ANDRIAMANITRA DIA ASEHO AVY ANY AN-DANITRA

**Romana 1:18-32**

18 Fa aseho avy any an-danitra ny
fahatezeran'Andriamanitra amin'ny
faharatsiana rehetra sy ny tsi-fa-
hamarinan'ny olona izay misakana
ny fahamarinana amin'ny fanaovan-
dratsy. 19 satria izay fantatra ny
amin'Andriamanitra dia miseho ao
am-pon'ireny, fa nasehon'Andria-
manitra taminy. 20 Fa ny fombany
tsy hita, dia ny heriny mandrakizay
sy ny mah'Andriamanitra Azy,
dia miseho hatramin'ny nanao-
vana izao tontolo izao, fa fantatra
amin'ny zavatra nataony; ka dia tsy
manan-kalahatra ireo; 21 fa na dia
nahalala an'Andriamanitra aza izy,
dia tsy mba nankalaza Azy toy izay
mendrika ho an'Andriamanitra, na
nisaotra Azy, fa tonga zava-poana
izy tamin'ny fisainany, ary tonga
maizina ny fony donto. 22 Nandoka
tena ho hendry izy ka tonga adala,
23 koa ny voninahitr'Andriamanitra
tsy mety lo dia nosoloany zavatra
tahaka ny endriky ny olona mety
lo sy ny vorona sy ny biby manan-
tongotra efatra ary ny zavatra
mandady sy mikisaka. 24 Ary izany
no nanoloran'Andriamanitra azy
tamin'ny filàn'ny fony ho amin'ny
fahalotoana, dia ny nifanalany
voninahitra tamin'ny tenany avy;
25 ary ny fahamarinan'Andriamani-
tra dia nosoloany lainga, ka nanaja
sy nanompo ny zavatra natao izy,
fa tsy ny Mpanao, Izay isaorana
mandrakizay. Amena. 26 Izany no
nanoloran'Andriamanitra azy ho
amin'ny filan-dratsy mahavoafady;
fa ny vehivavy tao aminy nanova
ny fanaony ho amin'izay tsy fa-
naony; 27 ary tahaka izany koa ny le-
hilahy, fa namela ny fanao amin'ny
vehivavy izy ka maimay tamin'ny
fifampilany samy lehilahy nifanao
izay mahamenatra, dia nandray
tao amin'ny tenany ny valiny izay
tokony ho azy noho ny fiviliany.
28 Ary araka ny nanaovany ny faha-
lalana marina an'Andriamanitra ho
tsy mendrika hotanany, dia araka
izany kosa no nanoloran'Andria-
manitra azy ho amin'ny fisainana
tsy mahamendrika hanao izay zava-
tra tsy tokony hatao, 29 ka dia feno
ny tsi-fahamarinana rehetra, ny fa-
haratsiana, ny fieremana, ny lolom-
po,—feno fialonana, vonoan-olona,
fifandirana, fitaka, otripo,— 30 mpi-
bitsibitsika, mpanendrikendrika,
halan'Andriamanitra, mpampahory,
mpiavonavona, mpandoka tena,
mpamoron-tsain-dratsy, tsy manoa
ray sy reny, 31 tsy manam-pahala-
lana, tsy mitana fanekena, tsy
manam-pitiavana, tsy miantra; 32 dia
olona mahalala tsara ny fitsipika
nomen'Andriamanitra fa izay manao
izany zavatra izany no mendrika ho
faty, nefa tsy manao izany ihany izy,
fa mankasitraka ny manao koa.

## Ny Fahatezeran'Andriamanitra dia Manohitra Fahotana

Masina Andriamanitra. Rehefa nanota Adama sy Eva, ireo mpivady voalohany, tamin'ny alalan'ny tsy fankatoavana an'Andriamanitra, dia noroahina niala tao amin'ny saha tsara tarehy noforonin'Andriamanitra ho azy izy ireo. Nisaraka tamin'Andriamanitra izy ireo (fahafatesana ara-panahy), ary avy hatrany dia tonga teo ambany saokan'ny fahafatesana ara-nofo ny tenan'izy ireo.

Ny fahatezeran'Andriamanitra dia manohitra ny toetra sy asa rehetra izay tsy mifandray amin'ny faneva ambony sy masina Ananany momba izay marina. Mila hitantsika fa mahatsiravina ny fahotana.

## Ny Mpanompo Sampy Ratsy dia Tsy Misy Fialan-tsiny

Ny tsirairay dia afaka mahafantatra momba ny hery sy toetr'Andriamanitra amin'ny alalan'ny zavatra Nohariany, eny fa na dia tsy manana Baiboly aza izy ireo. **Kanefa tsy namela ny tenany tsy hanana vavolombelona Izy; fa manao soa Izy, mampilatsaka ny ranonorana avy eny amin'ny lanitra ho anareo sady manome taon-jina ka mahavoky ny fonareo amin'ny hanina sy ny fifaliana.** (Asan'ny Apostoly 14:17).

Eny, fa na dia ireo tsy manana ny lalàn'Andriamanitra aza dia **maneho ny asan'ny lalàna ho voasoratra ao am-pony, sady ny fieritreretany no vavolombelony, ary ny fisainany mifampiampanga, nefa mba mifanafaka ihany koa aza** (Romana 2:15b).

Ireo izay tsy te-hahafantatra an'Andriamanitra dia manindry ny marina momba Azy. Tsy te-hiova izy ireo. **Tsy nandray ny fitiavana ny fahamarinana izay hamonjena azy izy. Koa izany no ampanateran'Andriamanitra fiasan'ny fahadisoan-kevitra aminy hinoany ny lainga, mba hohelohina avokoa izay rehetra tsy nino ny marina, fa nankasitraka ny tsy marina** (2 Tesaloniana 2:10b-12).

Ny fomba iray fitsaran'Andriamanitra ny fahotana dia ny mamela ny mpanota handeha amin'ny làlany manokana ka hahatsapa ny vokatra natoralin'ny safidy adalan'izy ireo. **Nalaky nanadino ny asany izy ka tsy niandry ny saina hatolony…. Dia nomeny azy izay nilainy, kanefa nampahahiaziny kosa izy** (Salamo 106:13, 15).

## Zavatra Hatao

Fenoy ny banga mba hahitana ny fiolakolahana midina momba ny lehilahy mpanota:

1. Fa na dia nahalala an'Andriamanitra aza izy, dia tsy mba

_________ Azy toy izay mendrika ho an'Andriamanitra, na ________ (andininy 21).

[Ny dingana voalohany miala avy amin'Andriamanitra mankamin'ny fahamaizinana dia ny tsy fahaiza-misaotra.]

2. Nandoka tena ho _____ izy ka tonga _______ (23).

3. Ny _________'Andriamanitra tsy mety lò dia nosoloany ______ tahaka ny endriky ny olona mety lò (23).

4. Natolotr'Andriamanitra tamin'ny filàn'ny fony ho amin'ny ___________ izy, dia ny _______ _________ tamin'ny tenany avy (24).

5. Ny _________'Andriamanitra dia nosoloany _____, ka manaja sy nanompo ny zavatra ____ izy, fa tsy ny ______ (25).

6. Natolotr'Andriamanitra azy ho amin'ny ________ _________. Fa ny ______ tao aminy nanova ny fanaony ho amin'izay tsy fanaony (26). Ary tahaka izany koa ny ______ nifanao izay mahamenatra, dia nandray tao amin'ny tenany ny valiny izay tokony ho azy noho ny fiviliany (27).

[**Aza mandry amin'ny lehilahy tahaka ny fandry amin'ny vehivavy; fa fahavetavetana izany** (Levitikosy 18:22).]

7. Ary araka ny nanaovany ny fahalalana marina an'Andriamanitra ho tsy mendrika hotanany, dia araka izany kosa no nanoloran'Andriamanitra azy ho amin'ny fisainana ____ _______________ hanao izay zavatra tsy tokony hatao (28).

8. Mahalala tsara ny _________ nomen'Andriamanitra fa izay manao izany zavatra izany no mendrika ho _____, nefa tsy manao izany ihany izy, fa _________ ny manao koa (32).

[**Ary Andriamanitra ninia tsy nijery ny andron'ny tsi-fahalalana; fa ankehitriny Izy mandidy ny olona rehetra amin'izao tontolo izao hibebaka, satria Izy efa nanendry andro iray, izay hitsarany izao tontolo izao amin'ny fahamarinana amin'ny alalan'ny Lehilahy iray voatendriny, koa efa nanome vavolombelona hampino ny olona rehetra izany Izy tamin'ny nananganany Azy tamin'ny maty** (Asan'ny Apostoly 17:30, 31)]

# LESONA 4. MARINA NY FITSARAN'ANDRIAMANITRA

### Romana 2:1-16

1Koa amin'izany dia tsy manankalahatra hianao, ralehilahy, na zovy na zovy hianao izay mitsara; fa izay itsaranao ny sasany no anamelohanao ny tenanao koa, fa hianao izay mitsara aza dia mba manao izany ihany koa. 2Nefa fantatsika fa ny fitsaran'Andriamanitra dia araka ny marina amin'izay manao toy izany. 3Ary hianao, ralehilahy, izay mitsara ny manao izany, kanefa manao izany koa ny tenanao, moa ataonao va fa ho afa-mandositra ny fitsaran'Andriamanitra hianao? 4Sa hamavoinao ny haren'ny fahamoram-panahiny sy ny fandeferany ary ny fahari-pony, satria tsy fantatrao fa ny fahamoram-panahin'Andriamanitra dia mitaona anao hibebaka? 5Fa ny ditranao sy ny fonao tsy mibebaka no irakatenao fahatezerana ho anao amin'ny andro fahatezerana sy fampisehoana ny fitsarana marin'Andriamanitra, 6Izay hamaly ny olona rehetra araka ny asany avy: 7ho an'izay maharitra manao soa mandrakariva ka mitady voninahitra sy laza ary tsi-fahafatesana, dia fiainana mandrakizay; 8fa ho an'izay mitady ny ho an'ny tenany ihany kosa sady tsy manaraka ny marina, fa manaraka ny tsy marina, dia fahavinirana sy fahatezerana, 9eny, fahoriana sy fahantrana ho an'ny fanahin'ny olona rehetra izay manao ratsy, amin'ny Jiosy aloha, dia vao amin'ny jentilisa koa; 10fa voninahitra sy laza ary fiadanana kosa ho an'ny olona rehetra izay manao ny tsara, amin'ny Jiosy aloha, dia vao amin'ny jentilisa koa. 11Fa tsy misy fizahan-tavan'olona amin'Andriamanitra. 12Fa izay nanota tsy nanana ny lalàna dia ho very tsy manana ny lalàna; fa izay nanota nanana ny lalàna kosa dia hotsaraina araka ny lalàna. 13Fa tsy ny mpandre ny lalàna no marina eo anatrehan'Andriamanitra, fa ny mpankatò ny lalàna no hohamarinina; 14fa na oviana na oviana ireo jentilisa tsy manana ny lalàna ireo no misy manao izay nandidian'ny lalàna araka ny nahim-pony, na dia tsy manana ny lalàna aza ireo, dia lalàn-tenany ihany; 15fa ireo maneho ny asan'ny lalàna ho voasoratra ao am-pony, sady ny fieritreretany no vavolombelony, ary ny fisainany mifampiampanga, nefa mba mifanafaka ihany koa aza,– 16amin'ny andro izay hitsaran'Andriamanitra ny zavatra takona ataon'ny olona, araka ny filazantsarako amin'ny alalan'i Jesosy Kristy.

## Hotsaraina koa ireo Relijiozy Mpanota

Hitantsika ato amin'ity lesona ity fa ny olona sasany dia mahafan-

tatra fa ny fitsaran'Andriamanitra dia manohitra ny ratsy fanahy, nefa dia mahatsiaro ho marina izy ireo rehefa mahita fa ratsy be lavitra nohon'ny azy ny fahotan'ny hafa. Tsy mahalala tsara izy ireo fa izy ireo dia meloka amin'ny zavatra mitovy amin'izany ary dia samy fahotana avokoa eo imason'Andriamanitra. Izany dia satria tena mahari-pijaliana Andriamanitra ka izany no tsy mbola nandringanana azy ireo.

Ny fahamoran'Andriamanitra dia mitarika ny olona hibebaka – hiaiky ny fahotan'izy ireo amin'Andriamanitra sy hiala amin'izany. Ireo izay tsy mibebaka dia manao tsinontsinona ny fahamoran'Andriamanitra. Manana fo mafy sy tsy mibebaka izy ireo, satria mandre ny Tenin' Andriamanitra izy fa tsy manao izany, **Fa aoka *ho mpankatò* ny teny hianareo, fa aza mpihaino fotsiny ihany ka mamitaka ny tenanareo** (Jakoba 1:22).

Hoy Jesosy, **Tsy izay rehetra manao amiko hoe: Tompoko, Tompoko, no hiditra amin'ny fanjakan'ny lanitra, fa izay *manao* ny sitrapon'ny Raiko Izay any an-danitra. Fa izay rehetra mandre izany teniko izany, nefa tsy mankatò azy, dia hoharina amin'ny lehilahy adala, izay nanorina ny tranony teo ambonin'ny fasika. Ary latsaka ny ranonorana, ka nisy riaka be, sady nifofofofo ny rivotra ka namely izany trano izany; dia nianjera izy, ka loza ny fianjerany** (Matio 7:21, 26, 27). **…Raha misy tia Ahy, dia hitandrina ny teniko izy** (Jaona 14:23a). Izay tia an'i Jesosy marina no hankatò Azy.

## Zavatra Hatao

Fenoy ny banga – amin'ny sasany amin'ireo fitsipika momba ny fitsaran'Andriamanitra:

1. "Ny fitsaran'Andriamanitra dia araka ny __________" (2).

[Andriamanitra dia hitsara araka ny zava-misy **Ny mason'i Jehovah amin'izao rehetra izao, mijery ny ratsy fanahy sy ny tsara fanahy** (Ohabolana 15:3).]

2. Amin'ny andron'ny fitsarana marin'Andriamanitra, Izy dia "hamaly ny olona rehetra araka ny _______ avy" (6). Ny fahatezerana dia ho tonga amin'ny "fanahin'ny olona rehetra izay manao _______" (9), fa "voninahitra sy laza ary fiadanana kosa ho an'ny olona rehetra izay manao asa ________" (10).

[Indray mandeha dia nanontanian'izy ireo Jesosy hoe, **Inona no hataonay mba hiasany ny asan'Andriamanitra?** Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: **Izao no asan'Andriamanitra dia ny hinoanareo Izay nirahiny** (Jaona 6:28b, 29). Ny finoana marina an'i Jesosy dia mivaly amin'ny fanaovana asa tsara izay mankalaza an'Andriamanitra (Matio 5:16).]

3. Fa tsy misy ________________ amin'Andriamanitra (11).

[Tsy mizaha tavan'olona Andriamanitra (Galatiana 2:6). **Fa izay manao ny tsy marina dia handray araka ny tsy marina nataony; fa tsy misy fizahan-tavan'olona** (Kolosiana 3:25). **Aza mety hofitahina hianareo; Andriamanitra tsy azo vazivazina, fa izay afafin'ny olona no hojinjany** (Galatiana 6:7).]

4. "Izay hitsaran'Andriamanitra ny zavatra takona ataon'ny olona, araka ny filazantsarako amin'ny alalan'i ______ ______ (16).

[**Fa ny Ray aza tsy mitsara olona, fa ny fitsarana rehetra dia nomeny ny Zanaka** (Jaona 5:22).]

## Hotsarain'i Jesosy Kristy Isika Rehetra

Ny fifandraisantsika amin'i Jesosy dia antony amin'ny fiainana sy fahafatesana, satria Izy no Ilay tokana hitsara antsika. **Fa avy ny andro izay handrenesan'ny olona rehetra any am-pasana ny feony; dia hivoaka izy: izay nanao tsara dia ho any amin'ny fitsanganana ho fiainana; fa izay nanao ratsy kosa dia ho any amin'ny fitsanganana ho fahamelohana** (Jaona 5:28b, 29). **Fa isika rehetra dia samy tsy maintsy ho hita toetra miharihary eo amin'ny fitsaran'i Kristy, mba handraisan'ny olona rehetra izay zavatra nataon'ny tenany, dia araka izay nataony, na tsara na ratsy** (2 Korintiana 5:10).

Tsy misy fomba ahatongavana ho tsara tokoa mba hanatrarana ny faneva ambony momba ny fahatanterahan'Andriamanitra. Mendrika hovaliana amin'ny fahatezeran'Andriamanitra isika rehetra (fahafatesana ara-panahy mandrakizay). **Izay mino ny Zanaka manana fiainana mandrakizay; fa izay tsy mino ny Zanaka dia tsy hahita fiainana, fa ny fahatezeran'Andriamanitra no mitoetra eo aminy** (Jaona 3:36). **Izay mandre ny teniko ka mino Izay naniraka Ahy no manana fiainana mandrakizay ka tsy hohelohina** (Jaona 5:24b).

# LESONA 5. TSY MAMONJY ANTSIKA NY TOMBON-TSOA MANOKANA

### Romana 2:17-29

17Fa raha saingy atao hoe Jiosy
hianao ka mitoky amin'ny lalàna sy
manao an'Andriamanitra ho rehare-
hanao 18ary mahalala ny sitrapony
sady mamantatra ny zavatra tsara
indrindra, satria efa nampianarina
ny lalàna hianao 19ary matoky ny
tenanao ho mpitarika ny jamba, fa-
nazavana ny ao amin'ny maizina,
20mpananatra ny adala, mpampia-
natra ny bodo, satria hianao manana
ny lalàna ho mariky ny fahalalana sy
ny fahamarinana: 21ka moa hianao
izay mampianatra ny sasany, tsy
mba mampianatra ny tenanao koa
va? Hianao izay mitory hoe: Aza
mangalatra, mba mangalatra ihany
va hianao? 22Hianao izay manao
hoe: Aza mijangajanga, mba mijan-
gajanga ihany va hianao? Hianao
izay mametaveta ny sampy, mba
mandroba tempoly ihany va hianao?
23Hianao izay manao ny lalàna ho re-
harehanao, mba manala voninahitra
an'Andriamanitra ihany va hianao
amin'ny andikanao ny lalàna? 24Fa
araka ny voasoratra, dia hianareo no
itenenana ratsy ny anaran'Andria-
manitra any amin'ny jentilisa.

25Fa ny famorana mahasoa tokoa,
raha mankatò ny lalàna hianao; fa
raha mpandika ny lalàna kosa hia-
nao, dia efa tonga ny tsy voafora,
na dia efa voafora aza. 26Ary raha
mankatò ny fitsipiky ny lalàna ny tsy
voafora, tsy hatao ho isan'ny voa-
fora va izy, na dia tsy voafora aza?
27Ary tsy hohelohin'ny tsy mifora
izay mankatò ny lalàna va hianao,
izay mpamadika ny lalàna, na dia
manana ny soratra sy ny famorana
aza hianao? 28Fa tsy izay araka ny
miseho no Jiosy, ary tsy izay miseho
eo amin'ny nofo no famorana; 29fa
izay araka ny miafina no Jiosy, ary
ny famorana dia amin'ny fo, amin'ny
fanahy, fa tsy amin'ny soratra; ny
fiderana ireny tsy avy amin'ny olo-
na, fa avy amin'Andriamanitra.

### Romana 3:1-8

1Koa inona ary no tombony
ananan'ny Jiosy, ary inona koa no
soa avy amin'ny famorana? 2Be iha-
ny amin'ny zavatra rehetra: voaloha-
ny, izy no notolorana ny tenin'An-
driamanitra ho adidiny. 3Fa ahoana
kosa ary? Raha tsy nino ny sasany,
moa ny tsi-finoany va hahafoana ny
fahamarinan'Andriamanitra? 4Sana-
tria izany! Aoka Andriamanitra no ho
marina, fa ny olona rehetra kosa ho
mpandainga; araka ny voasoratra
hoe: "Mba hohamarinina amin'ny
teninao Hianao, Ary hahery, rehefa
manana ady." 5Fa raha ny tsi-faha-
marinantsika no mampiseho ny fa-
hamarinan'Andriamanitra, ahoana
ary no holazaintsika? Tsy marina

**angaha Andriamanitra Izay mandatsaka ny fahatezarany! –miteny araka ny fanaon'ny olona aho– [6]Sanatria izany! Fa raha izany, hataon' Andriamanitra ahoana no fitsara izao tontolo izao? [7]Fa raha ny fahamarinan' Andriamanitra kosa no nitombo tamin'ny laingako ho voninahiny, nahoana aho no mbola tsaraina ho mpanota indray? [8]Ary nahoana no tsy hanao ratsy hihavian'ny soa isika, –araka ny anendrikendrehana anay sy ny filazan'ny sasany anay. Marina ny fanamelohana ireny.**

## Zavatra Hatao

Fenoy ny banga mba hianarana izay tombon-tsoa manokana takian'ny Jiosy mba hananany amin'ny maha-olon'Andriamanitra azy ireo:

1. "Atao hoe ________ hianao" (andininy 17).

[Ny teny hoe "Jiosy" dia avy amin'ny hoe "Joda", izay midika hoe "Fiderana". Joda dia iray amin'ireo foko roa ambin'ny folon' ny Isiraely. Andriamanitra dia nifidy ireo Jiosy ireo mba ho fiderana Azy. Teraka tamin'io foko io Jesosy, ny fokon'ny mpanjakan'Isiraely.]

2. Ianao dia "mitoky amin'ny _________" (17).

[Ny lalàn'Andriamanitra dia nomena an'i Mosesy taorian'ny nitarihany ny zanak'Isiraely nivoaka avy tao Egypta ho any amin'ny tany nampanantenaina. Ny fiainan'ny olona Jiosy dia voahodidin'ny lalàn'Andriamanitra, izay nomena azy ireo.]

3. "Manao an'________________ ho reharehanao" ianao (17).

[Ny olona Jiosy dia nirehareha tamin'ny antony fa ny Andriamanitra tokana sady marina no Andriamanitr'izy ireo, dia Izay nifidy azy ireo ho Olony.]

4. "Mahalala ny ____________" ianao (18).

5. "Mamantatra ny zavatra ______ __________" ianao (18).

6. "Efa ________________ ny lalàna hianao" (18).

[Mahalala marina tokoa ny Tenin'Andriamanitra ao amin'ny Testamenta Taloha izy ireo.]

7. Ianao dia "matoky ny tenanao ho ___________ ny jamba, ___________ ny ao amin'ny maizina, ____________ ny adala, ____________ ny bodo" (19, 20).

[Ny Jiosy tamin'ny andron'i Paoly dia nihevitra ny tenan'izy ireo ho ambony nohon'ny hafa rehetra amin'ny fomba rehetra satria Andria-

manitra dia nanankina ny Teniny tamin'izy ireo. Mihevitra ny tenanao ho manana tombon-tsoa koa ve ianao amin'ny fomba mitovy amin'izany?]

## Ny Loza amin'ny Fihatsarambelatsihy

Manana fanontaniana i Paoly, ho an'ireo izay mitaky ny mba hahalala tsara an'Andriamanitra:

1. "Hianao izay mitory hoe: 'Aza mangalatra,' mba _________ ihany va hianao?" (21).

2. "Hianao izay manao hoe: 'Aza mijangajanga,' mba ___________ ihany va hianao?" (22).

3. "Hianao izay mametaveta ny sampy, mba ____________ ___________ ihany va hianao?" (22).

[Tsy manan-draharaha atao amin'ny sampy ny Jiosy, nefa mba nampiasa zavatra nalaina avy tamin'ny tempolin'ny sampy ihany izy ho an'ny fifaliany manokana.]

4. "Hianao izay manao ny lalàna ho reharehanao, mba manala voninahitra an'Andriamanitra ihany va hianao amin'ny ____________ ny lalàna" (23).

Raha tsy miaina manaraka ny fanevan'Andriamanitra ny Olony, dia manala voninahitra ny anaran'Andriamanitra izy ireo. Nitranga izany tamin'ny nijangajangan'i Davida mpanjaka sy ny nampitenenany **… ratsy ny fahavalon'i Jehovah** (2 Samoela 12:14a).

Zavatra mahatsiravina ny mitondra fahafaham-baraka amin'ny anaran'Andriamanitra. Kanefa amin'izao andro izao dia maro ny olona manao ny tenany ho Kristiana no mitondra henatra ho an'ny anaran'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fomba fiaina feno fahotana.

Manan-javatra betsaka ho lazaina amin'ny mpihatsaravelatsihy Jesosy, **Ry mpihatsaravelatsihy, marina ny naminanian'Isaia anareo hoe: "Ity firenena ity manaja Ahy amin'ny molony; fa ny fony kosa lavitra Ahy. Koa foana ny ivavahan'ireo amiko, raha mampianatra ny didin'olombelona ho fampianarana izy** (Matio 15:7-9). Ratsiratsy kokoa noho izany aza, fa ny mpihatsaravelatsihy dia manakana ny hafa amin'ny fanatonana an'Andriamanitra, na rehefa nahataona olona izy ireo tamin'ny fomba fisainany manokana, dia hoy Jesosy; **ataonareo zanaky ny helo mihoatra indroa noho hianareo aza** (Matio 23:15b).

Ireo izay toa marina eo anatrehan'ny hafa nefa tsy marina amin'

Andriamanitra ao am-pony dia tena tandindomin-doza lehibe tokoa. Hoy Jesosy tamin'izy ireo, **Ry bibilava, taranaky ny menarana, hataonareo ahoana ny fandositra ny fanamelohana ho any amin'ny helo?** (Matio 23:33). **Fa inona no fanantenan'ny mpihatsaravelatsihy, raha maito ny ainy, ka tsoahan'Andriamanitra ny fanahiny?** (Joba 27:8). **Fa ny mpihatsaravelatsihy dia mirakitra fahatezerana** (Joba 36:13a). Angataho Andriamanitra, Izay mahalala ny fonao, mba haneho anao ny fonao manokana.

## Ny Olona Tena Ara-panahy

Ny Jiosy marina izay mitondra fiderana ho an'Andriamanitra dia manapaka ny fahotana hiala amin'ny fiainany amin'ny alalan'ny herin'ny fiainan'i Kristy ao anatiny. Abrahama dia noforana (notapahina ny nofony) mba ho famantarana amin'ny fanekena nataon'Andriamanitra taminy – famantarana ivelany amin'izay tian'Andriamanitra hatao ao anatin'ny fontsika. **Ary tao aminy koa no namorana anareo tamin'ny famorana tsy nataon-tànana, tamin'ny fanesorana ny tenan'ny nofo, dia tamin'ny famoran'i Kristy** (Kolosiana 2:11). Mosesy dia nilaza tamin'ny olon'Andriamanitra hoe, **Dia hoforan'i Jehovah Andriamanitrao ny fonao sy ny fon'ny taranakao hitiavanao an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra, mba ho velona hianao** (Deoteronomia 30:6).

## Mamaly ny Fandavan'ny Jiosy i Paoly

Ahoana no ahatongavan'izany, fa na dia ny Jiosy aza dia mpanota mila famonjena! Ny sasany mety hilaza hoe, "Inona àry no tombontsoa amin'ny maha-Jiosy?" Milaza i Paoly fa misy tombony maro, ary ny iray lehibe dia satria notolorana ny Soratra Masina izy ireo. Mety hanontany ny sasany hoe, "Moa ve ireo tsy mino amin'ny Jiosy mety hahatonga an'Andriamanitra ho tsy mahatoky amin'ny teny fikasany ho azy ireo?" Hoy Paoly, "Tsy ho izany tokoa." (Tsia dia tsia). Mahatoky mandrakariva amin'ny Teniny Andriamanitra eny fa na dia tsy mahatoky aza ny olona. Ny fandavana farany dia mety hoe, "Raha ankalazaina noho ny famonjena Andriamanitra afa-tsy amin'ny asa, moa hitsara ny ota ihany va Andriamanitra? Nahoana isika rehetra no tsy manota be mba ahatongavan'ny tsara avy amin'izany?" Mpamingavinga izay tsy nahafantatra ny fahasoavan'Andriamanitra, sy nanaratsy an'i Paoly tamin'ny alalan'ny fitondrana fitarainana fa

izany ho nampianarin'i Paoly. Rariny ny fanamelohana fisainana toy izany. Fisainan'ny olon'ny fahotana izany.

## LESONA 6. TSY MISY MARINA EO ANATREHAN'ANDRIAMANITRA

**Romana 3:9-20**

**9 Ahoana ary? Manan-kavaly va**
**isika? Tsia tsy akory; fa efa voa-**
**lazantsika rahateo ho mpanota**
**avokoa na ny Jiosy na ny jentilisa;**
**10 araka ny voasoratra hoe: "Tsy**
**misy marina na dia iray akory aza;**
**11 Tsy misy izay mahafantatra, Tsy**
**misy izay mitady an'Andriamanitra.**
**12 Samy nania avokoa izy rehetra,**
**Samy tsy mahasoa avokoa izy re-**
**hetra; Tsy misy izay manao ny tsara**
**na dia iray akory aza". 13 "Fasana**
**misokatra ny tendany; Ny lelany**
**no anaovany fitaka"; "Ny poizin'ny**
**menarana no ao ambanin'ny molo-**
**ny"; 14 "Feno ozona sy fangidiana ny**
**vavany"; 15 "Ny tongony mimaona**
**handatsa-dra; 16 Fandravana sy fan-**
**dringanana no eo amin'ny alehany;**
**17 Ary ny lalàn'ny fiadanana dia tsy**
**fantany"; 18 "Tsy misy fahatahorana**
**an'Andriamanitra eo anoloan'ny**
**masony". 19 Ary fantatsika fa izay**
**zavatra lazain'ny lalàna dia lazainy**
**amin'izay manana ny lalàna, mba**
**ho voatampina avokoa ny vava**
**rehetra, ka hiharan'ny fitsaran'An-**
**driamanitra izao tontolo izao, 20 sa-**
**tria tsy misy nofo hohamarinina**
**amin'ny asan'ny lalàna eo anatre-**
**hany; fa ny lalàna no ahazoana ny**
**fahalalana marina ny amin'ny ota.**

### Izao Tontolo Izao dia Mijoro Meloka eo Anatrehan'Andriamanitra

Paoly dia nampiasa ny fanatonana ny olona nomem-pahefana momba ny lalàna ao amin'ny fitsarana mba hitondra fiampangana fa ny olombelona rehetra dia meloka amin'ny fahotana eo anatrehan'Andriamanitra Iray Masina. Na dia ny tsy mpino tsy mahalala ny lalàn'Andriamanitra aza dia manana feon'ny fieritreretana sy mendrika hovaliana amin'ny fahatezeran'Andriamanitra, satria tsy mba nanolotra fisaorana (Lesona 3).

Ny relijiozy izay mahalala ny lalàn'Andriamanitra dia tsy mba mankatò izany (Lesosna 4). Ny Jiosy – izay noforana mba ho famantarana amin'ny fanekena nifandraisan'izy ireo tamin'Andriamanitra, sy nirehareha tamin'ny fanarahana ivelany ny lalàn'Andriamanitra – koa dia meloka eo anatrehan'Andriamanitra satria lavitra Azy ny fony (Lesona 5).

## Zavatra Hatao

Fenoy ny banga mba hahitana ireo fiampangana 14 izay nosoratan'i Paoly avy tamin'ny Testamenta Taloha. Ireto fiampangana ireto dia avy amin'Andriamanitra:

1. "____ misy marina na dia _____ akory aza" (10).

[Tsy nisy mahatratra ny faneva tonga lafatra amin'ny fahamasinan'Andriamanitra afa-tsy Andriamanitra Tenany ihany, Izay tonga olona teto an-tany, **Jesosy Kristy, Ilay Marina** (1 Jaona 2:1b).]

2. "____ misy izay mahafantatra" (11).

[**Fa ny olona izay araka ny nofo ihany dia tsy mba mandray izay an'ny Fanahin'Andriamanitra; fa fahadalana aminy izany sady tsy azony, satria araka ny Fanahy no amantarana izany.** (1 Korintiana 2:14).]

3. "____ misy izay mitady an'Andriamanitra" (11).

[Miafina amin'Andriamanitra ny olona. Tsy maintsy mitady ny olona Andriamanitra. **Fa efa tonga ny Zanak'olona hitady sy hamonjy ny very** (Lioka 19:10).]

4. "Samy nania avokoa izy __________" (12).

[Te-handeha amin'ny làlany manokana ny olona. **Isika rehetra samy efa nania tahaka ny ondry, samy efa nivily ho amin'ny làlantsika avy isika rehetra** (Isaia 53:6a).]

5. "Samy ____ __________ avokoa izy rehetra" (12).

[Ny fahotana dia mahatonga ny olona iray tsy hahasoa ho an' Andriamanitra. Raha ny sira no tonga matsatso, **Tsy misy heriny hanaovana na inona na inona intsony izy, fa hariana any ivelany…** (Matio 5:13b).]

6. "Tsy misy izay manao ny _____ na dia _____ akory aza" (12).

[**Tsy misy tsara afa-tsy Iray ihany, dia Andriamanitra** (Marka 10:18b).]

7. "Fasana misokatra ny __________" (13).

[Rehefa miala amin'Andriamanitra ny olona, dia maty ara-panahy (Efesiana 2:1), ary ny tenin'ny fanimbana dia tonga mora foana avy amin'ny vavany.]

8. "Ny lelany no anaovany _________" (13).

[**Ny tenin'ny vavany dia faharatsiana sy fitaka; efa nihadala izy ka nitsahatra tsy nanao soa** (Salamo 36:3).]

9. “Ny ________’ ny menarana no ao ambanin’ny molony” (13).

[**Fa tsy misy olona mahafolaka ny lela; zava-dratsy tsy manam-pijanonana izy sady feno ody mahafaty.** (Jakoba 3:8).]

10. “Feno ________ sy ______________ ny vavany” (14).

[Ny ozona dia mahafaoka ny ozona tsy am-piantrana olona. Ny fitahiana dia mahafaoka ny fitenenana tsara amin’olona. **Ny vava iray ihany no ivoahan’ny fisaorana sy ny fanozonana. Ry rahalahiko, tsy mety raha misy izany** (Jakoba 3:10). **Ary mitandrema tsara, fandrao hisy hiala amin’ny fahasoavan’Andriamanitra; fandrao hisy faka mangidy mitsimoka hampikorontana, ka ho voaloto ny maro** (Hebreo 12:15).]

11. “Ny tongony mimaona __________________” (15).

[Sarin’ny tontolo misy antsika ankehitriny izany! Fankahalana no fototry ny famonoana. **Izay rehetra mankahala ny rahalahiny dia mpamono olona; ary fantatrareo fa tsy mba misy mpamono olona manana fiainana mandrakizay mitoetra ao anatiny** (1 Jaona 3:15).]

12. “Fandravana sy ___________ no eo amin’ny alehany” (16).

[**Fa hoy hianao: Manan-karena sy efa nihary fananana be aho ka tsy manan-java-mahory; kanjo tsy fantatrao fa hianao no ilay ory sy mahantra sy malahelo sy jamba ary mitanjaka** (Apokalypsy 3:17).]

13. “Ary ny làlan’ny ________________ dia tsy fantany” (17).

[**Fa ny ratsy fanahy dia tahaka ny ranomasina misamboaravoara, eny, tsy mety tafatoetra izy, ka ny ranony dia mamoaka loto sy fotaka. Tsy misy fiadanana ho an’ny ratsy fanahy, hoy Andriamanitro** (Isaia 57:20, 21).]

14. “Tsy misy ________________ an’Andriamanitra eo anoloan’ny masony” (18).

[**Ny fankahalana ny ratsy no fahatahorana an’i Jehovah. Ny fiavonavonana sy ny fireharehana…ary ny vava fandainga dia samy halako avokoa. Ny fahatahorana an’i Jehovah no loharanon’aina, hanalavirana ny fandriky ny fahafatesana** (Ohabolana 8:13 sy 14:27).]

## Ny Andraikitr'Andriamanitra Manoloana ny Olombelona

Paoly dia mamerimberina ihany ireo andraikitra izay efa nentin' Andriamanitra tamin'ny alalan'ny Tenany (ao amin'ny Testamenta Taloha). **Ny fo dia mamitaka mihoatra noho ny zavatra rehetra sady manana aretina tsy azo sitranina; Iza moa no mahafantatra ny aminy? Izaho Jehovah no Mpandinika ny fo sy Mpamantatra ny voa, mba hanome ny olona rehetra araka ny alehany avy, dia araka ny vokatry ny asany** (Jeremia 17:9, 10).

## Ny Andraikitr'Andriamanitra Manoloana ny Toetran'ny Olona

Ireo andraikitra enina voalohany manoloana ny toetran'ny olona tsy marina dia voarakitra ao amin'ny Salamo 14:1-3. **Ny adala manao anakampo hoe: Tsy misy Andriamanitra. Manao izay ratsy sy vetaveta izy; tsy misy manao ny tsara. Eny an-danitra Jehovah no miondrika mijery ny zanak'olombelona, mba hizaha na misy hendry mitady an'Andriamanitra. Samy efa nivily izy rehetra ka tonga vetaveta avokoa; tsy misy manao ny tsara, na dia iray akory aza.**

## Ny Andraikitr'Andriamanitra Manoloana ny Fitenin'ny Olona

Ny andraikitra efatra manaraka dia tsy maintsy atao miaraka amin'ny vavan'ny olona. **Fa tsy misy azo itokiana ny aloaky ny vavany; ny ao anatiny dia tena faharatsiana; fasana misokatra ny tendany; mandambolambo ny lelany izy** (Salamo 5:9). **Mandranitra ny lelany tahaka ny bibilava izy, ny poizin'ny menarana no ao ambanin'ny molony** (Salamo 140:3). **Feno ozona sy fitaka ary fanaovana an-keriny ny vavany; ao ambanin'ny lelany dia misy fampahoriana sy faharatsiana** (Salamo 10:7). Nahoana ny teny lazaintsika no maneho ny ao am-pontsika? Hoy Jesosy: **Fa avy amin'ny haben'ny ao am-po no itenenan'ny vava** (Matio 12:34b). Hoy koa Izy, **Fa izay mivoaka avy amin'ny vava kosa dia avy amin'ny fo, ka izany no mahaloto ny olona** (Matio 15:18).

## Ny Andraikitr'Andriamanitra Manoloana ny Làlan'ny Olona

Ny andraikitra telo manaraka dia tsy maintsy atao miaraka amin'ny tongotry ny olona – ny làlany. **Ny tongony miriotra ho amin'ny ratsy sy mimaona handatsaka ra marina; ny fisainany dia fisainana fampahoriana, fandravana sy fandringanana no eo amin'ny alehany. Ny làlan'ny fiadanana tsy fantany; ary tsy misy rariny ao amin'ny alehany; làlana miolakolaka ny làlany, ka na iza na iza mandia izany dia tsy mahita fiadanana** (Isaia 59:7, 8).

## Ny Andraikitr’Andriamanitra Farany

Ny andraikitra farany dia manome ny *antony* mikasika ny tsi-fahamarianana lalina – rehareha. **Tsy misy fahatahorana an’Andriamanitra ao aminy. Fa miarahaba tena izy** (Salamo 36:1b, 2a).

## Izao Tontolo Rehetra izao dia Mijoro Meloka toy ny Voapanga

Andriamanitra dia efa nitady ny fo rehetra. Efa nitondra ny fiampangana Izy. Ny Teniny sy ny Lalàny (faneva masina) dia efa naneho tamintsika ny helotsika. Tsy amin’ny alalan’ny fankatoavana ny lalàn’Andriamanitra araka izay azo atao tokoa anefa no ahazoana manisa ny olona iray ho marina eo anatrehan’Andriamanitra. **Fa na iza na iza tsy mitandrina ny lalàna rehetra, nefa diso amin’ny iray loha, dia meloka amin’izy rehetra** (Jakoba 2:10).

Hitantsika izao ny didim-pitsarana hoe: *MELOKA*. Andriamanitra mahita fa izao tontolo izao dia velombelona ao amin’ny fahanginana. Tsy misy fiarovana eo anoloan’ilay Andriamanitra lehibe sy tsara.

Ao amin’ny Romana 3:19, ny teny hoe “meloka” dia midika arabakiteny hoe “ambanin’ny famaizana ampiharin’ny fitsarana”. Ny olombelona dia eo ambany famaizan’ny fahafatesana. Efa nolazaina tamin’i Adama ny vokatry ny fandehanany amin’ny làlany manokana, amin’ny fandikana ilay didin’Andriamanitra tsotra. **Ary Jehovah Andriamanitra nandidy an-dralehilahy ka nanao hoe: Ny hazo rehetra eo amin’ny saha dia azonao ihinanana ihany; fa ny hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy dia aza ihinanana; fa amin’ny andro izay ihinananao azy dia ho faty tokoa hianao** (Genesisy 2:16, 17). **Fa fahafatesana no tambin’ny ota** (Romana 6:23a).

Tian’i Paoly ho fantatsika ny helotsika eo anoloan’Andriamanitra ary ny hahafantatra ny *mahasarotra* tanteraka ny ho marina amin’Andriamanitra amin’ny alalan’ny tenantsika manokana. Tiany ho fantatsika fa *tena mila* Mpamonjy tokoa isika. Tam-pahamarinana no nandokoany sary mainty iray momba ny olombelona mba hamiratra amboninahitra kokoa ny jiro mamirapiratra ao amin’ny toko manaraka. Tiany ny hihazonantsika mafy ny drafitr’Andriamanitra amin’ny famonjena tahaka ny olona safotra iray izay miaina mafy mba ahazoana rivotra. Mahakivy ratsy ny toerana misy antsika! Nefa – araka izay ho hitantsika ao amin’ny Lesona faha 7 - dia mendrika ho deraina ny fanafahana avy amin’Andriamanitra!

## LESONA 7. NY VAHAOLAN'ANDRIAMANITRA MBA HAMONJENA NY MPANOTA: NY FANOMEZANA NY FAHAMARIANANA AMIN'NY FINOANA

**Romana 3:21-31**

**21 Fa ankehitriny dia efa nahari-
hary ny fahamarinana avy amin'
Andriamanitra, tsy amin'ny lalàna
anefa, fa ambaran'ny lalàna sy ny
mpaminany, 22 dia ny fahamarinana
avy amin'Andriamanitra amin'ny fi-
noana an'i Jesosy Kristy ho an'izay
rehetra mino; fa tsy misy hafa,
23 fa samy efa nanota izy rehetra
ka tsy manana ny voninahitra avy
amin'Andriamanitra, 24 nefa hama-
rinina maimaimpoana amin'ny fa-
hasoavany izy noho ny fanavotana
izay ao amin'i Kristy Jesosy, 25 Izay
nasehon'Andriamanitra tamin'ny
rany ho fanavotana amin'ny finoa-
na, hanehoana ny fahamarinany
amin'ny tsy namalian'Andriama-
nitra ny fahotana lasa tamin'ny
nandeferany, 26 mba hanehoana ny
fahamarinany ankehitriny, mba ho
marina Izy sady hanamarina izay
manana finoana an'i Jesosy. 27 Aiza
ary ny fireharehana? Efa foana iza-
ny. Amin'ny lalàna manao ahoana?
amin'ny lalàn'ny asa va? Tsia; fa
amin'ny lalàn'ny finoana. 28 Koa
amin'izany dia ataontsika fa finoa-
na no anamarinana ny olona, fa tsy
ny asan'ny lalàna. 29 Andriamanitry
ny Jiosy ihany va Izy? fa tsy mba
an'ny jentilisa koa? Eny, an'ny jen-
tilisa koa; 30 fa iray ihany Andriama-
nitra, Izay hanamarina ny voafora
noho ny finoana, ary ny tsy voafora
amin'ny finoana. 31 Koa mahafoana
ny lalàna amin'ny finoana va isika?
Sanatria izany! fa mampiorina tsara
ny lalàna isika.**

### Zavatra Hatao

Fenoy ny banga mba hahitana ny làlan'Andriamanitra mba hahatongavana ho marina:

1. Efa naharihary ny fahamarinana avy amin'Andriamanitra, "tsy amin'ny _________ anefa" (21). Dia "amin'ny finoana an'i _________ _________ ho __________ __________ ______ fa ____ _______ _______" (22).

2. Ireo izay mino dia "hamarinina [hambara fa marina] maimaimpoana amin'ny Fahasoavany noho ny _____________ izay ao amin'i Jesosy Kristy" (24) Jesosy dia nasehon'Andriamanitra

ho "______________ [jereo pejy 24] tamin'ny _______ amin'ny __________ hanehoana ny ________________" (25).

3. Andriamanitra dia te-haneho ny Fahamarinany, "mba ho _________ Izy sady ______________ izay manana finoana an'i _________" (26)

4. "Aiza ary ny fireharehana? Efa __________ izany" (27).

[Tsy afaka mirehareha amin'izay zavatra aontsika tahaka ny fanomezana maimaimpoana isika sady tsy mbola noraisintsika. **Dia tsy avy tamin'ny asa amin'ny fahamarinana izay nataontsika, fa araka ny famindrampo kosa no namonjeny antsika** (Titosy 3:5a).]

5. "Koa…dia ataontsika fa _____________ no anamarinana ny olona, fa tsy ny _____'ny an'i _________" (28).

## Ny Làlam-Pahamarinan'Andriamanitra

Efa hitantsika fa ny Testamenta Taloha dia vavolombelon'ny zavamisy, fa ny olombelona dia voaheloka nohon'ny fiampangana rehetra. Ny vokatra tsy azo andosirana dia ny famaizan'ny fahafatesana. Ankehitriny, dia ho porofoin'i Paoly fa ny Testamenta Taloha koa dia vavolombelon'ny fahamarinana hafa: *ny fahamarinan'Andriamanitra dia azo raisina afa-tsy ny lalàn'ny finoana an'i Jesosy Kristy.* Ny vavolombelona ho an'ny fiampangana (Tenin'Andriamanitra) koa dia ny vavolombelona ho an'ny fiarovana!

Zavatra tsara loatra no nataon'Andriamanitra ho an'ny mpanota rehefa maty teo amin'ny hazo fijaliana Jesosy! Andriamanitra dia mampiseho fa Izy dia Andriamanitra *marina*, izay mankahala ota sy tsy afaka manala tsiny izany. Hatramin'izao fotoana izao dia mbola nampiseho Izy fa Izy dia Andriamanitra *mahatoky*, izay mihazona ny Teny Fikasany, sady Andriamanitra *maneho fitiavana no be famindrampo,* izay manana indrafo amin'ny mpanota.

## Inona no Dikan'ny "Fanamarinana"

Ny teny hoe "fanamarinana" dia teny ara-dalàna izay midika hoe "afahana," "heverina ho tsy manan-tsiny," na "ambara fa marina." Amin'ny fiteny Grika – teny izay nanoratana voalohany ny Testamenta Vaovao – ity teny ity dia manana foto-teny mitovy amin'ny teny hoe

“marina.” *Misy fomba anankiray* koa azon’Andriamanitra – Mpitsara Marina, izay manambara ny “fahamelohan’ny” olona amin’ny lafin-javatra rehetra sy ny famaizana ho amin’ny fahafatesana – hanambarana fa “afaka” ny olona na “marina” amin’ny lafin-javatra rehetra ary nafahina tamin’ny sazy rehetra. Vaovao mahafinaritra izany! Ahoana no mampisy an’izao? Nianarantsika tao amin’ny Romana 2:13 **fa ny mpankatò ny lalàna no hohamarinina** (afahina na ambara fa marina). Nefa tsy misy mahavita manao izay rehetra nandidian’ny lalàn’Andriamanitra. *Kanefa nisy olona iray nahavita – dia Jesosy!* Ary ho antsika no Nanaovany izany!

Andriamanitra Tenany mihitsy no tonga nofo ka nonina anisan’ny olona (Jaona 1:1, 14) tamin’ny maha-Zanaka, izay niaina tamin’ny fiainana feno fankatoavana tanteraka ny Ray izay any an-danitra. Raha miresaka mikasika an’i Mesia (Kristy) izay ho avy, dia nilaza Isaia mpaminany hoe: **Ny fahalalana Azy no hanamarinan’ny Mpanompoko marina ny olona maro, ary Izy no hivesatra ny helok’ireo** (Isaia 53:11b). Eny, **Na dia tsy nanao ratsy aza izy, sady tsy nisy fitaka teo am-bavany. Nefa sitrak’i Jehovah ny hanorotoro sy hampangirifiry Azy** (Isaia 53:9b, 10a).

Andriamanitra dia naniraka an’i Jesosy *mba hitondra ny fahotantsika amin’ny Tenany* sy hamafa ny sazin’ny fahafatesana ho antsika. Ho takalon’izany dia *te-hanome antsika ny Fahamarinany Izy*. **Izay tsy nahalala ota efa nataony ota hamonjy antsika, mba ho tonga fahamarin’Andriamanitra ao aminy kosa isika** (2 Korintiana 5:21). Takalo mahagaga izany!

*Ity fahamarinana ity – fahamarinan’Andriamanitra – dia azon’izay rehetra matoky an’i Jesosy Kristy ho solon’izy ireo, raisina toy ny FANOMEZANA.* Azo *hamarinana* (afahana na ambara fa marina) *maimaimpoana* ianao (na dia tsy nanao na inona na inona ho valin’izany) *nohon’ny Fahasoavany* (izay azon’Andriamanitra atao ho anao fa tsy azonao atao ho an’ny tenanao).

“Finoana” – mino fotsiny fa izay lazain’Andriamanitra dia marina – dia làlana andraisan’ny fonao fanomezana maimaimpoana avy amin’Andriamanitra. **Fa fahasoavana no namonjena anareo amin’ny finoana; ary tsy avy aminareo izany, fa fanomezana avy amin’Andriamanitra; tsy avy amin’ny asa, fandrao hisy hirehareha** (Efesiana 2:8-9).

Famonjena mahafinaritra izany! Tsy misy làlana hafa mba hahavoavonjy. **Ary tsy misy famonjena amin'ny hafa; fa tsy misy anarana hafa ambanin'ny lanitra nomena ny olona izay hahazoantsika famonjena** (Asan'ny Apostoly 4:12). Hoy Jesosy; **Fa raha tsy mino hianareo fa Izaho no Izy, dia ho faty amin'ny fahotanareo hianareo** (Jaona 8:24b).

## Ny Dikan'ny hoe "Fanonerana"

"Fanonerana" dia midika hoe "mividy indray izay efa lasan'ny olona" na "mandoa feno ny vidim-panavotana." Rehefa nanaiky ny fakam-panahy nataon'i Satana i Adama, dia lasa tao ambany fahefan'ny fahotana sy fahafatesana ny olombelona. **Ny Zanak'olona tsy tonga mba hotompoina, fa mba hanompo ka hanolotra ny ainy ho avotra hisolo ny maro** (Matio 20:28b). **Fa iray no Andriamanitra, ary iray no Mpanalalana amin'Andriamanitra sy ny olona; dia Kristy Jesosy, Izay olona, sady nanolotra ny tenany ho avotra hisolo ny olona rehetra** (1 Timoty 2:5, 6a).

**Izy no ananantsika fanavotana amin'ny rany** (Efesiana 1:7a). Hisaotra Azy ve ianao amin'izao ankehitriny izao nohon'ny nandoavany vidiny lafobe ho an'ny famonjena anao? Mendrika ny fiderantsika Izy ho mandrakizay, **Fa voavono Hianao, ary ny ranao no nanavotanao ho an'Andriamanitra olona avy tamin'ny fokom-pirenena rehetra sy ny samy hafa fiteny sy ny olona ary ny firenena rehetra** (Apokalypsy 5:9b).

## Ny Dikan'ny "Avotra"

Ny teny hoe "avotra" dia midika hoe ny *fahatanterahan*'ny lalàna masin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fahatrarana fotsiny izay angatahiny. Ny ran'i Jesosy no nanao izany ho antsika. **Fa ny ra no manao fanavotana, satria aina izany** (Levitikosy 17:11b). Raha nandatsaka ny rany ho an'ny fahotan'izao tontolo izao Jesosy, dia tanteraka ny lalàna. Ny sazy nohon'ny fahotana (fahafatesana) dia voaloa tanteraka. Ampiasaina koa io teny io ho an'ny "seza famindrampo" ao amin'ny tempolin'Andriamanitra, ao amin'izay nilatsahan'ny ra ary ny fanatrehan'Andriamanitra masina mitoetra amin'ny Olony. **Izao no fitiavana: tsy ny nitiavantsika an'Andriamanitra, fa ny nitiavany antsika, ka nirahiny ny Zanany ho avotra noho ny fahotantsika** (1 Jaona 4:10). **Ary Izy no avotra noho ny fahotantsika, ary tsy noho ny antsika ihany, fa noho ny an'izao tontolo izao koa** (1 Jaona 2:2).

# LESONA 8. ABRAHAMA DIA OHATRA IRAY AMIN'IZAY NAMBARA FA MARINA TAMIN'NY ALALAN'NY FINOANA

**Romana 4:1-25**

**[1]Inona ary no holazaintsika ho
efa azon'i Abrahama, razantsika
araka ny nofo? [2]Fa raha asa no
nanamarinana an'i Abrahama, dia
misy hireharehany ihany, nefa tsy
amin'Andriamanitra. [3]Fa ahoana
hoy ny Soratra Masina? "Ary Abra-
hama nino an'Andriamanitra, ka dia
nisaina ho fahamarinany izany".
[4]Ary ho an'izay miasa, dia tsy isa-
ina ho fahasoavana ny karama, fa
ho trosa.**

**[5]Fa ho an'izay tsy miasa kosa,
fa mino Izay manamarina ny ratsy
fanahy, dia ny finoany no isaina
ho fahamarinana. [6]Dia araka izany
koa no ilazan'i Davida fa sambatra
ny olona izay isain'Andriamanitra
fahamarinana tsy amin'ny asa, hoe:
[7]"Sambatra izay voavela ny helony
sy voasarona ny fahotany. [8]Sam-
batra izay olona tsy hisain'i Jeho-
vah heloka."**

**[9]Koa izany fahasambarana iza-
ny moa an'ny voafora ihany va, sa
an'ny tsy voafora koa? fa lazaintsi-
ka fa ny finoana no nisaina ho fa-
hamarinan'i Abrahama. [10]Ary ahoa-
na no nanisana izany? Tamin'izy
efa voafora va, sa fony izy tsy mbo-
la voafora? Tsy tamin'izy efa voafo-
ra tsy akory, fa fony izy tsy mbola
voafora. [11]Ary ny famorana, izay
famantarana, dia noraisiny ho tom-
bo-kasen'ny fahamarinana amin'ny
finoana izay nananany fony izy tsy
mbola voafora, mba ho rain'ny olo-
na rehetra izay mino izy, na dia ny
tsy voafora aza, mba hisaina ho
an'ireny ny fahamarinana, [12]ary ho
rain'ny voafora, dia tsy izay voafo-
ra ihany, fa izay mandeha araka ny
dian'ny finoan'i Abrahama razantsi-
ka koa, izay nananany fony izy tsy
mbola voafora.**

**[13]Fa tsy lalàna, fa fahamarinana
amin'ny finoana, no nahazoan'i
Abrahama sy ny taranany ny teny
fikasana ho mpandova izao tonto-
lo izao izy. [14]Fa raha izay amin'ny
lalàna no mpandova, dia efa foana
ny finoana, ary efa tsinontsinona
ny teny fikasana; [15]fa ny lalàna
mahatonga fahatezerana; fa raha
tsy misy lalàna, dia tsy misy fan-
dikan-dalàna. [16]Koa finoana no
andovana, mba ho araka ny faha-
soavana, hahatò ny teny fikasana
ho an'ny taranaka rehetra,–tsy ho
an'izay amin'ny lalàna ihany, fa ho
an'izay amin'ny finoan'i Abrahama
koa, dia ilay razantsika rehetra–
[17]araka ny voasoratra hoe: "Natao-
ko ho rain'ny firenena maro hia-**

**nao” –teo anatrehan’Izay ninoany, dia Andriamanitra Izay mamelona ny maty sy miantso ny tsy misy toy ny misy.**
**18Ary na dia efa tsy nisy nanantenana aza, dia nanantena ihany izy ka nino, mba ho rain’ny firenena maro; araka ny voalaza hoe: “Ho tahaka izany ny taranakao”.**
**19Ary satria tsy mba nalemy finoana izy, dia nihevitra ny tenany izay efa hoatra ny maty (fa efa tokony ho zato taona izy) sy ny fahafatesan’ny kibon’i Saraha,**
**20ary tsy niahanahana ny amin’ny teny fikasan’ Andriamanitra tamin’ny tsi-finoana izy, fa nampaherezin’ny finoana ka nanome voninahitra an’Andriamanitra**
**21ary natoky indrindra fa izay nolazainy dia hainy hatao koa.**
**22Dia nisaina ho fahamarinany izany.**
**23Nefa tsy ho azy ihany no nanoratana fa nisaina ho azy izany,**
**24fa ho antsika izay hanisana izany koa, dia isika izay mino Ilay nanangana an’i Jesosy Tompontsika tamin’ny maty,**
**25Izay natolotra noho ny fahadisoantsika ka natsangana indray ho fanamarinana antsika.**

## Ohatra Roa ny Testamenta Taloha ny amin’ny Fanamarinana

Paoly dia mampiseho vavolombelona maro avy amin’ny Soratra Masin’ny Testamenta Taloha mba hanaporofoana fa Andriamanitra dia manamarina olona amin’ny alalan’ny finoana ary mamela heloka. Nolazain’Andriamanitra fa marina i *Abrahama* satria nino an’Andriamanitra izy. Hoy *Davida*, **Sambatra ny olona izay voavela ny helony sy voasarona ny fahotany. Sambatra ny olona izay tsy isain’i Jehovah heloka** (Salamo 32:1, 2a). Fantatrao ve ny fitahiana ny amin’ny famelana ny fahotanao?

## Ny Fomba Nanamarinana an’i Abrahama

Nambara fa marina nohon’ny zavatra nataony ve i Abrahama? Nambara fa marina ve izy satria voafora? (Famorana dia mariky ny fifanekena teo amin’Andriamanitra sy Abrahama.) Manazava i Paoly fa “Tsia” no valiny. Tsy hoe nambara fa marina i Abrahama satria mendrika nandray izany izy, tahaka ny fandraisana karama, fa tamin’ny alalan’ny fandraisana ny fanomezana avy amin’Andriamanitra.

Nampahatsiahy ny mpino tao Roma i Paoly ny amin’ny teny fikasan’Andriamanitra ho an’i Abrahama izay tsy nanan-janaka: **Jereo ange ny lanitra, ka isao ny kintana, raha mahisa azy hianao. Dia hoy Izy taminy: Ho tahaka izany ny taranakao. Ary**

**nino an'i Jehovah izy; ka dia nisainy ho fahamarinany izany** (Genesisy 15:5b, 6). Mety ho taona maro talohan'ny nahavitan'i Abrahama ny fahatanterahan'ny teny fikasan'Andriamanitra izany tamin'ny alalan'ny fahazoana na dia zaza iray ihany aza, nefa Abrahama nahalala an'Andriamanitra sy natoky Azy. Natanjaka ny finoany.

*Nino* an'Andriamanitra i Abrahama, nohamarinin'Andriamanitra (nambara fa marina) izy 14 taona talohan'ny namorana azy ary 430 taona talohan'ny nanomezana an'i Mosesy ny lalàn'Andriamanitra. Na dia toa tsy azo atao aza ny teny fikasan'Andriamanitra, dia nino an'Andriamanitra i Abrahama. Ny fankatoavan'i Abrahama an'Andriamanitra no valin'ny finoana izay efa nisaina ho fahamarinany.

## Ireo izay Mino an'Andriamanitra no Tena Zanak'i Abrahama

Taloha i Paoly dia efa nanoratra tamin'ny taratasy anankiray hafa hoe, **Koa fantaro fa izay amin'ny finoana no zanak'i Abrahama. Ka dia izay amin'ny finoana notahina mbamin'i Abrahama mpino** (Galatiana 3:7, 9).

## Zavatra Hatao

Valio ireto fanontaniana ireto avy amin'ny Romana toko faha 4:

1. Finoan'iza no isaina ho fahamarinana? "Ho an'izay tsy _____ kosa, fa ______ Izay manamarina ny ______" (andininy 5).

2. Oviana no nanisany ny finoan'i Abrahama ho fahamarinana? Fony izy ____ ________ ___________" (10).

[*Talohan'ny* nanaovany fomba fanao momba ny fivavahana.]

3. Inona no famantarana amin'ny famorana [fanapahana ny nofo]? Izany dia "______________ ny fahamarianana amin'ny ___________ izay nananany fony izy tsy mbola voafora" (11).

[Ny tombo-kase dia famantarana omena mba hanehoana fa marina ny zavatra iray.]

4. Nahoana Abrahama no nandray ny tombo-kasen'ny fahamarinana? "Mba ho ______'ny olona rehetra izay _______ izy, na dia ny tsy voafora aza, mba hisaina ho an'ireny ny __________________" (11).

5. Inona no ninoan'i Abrahama momba an'Andriamanitra? Izay "mamelona ny ______ sy miantso ny tsy ______ toy ny misy" (17b).

[**Ary hianareo dia efa novelominy, fony mbola matin'ny faha-**

**disoanareo sy ny fahotanareo** (Efesiana 2:1). Mino ve ianao fa nanao izany ho anao Andriamanitra?]

6. Ahoana no nanehoan'i Abrahama ny tenany ho nampaherezin'ny finoana? Tamin'ny alalan'ny fanomezana ______________ an'Andriamanitra (20).

7. Inona no naharesy lahatra tanteraka an'i Abrahama? "Fa izay nolazainy [Andriamanitra] dia hainy _________ koa" (21).

[Resy lahatra tanteraka ve ianao fa ny ran'i Jesosy no manadio anao amin'ny fahotana rehetra ary ianao dia manana fiainana mandrakizay amin'ny Alalany araka izay Nampanantenainy? Raha izany, dia aoka ho mahery amin'ny finoana ary manomeza voninahitra Azy. **Fantatro Izay inoako, ary matoky aho fa Izy dia mahatahiry ilay zavatra natolotro Azy mandra-pihavin'izay andro izay** (2 Timoty 1:12b).]

8. Iza koa no hanisana ny fahamarinana ho azy ireo? "Fa ho antsika izay hanisana izany koa, dia isika izay ______ Ilay _____________ an'i Jesosy Tompontsika tamin'ny ______" (24).

9. Nahoana Jesosy no nohomboana tamin'ny hazo fijaliana sy nitsangana tamin'ny maty? Izy dia "natolotra noho ny _______________ (tamin'Andriamanitra) ka natsangana indray ho ________________ antsika" (25).

[Jesosy dia maty mba hanefa ny sazin'ny fahotantsika sy hanaisotra ny fahotantsika amintsika. Ny fitsanganany tamin'ny maty dia naneho fa nanaiky ny sorona Andriamanitra ary nanambara antsika fa marina ao Aminy. **Ary maty hamonjy ny olona rehetra Izy, mba tsy ho velona ho an'ny tenany intsony izay velona, fa ho an'Izay efa maty sy nitsangana hamonjy azy** (2 Korintiana 5:15).]

## LESONA 9. NY FITAHIAN'NY FANAMARINANA

**Romana 5:1-11**

**[1]Koa amin'izany, satria efa nohamarinina tamin'ny finoana isika, dia aoka isika hanana fihavanana amin'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika. [2]Tamin'ny alalany koa no efa nahazoantsika fanatonana amin'ny finoana ho amin'izao fahasoavana itoerantsika izao, ka dia aoka isika hifaly amin'ny fanantenana ny voninahitr'Andriamanitra. [3]Ary tsy izany ihany, fa aoka isika hifaly amin'ny fahoriana aza, satria fantatsika fa**

ny fahoriana mahatonga fahareta-
na; 4ary ny faharetana mahatonga
fahatsaram-panahy voazaha toetra;
ary ny fahatsaram-panahy voaza-
ha toetra mahatonga fanantenana;
5ary ny fanantenana dia tsy mampa-
hamenatra, satria ny Fanahy Masi-
na, Izay nomena antsika, no nentiny
nampidina ny fitiavan'Andriamanitra
ho ao am-pontsika.

6Fa fony mbola tsy nanan-kery
isika, dia maty Kristy tamin'ny fo-
toan'andro hamonjy ny ratsy fa-
nahy. 7Fa saiky tsy misy olona ma-
naiky ho faty hamonjy ny marina;
fa angamba hisy ihany ny sasany
sahy maty aza hamonjy ny manao
soa. 8Fa Andriamanitra mampiseho
ny fitiavany antsika, fa fony mbola
mpanota isika, dia maty hamonjy
antsika Kristy. 9Koa mainka aza ny
hamonjeny antsika ho afaka amin'ny
fahatezerana ankehitriny, rehefa no-
hamarinina tamin'ny rany isika. 10Fa
raha fony mbola fahavalo aza isika
no nampihavanina tamin'Andriama-
nitra tamin'ny nahafatesan'ny Za-
nany, mainka ny hamonjena antsika
amin'ny fahavelomany ankehitriny,
rehefa nampihavanina. 11Ary tsy iza-
ny ihany koa, fa mifaly amin'Andria-
manitra isika amin'ny alalan'i Jesosy
Kristy Tompontsika, Izay nahazoan-
tsika ny fihavanana ankehitriny.

## Zavatra Hatao

Fenoy ny banga mba hahitana ireo fitahiana maro ananantsika rehefa nohamarinina (nambara fa marina) tamin'ny alalan'ny finoana an'i Jesosy isika. Faly ve ianao amin'ireto fitahiana tsirairay ireto?

1. "Isika dia manana _________ amin'___________ amin'i Jesosy Kristy Tompontsika" (andininy 1).

2. Tamin'ny alalan'i Jesosy "no efa nahazoantsika _________ amin'ny finoana ho amin'izao fahasozana itoerantsika izao" (2).

[Noho izay nataon'i Jesosy ho antsika, dia mahazo fitia amin'Andriamanitra isika ary afaka manatona Azy amin'ny zavatra izay Nampanantenainy. **Koa aoka isika hanatona ny seza fiandrianan'ny fahasoavana amin'ny fahasahiana, mba hahazoantsika famindrampo sy hahitantsika fahasoavana ho famonjena amin'izay andro mahory** (Hebreo 4:16).]

3. Isika dia mifaly "amin'ny fanantenana ny _______'Andriamanitra" (2).

[Mahita ny voninahitr'Andriamanitra isika araka ny anehoan'ny Fanahy Masina Azy amintsika ao amin'ny Tenin'Andriamanitra ary amin'ny amelantsika an'i Jesosy honina ao anatintsika. **Dia Kristy ao anatinareo, Izay fanantenana ny voninahitra** (Kolosiana 1:27b). Indray andro any dia hahita Azy mivantana isika ary ho tahaka Azy (1 Jaona 3:2).]

4. “Aoka isika hifaly amin’ny ____________ aza, satria fantatsika fa ny fahoriana mahatonga _____________; ary ny faharetana mahatonga ______________________; ary ny fahatsaram-panahy voazaha toetra mahatonga _______________” (3, 4).

[**Ry rahalahiko, ataovy ho fifaliana avokoa, raha iharan’ny fakam-panahy samy hafa hianareo, satria fantatrareo fa ny fizahan-toetra ny finoanareo dia mahatonga faharetana** (Jakoba 1:2, 3). Ny fahoriana dia tahaka ny fitaovam-piasana izay manasaraka ny voambary amin’ny ampombo. Amin’ny alalan’ny fahasoavan’ Andriamanitra, ny fahoriana dia afaka manadio ny fiainantsika. Raha tena te-hitovy amin’i Kristy tokoa isika, dia mitondra fifaliana lehibe ho antsika izany.]

5. “Ny fanantenana dia tsy ____________, satria ny ________ _________, Izay nomena antsika no nentiny nampidina ny ____________’Andriamanitra ho ao am-pontsika” (5).

[Ny Fanahy Masina dia manafotra antsika amin’ny fahalalana fa Andriamanitra dia tia antsika ary mameno amin’ny fitiavana ho Azy sy ho an’ny hafa. Ny porofon’ny fitiavan’Andriamanitra dia Kristy nanome ny Fiainany ho antsika fony mbola mpanota isika (andininy 8).]

6. “Koa mainka aza ny hamonjeny antsika ho afaka amin’ny _________ ankehitriny rehefa nohamarinina tamin’ny Rany isika” (9).

[**Fa Andriamanitra tsy nanendry antsika ho amin’ny fahatezerana, fa mba hahazo famonjena amin’ny alalan’i Jesosy Kristy Tompontsika, Izay maty hamonjy antsika, mba hiara-belona aminy isika, na mahatsiaro na matory** (1 Tesaloniana 5:9, 10).]

7. “Isika dia nampihavanina (naverina tamin’ny firaisana tamin’ Andriamanitra), mainka ny ___________ antsika amin’ny __________ ankehitriny” (10).

[Isika koa dia novonjena (nafahana) ho afaka amin’ny herin’ny fahotana ao amin’ny fiainantsika tamin’ny alalan’ny fitsanganan’i Jesosy tamin’ny maty – Izay monina ao anatintsika ary ny Fanelanelanany antsika amin’ny fidirana any an-danitra. **Koa amin’izany dia mahavonjy tokoa izay manatona an’Andriamanitra amin’ny alalany Izy, satria velona mandrakizay hanao fifonana ho azy** (Hebreo 7:25).]

# LESONA 10. SARIN’IREO ADAMA ROA

**Romana 5:12-21**

**[12]Koa izany dia tahaka ny
nidiran’ny ota avy tamin’ny olona
iray ho amin’izao tontolo izao, ary
ny ota no nidiran’ny fahafatesana,
ka nahatratra ny olona rehetra ny
fahafatesana, satria samy efa nano-
ta izy rehetra; [13]fa hatrany alohan’ny
lalàna aza dia nisy ota tamin’izao
tontolo izao; nefa tsy isaina ny ota,
raha tsy misy lalàna; [14]fa ny fahafa-
tesana nanjaka hatramin’i Adama ka
hatramin’i Mosesy, na dia tamin’izay
tsy nanota tahaka ny nanotan’i Ada-
ma aza, izay tandindon’Ilay ho avy.
[15]Nefa tsy tahaka ny fahadisoana ny
fanomezam-pahasoavana. Fa raha
ny fahadisoan’ny anankiray no na-
hatonga fahafatesana ho an’ny maro,
mainka ny fahasoavan’Andriamanitra
sy ny fanomezana amin’ny fahasoa-
van’ny Olona iray, dia Jesosy Kristy,
no tonga be ho an’ny maro kosa. [16]Ary
tsy tahaka ny avy amin’ny anankiray
izay nanota ny fanomezana; fa noho
ny nataon’ny anankiray no niseho-
an’ny fitsarana ho fanamelohana, fa
noho ny fahadisoana maro kosa no
nisehoan’ny fanomezam-pahasoava-
na ho fanamarinana. [17]Fa raha ny
fahadisoan’ny olona anankiray no
nanjakan’ny fahafatesana noho ny
nataon’ny anankiray, mainka izay
mahazo ny haben’ny fahasoavana
sy ny fanomezan’ny fahamarinana
no hanjaka amin’ny fiainana noho
ny nataon’ny Anankiray, dia Jesosy
Kristy. [18]Koa tahaka ny nahatonga-
van’ny fanamelohana ho an’ny olona
rehetra noho ny fahadisoana iray no
nahatongavan’ny fanamarinana ho
amin’ny fiainana kosa ho an’ny olona
rehetra noho ny fahamarinana iray.
[19]Fa tahaka ny nanaovana ny maro
ho mpanota noho ny tsi-fanarahan’ny
olona iray, no hanaovana ny maro ho
marina kosa noho ny fanarahan’ny
Anankiray. [20]Ary ny lalàna dia nidi-
tra koa hahabe ny fahadisoana. Nefa
teo amin’izay nihabiazan’ny ota no
nihoaran’ny fahasoavana be lavitra,
[21]mba ho tahaka ny nanjakan’ny ota
tao amin’ny fahafatesana no hanja-
kan’ny fahasoavana kosa amin’ny fa-
hamarinana ho fiainana mandrakizay
amin’ny alalan’i Jesosy Kristy Tom-
pontsika.**

## Zavatra Hatao

Tadiavo ny fahasamihafana misy eo amin’ilay Adama voalohany (noharian’ Andriamanitra tany am-piandohana) sy ilay Adama farany (Jesosy Kristy):

### Ilay Adama Voalohany

1. “Ny nidiran’ny ___ avy tamin’ny olona iray ho amin’izao tontolo izao, ary ny ota no nidiran’ny fahafatesana, ka nahatratra ny olona ______ ny ___________, satria samy efa ______ izy rehetra” (12).

2. “Ny fahadisoan’ny olona anankiray no ________’ny fahafatesana” (17a).

3. “Nahatongavan’ny __________ ho an’ny olona _______ noho ny fahadisoana iray no nahatongavan’ny ____________” (18a).

[Fanamelohana dia midika hoe “nambara fa meloka” **Fa izay tsy mino kosa dia efa voaheloka rahateo, satria tsy nino ny anaran’ny Zanakalahy Tokan’Andriamanitra izy** (Jaona 3:18b).]

4. “Fa tahaka ny nanaovana ny maro ho ______ noho ny ___________’ny olona iray” (19a).

[Rehefa nanota Adama, dia lasa mpanota avokoa ny taranany rehetra (izay teo aminy). Isika dia teraka teo amin’ny natiora izay manota.]

5. “Nanjakan’ny ota tao amin’ny ___________” (21a).

[**Fa tahaka ny ahafatesan’ny olona rehetra ao amin’i Adama** (1 Korintiana 15:22a).]

**Ilay Adama Farany, Jesosy Kristy**

6. “Ny fahasoavan’Andriamanitra sy ny ________________ amin’ny fahasoavan’ny Olona iray, dia Jesosy Kristy, no tonga be ho an’ny ______ kosa” (15b).

[Fahasoavana dia izay ataon’Andriamanitra ho antsika fa tsy azontsika atao ho an’ny tenantsika. Ny fanomezana amin’ny fiainana dia azon’ny rehetra raisina dia izay mandray izany amin’ny alalan’ny finoana an’i Jesosy.]

7. “Noho (satria) ny fahadisoana maro kosa no nisehoan’ny ____________________________ ho ______________” (16b).

[Ireo fahadisoana manohitra an’Andriamanitra dia mety ho voakarakara amin’ny alalan’ny fanomezana maimaimpoana ihany. Jesosy dia nanefa ny sazin’ny fahotantsika (fahafatesana); noho izany dia afaka manambara Andriamanitra fa ireo izay matoky Azy dia “tsy meloka.” Fanamarinana dia midika hoe “nambara fa marina” ary marina amin’Andriamanitra. Fanomezana mahafinaritra izany!]

8. “Izay mahazo ny haben’ny ____________ sy ny fanomezan’ny fahamarinana no __________ amin’ny fiainana” (17b).

[**Fa ny fahasoavana sy ny fahamarinana kosa dia tonga tamin’ny alalan’i Jesosy Kristy** (Jaona 1:17b). Feno fahasoavana Jesosy, ary ireo izay manana ny Fiainany ao anatin’izy ireo dia afaka

manana fahasoavana feno ho fandresena eo amin'ny fiainana. **"Andriamanitra manohitra ny mpiavonavona, fa manome fahasoavana ho an'ny manetry tena"** (Jakoba 4:6b). **Fa isaorana anie Andriamanitra, Izay mitondra anay mandrakariva ao amin'i Kristy toy ny fanaon'izay avy nandresy** (2 Korintiana 2:14a).]

9. "Nahatongavan'ny fanamarinana ho amin'ny ___________ kosa ho an'ny olona ________ noho ny ___________ iray" (18b).

[Ny marina amin'izay nahafatesan'i Jesosy naka ny toerantsika dia nanonitra tanteraka ny sazy notakian'ny lalàn'Andriamanitra, noho izany dia nohamarinina Izy (manana antony tsara) mba hanambara antsika fa marina sy hanome fiainana ho antsika **No ahaveloman'ny olona rehetra kosa *ao amin'i Kristy*. Adama farany** (Jesosy) **natao fanahy mahavelona** (1 Korintiana 15:22b, 45b).]

10. "No hanaovana ny maro ho _________ kosa noho ny ______________'ny Anankiray" (19b).

[**Izy, dia nanetry tena ka nanaiky hatramin'ny fahafatesana, dia ilay fahafatesana tamin'ny hazo fijaliana** (Filipiana 2:8b). Satria Jesosy dia mpankatò, izay rehetra mikambana Aminy dia *nambara* fa marina. Ny Fiainany manan-kery ao anatin'izy ireo koa dia *manao* azy ireo ho marina (mba ho tahaka an'i Jesosy).]

## Mila Ateraka Indray Ianao

Teraka niaraka tamin'ireo fironan'i Adama feno fahotana ireo ianao izay mitarika ho amin'ny fahafatesana. Ny fon'ny olona dia ratsy loatra (Jeremia 17:9) ary tsy azo amboarina. *Mila ateraka indray miaraka amin'ny fo vaovao ianao.* Nampanantena Andriamanitra, **Ary homeko fo vaovao hianareo, ary fanahy vaovao no hataoko ao anatinareo** (Ezekiela 36:26a).

Tsy nandova ny toetran'i Adama izay feno fahotana Jesosy, satria Andriamanitra no Rainy, fa tsy Adama. Ilay Zanak'Andriamanitra tsy manam-pahotana ihany no afaka manomboka taranaka vaovao izay, mandova ny toetra marin'ny Rain'izy ireo any an-danitra, amin'ny alalan'ny finoana Azy.

**Fa izay rehetra nandray Azy dia nomeny hery ho tonga zanak'Andriamanitra, dia izay mino ny anarany** (Jaona 1:12). Efa teraka ho zanak'Andriamanitra ve ianao tamin'ny alalan'ny finoana fa Jesosy dia maty teo amin'ny toerana sy tamin'ny alalan'ny fandraisana Azy? Raha tsia, raiso Izy izao ankehitriny izao. Ary misaora

an'Andriamanitra noho ny fanomezana amin'ny fiainana vaovao ao amin'i Jesosy! **Koa raha misy olona ao amin'i Kristy, dia olombaovao izy; efa lasa ny zavatra taloha, indreo, efa tonga vaovao ireo** (2 Korintiana 5:17).

Ao amin'ireo lesona ho avy dia hianatra ny *fomba* fiaina ity fiainana vaovao ity ianao.

## LESONA 11. AHOANA NO AHAFAHANA AMIN'NY FAHOTANA

**Romana 6:1-14**

**[1]Inona ary no holazaintsika? Mbo-
la hitoetra amin'ny ota ihany va isika
hitomboan'ny fahasoavana? [2]Sana-
tria izany! Hataontsika izay efa maty
ny amin'ny ota ahoana no ho velona
aminy ihany? [3]Tsy fantatrareo va fa
na iza na iza isika no efa natao bati-
sa ho amin'i Kristy Jesosy dia natao
batisa ho amin'ny fahafatesany?
[4]Koa niara-nalevina taminy tamin'ny
batisa ho amin'ny fahafatesana isika,
mba ho tahaka ny nananganana an'i
Kristy tamin'ny maty tamin'ny voni-
nahitry ny Ray no handehanantsika
kosa amin'ny fiainam-baovao. [5]Fa
raha nampiraisina taminy tamin'ny
endriky ny fahafatesany isika, dia ho
tahaka izany koa amin'ny fitsangana-
ny; [6]fa fantatsika fa ny toetsika talo-
ha dia niaraka nohomboana taminy
hanimbana ny tenan'ny ota, mba tsy
hanompoantsika ny ota intsony. [7]Fa
izay efa maty dia afaka amin'ny ota.
[8]Ary raha niara-maty tamin'i Kristy
isika, dia mino fa hiara-belona aminy
koa isika; [9]ary fantatsika fa rehefa
nitsangana tamin'ny maty Kristy, dia
tsy maty intsony Izy; tsy manan-kery
aminy intsony ny fahafatesana. [10]Fa
ny amin'ny nahafatesany, dia maty ny
amin'ny ota indray mandeha Izy; fa ny
amin'ny ahavelomany kosa, dia velo-
na ho an'Andriamanitra Izy. [11]Ary aoka
ho tahaka izany koa hianareo, ka ny
tenanareo dia ataovy ho efa maty ny
amin'ny ota, fa velona ho an'Andria-
manitra ao amin'i Kristy Jesosy. [12]Koa
aza avela ny ota hanjaka amin'ny te-
nanareo mety maty hanarahanareo ny
filany; [13]ary aza manolotra ny momba
ny tenanareo ho amin'ny ota ho fia-
dian'ny tsi-fahamarinana; fa atolory
ny tenanareo ho an'Andriamanitra,
toy ny efa maty nefa velona, ary ny
momba ny tenanareo ho fiadian'ny
fahamarinana ho an'Andriamanitra.
[14]Fa ny ota tsy hanan-kery aminareo; fa
tsy mba ambanin'ny lalàna hianareo,
fa ambanin'ny fahasoavana.**

### Fanamarinana antsika amin'i Jesosy Kristy

Ao amin'ny Lesona 10 dia nianatra isika fa ao amin'i Jesosy, isika dia mahazo "betsaka lavitra" noho izay verintsika tao amin'i Adama. Tahaka ny nahatongavan'ny fanamelohana tamin'ny firazanan'ny olona manontolo noho ny olona iray – Adama, no nahatongavan'ny

famonjena ho amin'ny firazanana rehetra noho ny Anankiray – dia Jesosy Kristy.

Ireo izay nisarika fiainana ara-nofo amin'ny alalan'i Adama dia ao amin'ny fahandevozan'ny fahotana. Ireo izay nisarika fiainana ara-panahy amin'ny alalan'ny Jesosy Kristy dia afaka amin'ny fahandevozan'ny fahotana. Malalaka izy ireo amin'ny fiainana ho amin'Andriamanitra.

Ny batisa (izay midika ara-bakiteny hoe: "fanitrihana") amin'ny rano dia fanehoana ivelany ny fijoroana vavolombelona amin'izay miseho tokoa ao anatin'ireo izay matoky an'i Jesosy Kristy. Amin'ny alalan'ny finoana no ahafantaran'ny Kristiana marina iray fa izy dia efa nikambana tamin'i Kristy tao amin'ny Fahafatesany, fandevenana, ary ny Fitsanganana tamin'ny maty. Ny filentehana ambanin'ny rano dia maneho fa efa maty sy natsangana tamin'ny maty tao amin'i Kristy ny fiainana feno fahotana taloha nanan'ny mpino. Ny fivoahana avy amin'ny rano dia maneho fa ny mpino dia nampiraisina tamin'i Kristy tamin'ny Fitsanganany tamin'ny maty ho amin'ny fiainana vaovao ary velona miaraka amin'ny fiainana vaovao mba hanompo an'Andriamanitra sy hamoa be.

**Voahombo miaraka amin'i Kristy amin'ny hazo fijaliana aho, ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko; fa izay ivelomako ankehitriny eo amin'ny nofo dia ivelomako amin'ny finoana ny Zanak'Andriamanitra, Izay efa tia ahy ka nanolotra ny tenany hamonjy ahy** (Galatiana 2:20).

Tao amin'ny Lesona 2 dia nianarantsika fa ny fahamarinan'Andriamanitra dia "naseho avy tamin'ny finoana ho amin'ny finoana." Voalohany, isika dia nahafana tamin'ny *fanamelohana* sy ny *sazin*'ny fahotana rehefa mino isika fa Kristy maty nisolo ny toerantsika. Andriamanitra dia afaka manambara fa "tsy meloka" isika ary manambara fa marina isika amin'ny alalan'ny fahatokiana ny fahamarinan'i Kristy ao amin'ny tantarantsika.

Ankehitriny dia hitantsika fa ny famonjena (fanavotana) koa dia mahafaoka ny fanafahana amin'ny *herin'ny* fahotana. Romana 6:1-14 dia manampy antsika ahafantatra izay tokony hatao momba ny fahotana kanefa isika dia mbola miaina ao anaty vatana ara-nofo ao amin'ny tontolo feno fahotana. Ireo andininy ireo dia manampy antsika hahafantatra fa afaka miaina am-pahamarinana isika amin'ny alalan'ny herin'ny fiainan'ny fitsanganan'i Kristy izay miasa ao anatintsika, sy manao antsika hitovy Aminy bebe kokoa hatrany. Tsy mila fehezin'ny fahotana izay nitondra antsika taloha isika.

## Zavatra Hatao

Fenoy ny banga avy amin'ny Romana 6 mba hianarana izay tian'i Paoly ho FANTATSIKA, ho LANJALANJAINA, ary HANOLORANA (hifikirana):

**Milaza amintsika i Paoly mba HAHAFANTARANTSIKA marina**

1. "fa ny toetsika taloha dia niaraka _________ Taminy hanimbana ny tenan'ny ota, (midika hoe "tsy afaka mampiasa"), mba tsy _______________ ny ota intsony" (andininy 6). "Fa izay efa maty dia _____ amin'ny ota" (7).

2. "fa rehefa __________ tamin'ny maty Kristy, dia tsy maty intsony Izy" (9). "Dia maty ny amin'ny ota ______ _________ Izy; fa ny ahavelomany kosa, dia velona ho an'_____________ Izy" (10).

[Rehefa maty ny amin'ny ota Kristy, dia maty ny amin'ny ota koa ireo izay nikambana Taminy. Ary rehefa velona ho an'Andriamanitra Kristy, dia velona ho an'Andriamanitra koa izy ireo.]

**Milaza amintsika i Paoly mba HANDANJALANJA (hanisa, hino ho marina)**

3. "ka ny tenanareo dia ataovy ho efa ______ ny amin'ny ___, fa _______ ho an'_____________ ao amin'i Kristy Jesosy" Tompontsika (11).

[Afaka mivelona ho an'Andriamanitra isika amin'ny fitoerana ao amin'i Jesosy ihany, izay velona ho an'Andriamanitra. **Fa efa maty hianareo, ary ny fiainanareo miara-miafina amin'i Kristy ao amin'Andriamanitra** (Kolosiana 3:3). Satria maty ianao, dia tsy mila mankatò izay ilain'ny vatanao. **Maty ny Anankiray hamonjy ny olona rehetra, ka dia maty koa izy rehetra; ary maty hamonjy ny olona rehetra Izy, mba tsy ho velona ho an'ny tenany intsony izay velona, fa ho an'Izay efa maty sy nitsangana hamonjy azy** (2 Korintiana 5:14b, 15).]

**Milaza amintsika i Paoly mba HANOLOTRA (hifikitra, hipetraka amin'izay fandaharan'Andriamanitra)**

4. "ny tenanareo ho an'Andriamanitra, toy ny efa ____ nefa ______" (13b).

5. "ny momba ny tenanareo (maso, sofina, vava, tànana, tongotra, sns.) ho ______'ny ___________ ho an'Andriamanitra" (13b).

[Isika dia TSY tokony hamela ny tenantsika hanota tahaka izay

nataontsika taloha. Ankehitriny isika dia manome ny fizarana rehetra ao amin’ny tenantsika ho an’Andriamanitra mba hanaovana izay marina. Fisakaizana amin’Andriamanitra mahagaga, sy mahafinaritra izany! Te-honina ao anatintsika Izy, hanao antsika ho tahaka an’i Kristy, ary hanao ny Asany amin’ny alalantsika, tahaka izay azony natao tamin’ny alalan’i Jesosy fony Izy tety an-tany. Rehefa manao izany ianao dia, mampanantena Izy fa tsy hanana fanapahana amintsika ny fahotana (andininy 14).]

**FAHAFANTARANA sy FINOANA ary FIFIKIRANA dia mitarika ho amin’izay Ataon’Andriamanitra ao anatintsika sy amin’ny alalantsika izay tsy haintsika atao.**

## LESONA 12. NY MPINO DIA ADEVON’NY FAHAMARINANA

**Romana 6:15-23**

**15 Ahoana ary? hanota va isika,**
**saingy tsy ambanin’ny lalàna, fa**
**ambanin’ny fahasoavana? Sanatria**
**izany! 16 Tsy fantatrareo va fa raha**
**manolo-tena ho mpanompo hianareo**
**na ho an’iza na ho an’iza, dia mpa-**
**nompon’izay arahinareo, na ny ota ho**
**amin’ny fahafatesana, na ny fanara-**
**hana ho amin’ny fahamarinana? 17 Ary**
**isaorana anie Andriamanitra, fa na dia**
**efa mpanompon’ny ota aza hianareo,**
**ny fonareo dia efa nanaraka ny fom-**
**ban’ny fampianarana izay nanolora-**
**na anareo; 18 ary rehefa natao afaka**
**tamin’ny ota hianareo, dia tonga mpa-**
**nompon’ny fahamarinana. 19 Miteny**
**araka ny fanaon’ny olona aho noho**
**ny fahalemen’ny nofonareo; fa tahaka**
**ny nanoloranareo ny momba ny tena-**
**nareo ho mpanompon’ny fahalotoana**
**sy ny tsi-fanarahan-dalàna hahatan-**
**teraka ny tsi-fanarahan-dalàna, dia**
**mba atolory ankehitriny toy izany koa**
**ny momba ny tenanareo ho mpanom-**
**pon’ny fahamarinana hahatanteraka**
**ny fahamasinana. 20 Fa fony mpanom-**
**pon’ny ota hianareo, dia afaka ta-**
**min’ny fahamarinana. 21 Inona ary no**
**vokatra azonareo fahiny tamin’izay**
**zavatra mahamenatra anareo ankehi-**
**triny? fa fahafatesana no hiafaran’iza-**
**ny zavatra izany. 22 Fa ankehitriny, re-**
**hefa natao afaka tamin’ny ota hianareo**
**ka efa tonga mpanompon’Andria-**
**manitra, dia manana ny vokatrareo**
**ho amin’ny fahamasinana, ary ny**
**farany dia fiainana mandrakizay. 23 Fa**
**fahafatesana no tambin’ny ota; ary**
**fiainana mandrakizay no fanomezam-**
**pahasoavana avy amin’Andriamanitra**
**ao amin’i Kristy Jesosy Tompontsika.**

### Tompo Iza No Tompoinao?

Talohan’ny nanambaran’Andriamanitra antsika fa marina ao amin’i Kristy, dia nanompo fahotana isika. Fahotana dia tompon’asa mafy,

mampanao zavatra izay mitarika antsika ho amin'ny fahantrana sy fahafatesana. Akory ny hatsaran'ny manompo fahamarinana! Ankehitriny dia efa nafahana tamin'ny fahotana isika, afaka manolotra ny tenantsika hankatò ny zavatra marina tian'Andriamanitra hatao isika.

Fantatrao ve hoe iza no tomponao? **Tsy misy olona mahay manompo tompo roa; fa ny anankiray ho halany, ary ny anankiray ho tiany; na ny anankiray hombany, ary ny anankiray hohamavoiny** (Matio 6:24a). **Izany no mampiseho miharihary izay Zanak'Andriamanitra sy izay zanaky ny devoly. Tsy mba avy amin'Andriamanitra izay rehetra tsy manao ny marina sy izay tsy tia ny rahalahiny** (1 Jaona 3:10). Jesosy dia namaritra mazava tsara ny fahasamihafana misy eo amin'ireo tompo roa ireo: **Ny mpangalatra tsy avy raha tsy hangalatra sy hamono ary handringana; Izaho avy mba hananany fiainana, sady hananany be dia be. Izaho no Mpiandry Tsara: ny Mpiandry Tsara manolotra ny ainy hamonjy ny ondry** (Jaona 10:10, 11). Satana, ilay mpamitaka sy mpangalatra, dia miezaka manao ny ota ho mampaniry nefa tonga mba handringana antsika. Jesosy, Ilay Mpiandry tsara, dia tonga mba hanome antsika fiainana be dia be ary miahy antsika. Maty ho antsika koa Izy.

Andevon'izay tompo ankatoavinao ianao. Ny tompo iray, fahotana, dia *manefa tamby* – fahafatesana. Ilay tompo anankiray kosa, Andriamanitra, dia manolotra mba *hanome* anao izay tokony horaisinao – fiainana mandrakizay ao amin'i Jesosy. **Ary izao no fiainana mandrakizay, dia ny mahafantatra Anao, Izay Andriamanitra tokana sady marina, sy Jesosy Kristy, Izay efa nirahinao** (Jaona 17:3).

## Misy Fahavokarana be ao amin'i Kristy

Hoy Jesosy, **Izaho no voaloboka, hianareo no sampany. Izay miray amiko, ary Izaho aminy, dia mamoa be izy; fa raha misaraka amiko kosa hianareo, dia tsy mahay manao na inona na inona** (Jaona 15:5). Ireo izay miray amin'i Kristy dia hamoa ny vokatry ny fitoviana Aminy. **Fa ny vokatry ny Fanahy kosa dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemem-panahy, fahononam-po** (Galatiana 5:22, 23a). Izay ataon'i Kristy ao anatinao sy noho ianao dia haharitra mandrakizay.

## Samy Mitombo ny Fahotana sy ny Fahamarinana

Ny maha-andevon'ny fahotana sy ny fampiasana ny tenanao ho an'ny tsi-fanarahan-dalàna (fandehanana amin'ny làlanao manoka-

na) dia mitarika ho amin'ny tsi-fanarahan-dalàna kokoa hatrany ihany.

Nefa rehefa manafaka anao amin'ny fahotana Andriamanitra (famonjena), dia tonga andevon'ny fahamarinana ianao miaraka amin'ny faniriana vaovao mamporisika anao hanao izay marina. Mitarika ho amin'ny fahamasinana bebe kokoa hatrany izany (fanamasinana). **Fa Andriamanitra no miasa ao anatinareo na ny fikasana na ny fanaovana hahatanteraka ny sitrapony** (Filipiana 2:13).

## LESONA 13. FAHAFAHANA AMIN'NY FAHANDEVOZANA HO AMIN'NY LALÀN'ANDRIAMANITRA

### Romana 7:1-13

**1 Tsy fantatrareo, va, ry rahalahy (fa
miteny amin'izay mahalala ny lalàna
aho), fa ny lalàna dia manapaka ny olona, raha mbola velona izy? 2 Fa ny vehivavy izay manambady dia fehezin'ny
lalàna ho an'ny lahy, raha mbola velona ny lahy; fa raha maty kosa ny
lahy, dia afaka amin'ny lalàn'ny lahy
izy. 3 Koa raha mbola velona ny lahy,
ka manambady olon-kafa ravehivavy,
dia hatao hoe mpijangajanga izy;
fa raha maty kosa ny lahy, dia afaka
amin'izany lalàna izany izy ka tsy
mba mpijangajanga, na dia manambady olon-kafa aza. 4 Ary amin'izany
hianareo koa, ry rahalahiko, dia efa
natao maty ny amin'ny lalàna noho
ny tenan'i Kristy, mba ho vadìn'ny
hafa hianareo, dia Izay natsangana
tamin'ny maty, mba hahavokarantsika ho an'Andriamanitra. 5 Fa fony tao
amin'ny nofo isika, dia ny filan'ny ota,
izay nohetsehin'ny lalàna, no niasa
tao amin'ny momba ny tenantsika hahavokatra ho amin'ny fahafatesana.
6 Fa ankehitriny dia efa afaka tamin'ny
lalàna isika, satria maty ny amin'izay
nihazonana antsika, ka dia manompo
amin'ny havaozam-panahy isika, fa
tsy amin'ny hahelan-tsoratra.**

**7 Inona ary no holazaintsika? Ota
va ny lalàna? Sanatria izany! Kanefa tsy nahalala ny ota aho, raha tsy
tamin'ny lalàna, satria tsy fantatro
akory ny fitsiriritana, raha tsy ny
lalàna no nanao hoe: "Aza mitsiririra". 8 Fa io didy io dia nentin'ny ota
nampihetsika ny fitsiriritana rehetra
tato anatiko; fa maty ny ota, raha tsy
misy lalàna. 9 Ary izaho dia velona tsy
manan-dalàna fahiny; fa rehefa tonga
kosa ny didy, dia velona indray ny ota,
ka dia maty aho. 10 Ary ny didy izay natao hahazoana fiainana, dia hitako fa
nahatonga fahafatesana tamiko kosa.
11 Fa io didy io dia nentin'ny ota namitaka sy nahafaty ahy. 12 Ka dia masina
tokoa ny lalàna, ary masina ny didy
sady marina no tsara.**

**13 Koa ny tsara va no nahafaty ahy?
Sanatria izany! Fa ny ota no nahafaty
ahy, mba hiseho ho ota; fa ny tsara
no nentiny nahafaty ahy, mba ho tonga ota indrindra ny ota noho ny natao'ny lalàna.**

## Ny Tantara Enti-manazava ny Fampakaram-bady

Paoly dia manazava ny fifandraisan'ny mpino amin'ny lalàn'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fampitahana izany amin'ny fampakarambady, izay nikasan'Andriamanitra mba ho ela velona. Milaza i Paoly fa ny lalàn'Andriamanitra dia tahaka ny vady (lehilahy). Voafatotra amin'io vady io isika mandritra izay ahavelomantsika.

*Tsy mbola maty ny lalàn'Andriamanitra.* **Ho mandrakizay, Jehovah ô, no nanorenanao any an-danitra ny teninao** (Salamo 119:89). Hoy Jesosy: **Aza ataonareo fa tonga Aho handrava ny lalàna na ny mpaminany; tsy tonga Aho handrava, fa hanatanteraka. Mandra-pahafoanan'ny lanitra sy ny tany, dia tsy hisy ho foana akory amin'ny lalàna, na dia litera iray na tendron-tsoratra iray aza, mandra-pahatanterak'izy rehetra** (Matio 5:17, 18b). **Fa ny tenin'Andriamanitsika dia haharitra mandrakizay** (Isaia 40:8b).

Avadibadik'i Paoly ny tantara enti-manazava mba hanehoana fa mety maty isika ary tsy teren'ny lalàna intsony. Noho izany dia afaka manomboka *fifandraisana vaovao* isika. Tsy mahaliana ve izany? Ny tenan'ny fahotantsika no tsy manitsy maty. Akory ny fahagagana fa Jesosy Kristy, izay nanatanteraka ny lalàna rehetra tamin'ny Fiainany marina, no maty nisolo toerana antsika sy manome antsika fiainana vaovao, mba hivelomantsika amin'ny alalan'ny finoana ao Aminy! Raha ao amin'i Kristy isika (amin'ny alalan'ny fatokiana Azy ho Mpamonjy antsika), dia maty niaraka tamin'i Kristy isika rehefa maty Izy. Noho izany dia afaka amin'ny fahandevozana isika ho amin'ny lalàna. Rehefa niara-natsangana tamin'ny maty tamin'i Kristy isika, dia afaka miaina ny fiainana vaovao, "manam-bady" (miray) amin'i Kristy mandrakizay. Ity firaisana ity dia miteraka vokatry ny fahamarinana. Tsy misy fiainana, na famonjena, na fiainana masina raha tsy avy amin'ny firaisana amin'i Jesosy Kristy.

## Tsy Afaka Manao Anao ho Marina ny Lalàna

Ny lalàna dia tsy afaka manome fiainana na hery hankatoavana ny lalàn'Andriamanitra. **Fa raha nisy lalàna mahavelona nomena, dia avy tamin'ny lalàna tokoa ny fahamarinana** (Galatiana 3:21b)**. Fa ny lalàna dia tsy nahatanteraka na inona na inona), ary misy**

**kosa fampidirana ny fanantenana tsaratsara kokoa, izay anatonantsika an'Andriamanitra** (Hebreo 7:19).

Ny fiainana dia hita ao amin'ny Persona iray, fa tsy amin'ny fankatoavana ireo lalàna. Jesosy dia fiainana. Hoy Izy, **Izaho no làlana sy fahamarinana ary fiainana; tsy misy olona mankany amin'ny Ray, afa-tsy amin'ny alalako** (Jaona 14:6). Hoy Jesosy tamin'ireo izay mety tsy mino Azy, **Dinihinareo ny Soratra Masina, satria ataonareo fa ao aminy no anananareo fiainana mandrakizay, ary ireny no manambara Ahy. Kanefa tsy mety manatona Ahy hianareo hananananareo fiainana** (Jaona 5:39, 40). Hoy Jesosy, **Izay mino Ahy, na dia maty aza, dia ho velona indray. Ary izay rehetra velona ka mino Ahy dia tsy ho faty mandrakizay. Mino izany va hianao?** (Jaona 11:25b, 26).

## Nanasazy Anao ho amin'ny Fahafatesana ny Lalàna

Hoy ny lalàna, **Fa samy hatao maty amin'ny fahotany avy ihany ny olona** (Deoteronomia 24:16b). **Ny fanahy izay manota no ho faty** (Ezekiela 18:4b). **Fa fahafatesana no tambin'ny ota** (Romana 6:23a).

## Ny Tanjon'ny Lalàna

1. *Ny lalàna dia natao ho an'ny mpanota* (mba hifehezana ny fahotana). **Ka fantany fa tsy ny olona marina no nanaovana ny lalàna, fa ny mpandika lalàna sy ny maditra** [tsy mpankatò]**, dia ny tsy matahotra an'Andriamanitra sy ny mpanota** (1 Timoty 1:9a). **Dia nambarany taminareo ny fanekeny, izay nandidiany anareo harahina, dia ny Didy Folo** (Deoteronomia 4:13a).

2. *Ny lalàna dia manambara amintsika hoe inona ny fahotana.* **Fa ny lalàna no ahazoana ny fahalalana marina ny amin'ny ota** (Romana 3:20b). Ohatra, Paoly dia nahafantatra fa fahotana ny fitsiriritana satria iray tamin'ireo Didy Folo izany (Eksodosy 20). Raha tsy nahafantatra ny didin'Andriamanitra isika, dia tsy ho nahafantatra fa hoe isika dia feno fahotana (Romana 7:13).

3. *Ny lalàna dia manonona fa isika dia meloka eo anatrehan'Andriamanitra.* **Ary fantatsika fa izay zavatra lazain'ny lalàna dia lazainy amin'izay manana ny lalàna, mba ho voatampina avokoa ny vava**

**rehetra, ka hiharan'ny fitsaran'Andriamanitra izao tontolo izao** (Romana 3:19). Ny didy dia "mamono antsika" satria ny sazin'ny fandikana azy ireo dia fahafatesana.

4. *Ny lalàna dia nanomana làlana ho an'i Kristy.* **Inona ary ny lalàna? Nanampy noho ny fahadisoana izy ambara-pihavin'ny taranaka izay nomena ny teny fikasana** (Galatiana 3:19a). Kristy no ilay Taranaka (Galatiana 3:16). Ny lalàna dia nanomana ny olona ho amin'ny fiavian'ny Mpamonjy. Ny Tenin'Andriamanitra dia manomana ny olona ho an'i Jesosy ankehitriny amin'ny alalan'ny fanehoana amin'izy ireo ny filàny Mpamonjy.

5. *Ny lalàna dia natao hitondra antsika ho amin'i Kristy.* **Fa fony tsy mbola tonga ny finoana, dia voambina tao ambanin'ny lalàna isika ka voahidy ho amin'ny finoana izay efa haseho ato aoriana. Koa ny lalàna dia mpitaiza antsika ho amin'i Kristy, mba hohamarinina noho ny finoana isika. Fa rehefa tonga ny finoana, dia tsy fehezin'izay mpitaiza intsony isika** (Galatiana 3:23-25).

## Ny Lalàn'Andriamanitra dia Masina sy Tsara

Mety hilaza ny sasany hoe, "Raha ny fahafantarana ny lalàna no mampanota antsika (mikomy) eny mihoatra noho izany aza, moa va satria tsy tsara ny lalàna?" Hoy Paoly, **Sanatria izany!** (Romana 7:13). **Voazaha toetra tamin'ny memy ny teninao, ka dia tian'ny mpanomponao** (Salamo 119:140). **Tsy misy tsiny ny lalàn'i Jehovah** (Salamo 19:7a). Tsara ny lalàna; fa isika no tsy tsara, ary ny lalàna dia tsy afaka manao antsika ho tsara. Tsy maintsy nanome fiainana vaovao ho antsika Andriamanitra tamin'ny alalan'i Jesosy Kristy. **Ary mba hotafinareo ny toetra vaovao, izay noforonina araka an'Andriamanitra amin'ny fahitsiana sy ny fahamasinana momba ny fahamarinana** (Efesiana 4:24).

## Ny Firaisana amin'i Kristy

Rehefa namorona an'i Adama sy Eva Andriamanitra, dia nofo iray ihany izy ireo. **Ary hoy ralehilahy: Ankehitriny dia taolana avy amin'ny taolako sy nofo avy amin'ny nofoko ity** (Genesisy 2:23a). Ny fanambadiana dia sary enti-manazava ny maha-akaiky ny mpino

iray amin'i Kristy – akaiky tahaka ny maha-ampahany amin'ny Tenany. **Fa momba ny tenany isika. Zava-miafina lehibe izany; fa milaza ny amin'i Kristy sy ny fiangonana aho** (Efesiana 5:30; 32).

Mamelona sy mitaiza ny ampakariny Jesosy, dia ny Fiangonana, tahaka ny Tenany manokana (Efesiana 5:29). Satria tena miray amin'i Kristy tokoa isika (toy ny ampahany amin'ny Tenany sy toy ny ampakarina manam-bady ny vadiny), tsy maintsy masina isika ary aoka Izy hamelona sy hanadio antsika mandrakariva. **Dia tahaka ny nitiavan'i Kristy ny fiangonana ka nanolorany ny tenany hamonjy azy, mba hahamasina azy amin'ny anadiovany azy amin'ny rano fanasana amin'ny teny; mba horaisiny ho an'ny tenany izany ho fiangonana malaza tsy misy pentimpentina, na fiketronana, na izay toy izany, fa mba ho masina sady tsy misy tsiny izy** (Efesiana 5:25b-27). **Fa izay miray amin'ny Tompo kosa dia fanahy iray aminy** (1 Korintiana 6:17).

## Kristy dia Manafaka Anao amin'ny Fitakian'ny Lalàna

**Ary hianareo, izay efa matin'ny fahadisoana sy ny tsi-fiforan'ny nofonareo, dia novelominy niaraka tamin'i Kristy, rehefa navelany ny fahadisoantsika rehetra; ary novonoiny ny sora-tànan'ny didy izay niampanga antsika; dia nesoriny tsy ho eo mihitsy izany ka nohomboany tamin'ny hazo fijaliana** (Kolosiana 2:13, 14). Izany dia tahaka ny hoe ny lisitry ny lalàn'Andriamanitra rehetra nodikaintsika dia nofantsihana teo amin'ny hazo fijalian'i Jesosy ka nisy marika hoe *"Voaloa Tanteraka"*. Fahafahana toa inona re izao! Izany akory tsy midika fa afaka manota isika. Tsia! Ny fiainantsika vaovao ao amin'i Kristy dia te-hamalifaly sy hanaja an'Andriamanitra. **Fa raha izaho, dia tamin'ny lalàna no nahafatesako ny amin'ny lalàna, mba ho velona ho an'Andriamanitra aho** (Galatiana 2:19).

Manana ny fiainana masin'i Jesosy isika izao mba hampitao antsika hiaina fiainana masina. **Ahoana ary? Moa tsy fantatrareo fa ny tenanareo dia tempolin'ny Fanahy Masina, Izay ao anatinareo sady efa azonareo tamin'Andriamanitra? ka tsy tompon'ny tenanareo hianareo. Fa olom-boavidy hianareo, koa dia mankalazà an'Andriamanitra amin'ny tenanareo** (1 Korintiana 6:19, 20).

# LESONA 14. NY ADY EO AMIN'IREO TOETRA ROA

**Romana 7:14-25**

**[14]Fa fantatsika fa araka ny fana-
hy ny lalàna; fa izaho kosa nofo,
namidy ho andevon'ny ota. [15]Fa
izay ataoko dia tsy fantatro; fa tsy
izay sitrako no ataoko; fa izay ha-
lako no nataoko. [16]Fa raha manao
ny tsy sitrako aho, dia manaiky fa
tsara ny lalàna. [17]Ary amin'izany tsy
izaho intsony no manao izany, fa ny
ota izay mitoetra ato anatiko. [18]Fa
fantatro fa tsy misy zavatra tsara
mitoetra ato amiko, dia ato amin'ny
nofoko; fa ato anatiko ihany ny fi-
kasana, saingy ny hahatanteraka
ny tsara no tsy ato. [19]Fa tsy ny tsara
izay sitrako no ataoko; fa ny ratsy
izay tsy sitrako no ataoko. [20]Fa raha
ny tsy sitrako no ataoko, dia tsy
izaho intsony no manao izany, fa ny
ota izay mitoetra ato amiko. [21]Koa
hitako izao lalàna izao: raha ta-
hanao ny marina aho, dia ato amiko
ihany ny ratsy. [22]Fa mankasitraka
ny lalàn'Andriamanitra aho araka
ny toetra anaty; [23]nefa mahita lalà-
na hafa amin'ny momba ny tenako
aho, miady amin'ny lalàn'ny saiko
ka mamabo ahy ho an'ny lalàn'ny
ota izay ao amin'ny momba ny
tenako.**

**[24]Indrisy! olo-mahantra aho! Iza
no hanafaka ahy amin'ny tenan'ity
fahafatesana ity? [25]Misaotra an'An-
driamanitra aho amin'ny alalan'i
Jesosy Kristy Tompontsika. Koa
raha ny amiko, dia mankatò ny la-
làn'Andriamanitra aho amin'ny sai-
ko, fa ny lalàn'ny ota kosa amin'ny
nofoko.**

## Ny Tsy Fahafaha-manoatra Tanteraka amin'ny Tena Manokana

Akory ny hatsaran'ny hoe maty ny amin'ny fahotana sy maty ny amin'ny fitakian'ny lalàna! Ho solon'izany, dia velona ho an'Andriamanitra isika ary nambara fa marina noho ny finoana an'i Jesosy Kristy. Efa hitantsika izay nataon'i Jesosy ho antsika. Ankehitriny Paoly dia maneho amintsika olana iray izay mila vahana mialohan'ny ahafahantsika miaina fiainana masina ao amin'Andriamanitra.

Paoly dia mamaritra ny toe-javatra maha-sanganehana ny tsiraray avy izay mifaly amin'ny lalàn'Andriamanitra. Fantany fa tsara ny lalàn'Andriamanitra. Te-hanao izay marina izy, ary manolotra ny tsara indrindra aminy izy mba hanaovany izany. Fa ny olona rehetra izay manomboka manandrana miaina ny fiainana Kristiana amin'ny alalan'ny heriny manokana dia tonga amin'ny hevitra farany tahaka izay nananan'i Paoly. Ny ady matanjaka eo amin'ny nofo (ny fa-

hendren'ny olombelona sy ny ezaka izay tsy miankina amin'Andriamanitra) sy ny Fanahin'Andriamanitra izay mitoetra ao anatiny ankehitriny (maniry hanao izay tian'Andriamanitra) dia mahatonga azy hitaraina fanafahana avy amin'Andriamanitra.

Paoly dia nahita fa ny "nofony" dia tsy afaka mahafaly an'Andriamanitra intsony taorian'ny namonjena azy noho ny talohan'ny namonjena azy. Faranany fa tsy misy tsara akory ao amin'ny nofo. Fanambarana mampitolagaga izany, satria amin'izao i Paoly dia miantso vonjy. Olona iray ihany no afaka manampy. Fantatr'i Paoly fa ny fanafahana dia hita ao amin'i Jesosy Kristy ary nitomany tam-pisaorana hoe izy; **"Misaotra an'Andriamanitra aho amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika!"** Ao amin'ireo lesona manaraka dia ho hitanao fa azo afahana amin'ny ady amin'ny nofo isika amin'ny alalan'ny fandehanana ao amin'ny Fanahin'i Kristy, izay monina ao anatintsika.

Ireo mpino tao amin'ny antokom-pivavahana tao Galatia dia nanana olana mitovy amin'izany. Nandray an'i Kristy tamin'ny alalan'ny finoana izy ireo, nefa avy eo dia nanandrana nanao ny tenan'izy ireo ho tanteraka tamin'ny herin'izy ireo manokana – "ao amin'ny nofo." **Ry Galatiana adala,…Moa ny asan'ny lalàna va no nandraisanareo ny Fanahy, sa ny fitoriana ny finoana? Adala toy izany va hianareo? Rehefa nanomboka tamin'ny Fanahy hianareo, dia hahatanteraka amin'ny nofo va ankehitriny?** (Galatiana 3:1-3). Ireo izay *nandray* fiainana vaovao tamin'ny alalan'ny finoana an'i Jesosy ihany no *afaka* miaina fiainana Kristiana. **"Ny marina** (ny olona nohamarinin'Andriamanitra, na nambarany fa marina) **amin'ny finoana no ho velona"** (Galatiana 3:11b).

## Ny Herin'i Kristy ao Anatintsika

Aorian'ny anatonantsika an'i Kristy amin'ny alalan'ny finoana ho *famonjena* amin'ny fanamelohana sy fanasazian'ny fahotana, dia tsy maintsy manatona an'i Kristy amin'ny alalan'ny finoana hatrany isika ho *fanamasinana*, miaina amin'ny fiainana masina miaraka amin'ny hery mihoatra ny fanintonan'ny fahotana. "Jesosy" dia midika hoe "Tompo dia famonjena." **Fa avy aminy no nanaovana anareo ho ao amin'i Kristy Jesosy, Izay nataon'Andriamanitra fahendrena sy fahamarinana sy fahamasinana ary fanavotana ho antsika, mba ho araka ny voasoratra hoe: "Izay mirehareha, aoka Jehovah**

**no ho reharehany"** (1 Korintiana 1:30, 31). Olona iray – Jesosy Tenany mihitsy - no fanamasinana antsika. Raha amin'ny herintsika manokana, dia tsy afaka miaina ny fiainana Kristiana isika. Kristy ao anatintsika ihany no afaka miaina fiainana masina. Satria miaina amin'ny finoana Azy isika ary mifikitra Aminy, dia manome antsika ny faniriana hanao ny sitrapon'Andriamanitra Izy ary fahefana hiaina fiainana masina. **Voahombo miaraka amin'i Kristy amin'ny hazo fijaliana aho, ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko; fa izay ivelomako ankehitriny eo amin'ny nofo dia ivelomako amin'ny finoana ny Zanak'Andriamanitra, Izay efa tia ahy ka nanolotra ny tenany hamonjy ahy** (Galatiana 2:20).

## Ny Nofo sy ny Fanahy

Raha mbola miaina ao ambany lalàna isika, ka miezaka mitsena ny faneren'ny lalàna, dia hanana olana isika. Toy izao no hanazavan'i Paoly azy: **…araka ny nofo** [tamin'ny alalan'ny hevitr'olombelona, tamin'ny alalan'ny fandehanan'i Abrahama tamin'ny làlany manokana], … **teny fikasana** [nateraka tamin'ny fomba mahagaga, araka ny hevitr'Andriamanitra sy ny fikarakarana]. **Fa voasoratra hoe: Abrahama nanana zanaka roa lahy, ny anankiray tamin'ny andevovavy, ary ny anankiray tamin'ny tsy andevo. Kanefa ilay tamin'ny andevovavy dia nateraka araka ny nofo; fa ilay tamin'ny tsy andevo kosa dia nateraka tamin'ny teny fikasana** (Galatiana 4:22, 23). Ny "olona taloha" (ny fiainantsika taloha) dia tahaka ny zaza izay nateraka araka ny nofo – andevon'ny ota ary ao amin'ny fahandevozan'ny lalàna. Ny "olona vaovao" (ny fiainantsika vaovao) dia teraka tamin'ny fomba mahagaga tamin'ny alalan'ny Fanahin'Andriamanitra, tahaka ny zaza izay nampanantenain'Andriamanitra, hiaina ao anaty fahafahana amin'ny alalan'ny fahasoavan'Andriamanitra.

Satria afaka miady fotsiny ny "olona taloha" sy ny "olona vaovao", ndeha isika hanao izay lazain'ny Baiboly: **Fa ankehitriny, esory koa izao rehetra izao, dia fahatezerana, fiafonafonana, lolompo, fitenenan-dratsy, teny mahamenatra avy amin'ny vavanareo. Aza mifandainga hianareo, fa efa narianareo ny toetra taloha mbamin'ny asany; ary efa notafinareo ny toetra vaovao, izay havaozina ho amin'ny fahalalana tsara araka ny endrik'Izay nahary azy** (Kolosiana 3:8-10).

Ianao dia zava-boary vaovao ao amin'i Kristy. Raha manandrana manaraka ny fitsipika amin'ny alalan'ny herinao manokana ianao (fa tsy mamela ny fiainan'i Kristy hiaina ao anatinao), dia tsy ho afaka mihitsy ianao. Vokatr'izany, ireo izay manandrana hahazo ny fankasitrahan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fitandremana ny lalàna dia tafasaraka amin'i Kristy (Galatiana 5:2-4). **Ho amin'ny fahafahana no nanafahan'i Kristy antsika; ka tomoera tsara, fa aza mety hohazonin'ny zioga fanandevozana intsony. Fa izahay amin'ny Fanahy sy noho ny finoana dia miandry ny fanantenana ny fahamarinana** (Galatiana 5:1, 5).

Paoly dia mananatra hoe: **Fa efa nantsoina ho amin'ny fahafahana hianareo, ry rahalahy; kanefa aoka tsy ho entinareo hanaraka ny nofo izany fahafahana izany, fa mifampanompoa amin'ny fitiavana** (Galatiana 5:13). Ataon'i Paoly mazava tsara izany fa tsy misy olona afaka milaza fa manana fahafahana izy ireo (izay tonga amin'ny alalan'ny fitokiana amin'i Kristy sy ny fandehanana ao amin'ny Fanahy) mba ho fialan-tsiny amin'ny fanaovana na inona na inona tian'izy ireo atao (fandehanana ao amin'ny nofo). **Ary mba hotafinareo ny toetra vaovao, izay noforonina araka an'Andriamanitra amin'ny fahitsiana sy ny fahamasinana momba ny fahamarinana** (Efesiana 4:24).

Ny nofo (izay tian'ny 'toetsika' natao lavitra an'Andriamanitra) dia hifanohitra mandrakariva amin'ny Fanahy (izay tian'Andriamanitra – sy ny toetsika tsara vaovao). Ny vahaolana amin'izao ady eo amin'ny nofo sy ny Fanahy izao dia ity: **Mandehana araka ny Fanahy, dia tsy hahatanteraka ny filan'ny nofo hianareo. Fa ny nofo manohitra ny Fanahy, ary ny Fanahy manohitra ny nofo; ary mifanohitra izy roroa, mba tsy hahazoanareo manao izay zavatra tianareo. Fa raha tarihin'ny Fanahy hianareo, dia tsy mba ambanin'ny lalàna** (Galatiana 5:16b-18). Mifikira hatrany amin'ny Fanahin'Andriamanitra.

Manana toro-hevitra tsara ho an'ny Mpianany Jesosy: **Miareta tory sy mivavaha hianareo, mba tsy hidiranareo amin'ny fakampanahy; mety ihany ny fanahy, fa ny nofo no tsy manan-kery** (Matio 26:41).

Hianatra bebe kokoa mikasika ny fandehanana eo amin'ny Fanahiny isika ao amin'ireo lesona manaraka.

## LESONA 15. FIAINANA AO AMIN'NY FANAHIN'I JESOSY KRISTY

**Romana 8:1-4**

**[1]Ary amin'izany dia tsy misy fanamelohana ho an'izay ao amin'i Kristy Jesosy. [2]Fa ao amin'i Kristy Jesosy ny lalàn'ny Fanahin'aina no nahafaka ahy tamin'ny lalàn'ny fahotana sy ny fahafatesana. [3]Fa izay tsy hain'ny lalàna, satria ny nofo no nahalemy azy, dia vitan'Andriamanitra tamin'Izy naniraka ny Zanany, naka ny endriky ny nofo ota sy ny amin'ny ota, ka nanameloka ny ota tao amin'ny nofo, [4]mba hahatanteraka ny fahamarinana ilain'ny lalàna amintsika, izay tsy mandeha araka ny nofo, fa araka ny Fanahy.**

### Zavatra Hatao

A. Fenoy ny banga:

1. "Ary amin'izany dia tsy misy ______________ ho an'izay ao amin'i _________ _________" (andininy 1).

2. "Fa ao amin'i Kristy Jesosy ny ________'ny Fanahin'_______ no __________ ahy tamin'ny ________'ny ____________ sy ny fahafatesana" (2).

3. "Fa izay tsy hain'ny _______, satria tsy _____ no __________ azy, dia vitan'Andriamanitra tamin'Izy naniraka ny Zanany, naka ny endriky ny ______ ota sy ny amin'ny ____" (3).

[Masina sy mahagaga ny lalàn'Andriamanitra, nefa tsy manana fahefana hanao olona iray ho marina, satria malemy ny nofo. Jesosy dia tonga tamin'ny fitoviana amin'ny olona (Filipiana 2:7), nefa tsy mba nanana ota Izy (Hebreo 4:15).]

4. Rehefa maty ho antsika Jesosy, dia "__________ ny nofo tao amin'ny ota" Andriamanitra" (3b). Nitsangana tamin'ny maty Jesosy, ary niara-natsangana Taminy koa isika, "mba __________ ny fahamarinana ______'ny lalàna amintsika, izay tsy mandeha araka ny ____ fa araka ny ______" (4).

B. Tadidio ny Romana 8:1-4.

### Ireo Lalàna Roa Manan-kery

Ao amin'ny Lesona 14, Paoly dia nahita firehana manan-kery tao

amin'ny tenany mba hanao fahadisoana eny fa na dia tsy naniry hanao izany aza izy. Amin'izao izy dia miantso ity fitarihana midina ity hoe **"ny lalàn'ny ota sy fahafatesana."** Ity fitarihana midina izay mampanota antsika ity (mitondra ho amin'ny fahafatesana) dia manan-kery tahaka ny *lalàn'ny hery fisintonan'ny tany* ao amin'ny tontolon'ny nofo. Tsy afaka mandresy izany amin'ny alalan'ny herintsika manokana isika. Fa lalàna manan-kery anankiray hafa no *afaka* mandresy azy.

Ireo izay ao amin'i *Kristy Jesosy* dia tsy eo ambany fanamelohana, satria efa nohamarinina izy ireo (nambara fa marina) tamin'ny alalan'ny finoana ny fiainan'i Jesosy tsisy fahotana, fahafatesana, filevenana, ary ny fitsanganana amin'ny maty ho solon'izy ireo. Ny nofo (izay mankatò ny lalàn'ny ota) dia *misy* foana mandritra ny fahavelomantsika ao amin'ny tenantsika mety maty. Fa rehefa "mandeha ao amin'ny Fanahy" isika, manana firaisana mahafinaritra amin'ny Tompontsika ary mora andairan'ny Fitarihany, dia *tsy mifehy* intsony ny nofo, satria efa misy lalàna manan-kery miasa – **"ny lalàn'ny Fanahin'ny fiainana ao amin'i Kristy Jesosy."** Izany lalàna izany dia tahaka ny fanosehan'ny hery ao anaty milina manosika mafy ny motera izay manohitra miharihary ny lalàn'ny hery fisintonan'ny tany ary mampiakatra ny fiaramanidina izay goavana sady mavesatra ho eny amin'ny rivotra ho an'ny fanidinana lavabe eny fa na dia miampita ranomasina lehibe maro aza. Mbola manan-kery ny lalàn'ny hery fisintonan'ny tany, nefa tsy afaka misintona an'ilay fiaramanidina ho ety ambany izany raha mbola mandeha amin'ny hery matanjaka kokoa noho izany izy.

## Ny Fiainana dia Ao amin'i Jesosy Kristy

**Izy no nisiam-piainana** (Jaona 1:4a). Nilaza tamintsika Jesosy fa, **Izaho no … fiainana** (Jaona 14:6b). Izay manana an'i Jesosy miaina ao anatiny dia manana fiainana. **Izay manana ny Zanaka no manana ny fiainana** (1 Jaona 5:12a).

Ny fiainana izay ao amin'i Kristy Jesosy dia tena manan-kery satria ireo izay mandeha ao amin'ny Fanahin'izany fiianana izany dia afaka miaina amin'ny fahafahana amin'ny fitarihana midina an'ny ota sy fahafatesana. Ny Romana toko faha 8 dia manan-karena amin'ny fahamarinana momba ny fiainana ao amin'i Kristy ary ny fomba fiainan' ny fiainana Kristiana amin'ny alalan'ny finoana. Ny fiainana ao amin'i

Kristy dia mendrika hamoizana ny fanirian'ny nofo rehetra. **Izay mamery ny ainy noho ny amiko dia hahazo azy** (Matio 10:39b).

## Ny Fiainana ao amin'i Jesosy Dia Toy ny Rano Velona

Ny fiainana ao amin'i Kristy dia voalaza ho toy ny loharano tsy manam-pitsaharana izay mamelombelona sy manadio ny fiainan'ny mpino. Mbola niteny mazava tamin'ny vehivavy mpanota iray Jesosy hoe, **Fa na iza na iza no misotro ny rano izay homeko azy dia tsy hangetaheta mandrakizay; fa ny rano izay homeko azy dia ho loharano miboiboika ao anatiny ho fiainana mandrakizay** (Jaona 4:14).

Ao amin'ny Testamenta Taloha, dia nalahelo Andriamanitra raha nandà Azy ny Olony. **Fa zava-dratsy roa loha no nataon'ny oloko: Efa nahafoy Ahy, loharanon'aina, izy ka nihady lavaka famoriandrano ho an'ny tenany, nefa lavaka mitriatriatra tsy mahatandrano** (Jeremia 2:13). Tsy sarin'ny olona maro ankehitriny va io? Ho solon'ny fiainana ao amin'ny fifandraisana velona amin'Andriamanitra, dia manandrana mitady hevitra sy fitia amin'ny fombany manokana izy ireo. Ireo fomba nataon'olona ireo dia tsy misy fiainana; "tsy mitahiry rano" ireo.

## Ny Fiainana Ao amin'i Jesosy dia Ambony Lavitra ny Fiainana Amin'Andriamanitra

Ireo izay "teraka avy any ambony" dia manana fiainana vaovao ao amin'i Kristy ary nohamarinina niaraka Taminy tamin'ny fahafatesany sy ny fitsanganany tamin'ny maty. Mbola azo hamarinina koa izy ireo tamin'ny Fiakarany ho eo an-tànana ankavanan'ny Ray. Raha mbola miaina ao anatin'ny tenantsika isika, dia afaka miaina ao amin'ny "toeran'ny lanitra" miaraka amin'i Kristy Jesosy izay ao amin'ny fanahintsika. **Na dia fony mbola matin'ny fahadisoana aza isika, dia nahavelona antsika niaraka tamin'i Kristy** [Andriamanitra]**, (fahasoavana no namonjena anareo); ary niara-natsangany isika ka niara-napetrany any an-danitra ao amin'i Kristy Jesosy** (Efesiana 2:5, 6). Andriamanitra dia efa **nitahy antsika tao amin'i Kristy amin'ny fitahiam-panahy rehetra any an-danitra** (Efesiana 1:3b). Avy eny ambony fiaramanidina na eny antampon'ny tendrombohitra avo, dia toa kely sy tsy misy heviny loatra ny zavatra ety ambany. Rehefa miaina "ao amin'ny fiainan-danitra" miaraka amin'i Kristy Jesosy ny fanahinao, dia tonga kely tsy toy ny mahazatra ny

olana sy ny fizahan-toetra eto an-tany. Hitanao avy amin'ny fomba fijerin'Andriamanitra izany.

## Ny Fiainana Ao amin'i Jesosy dia Firaisana noho ny Fifankahazoana Am-po

Ny fananana ny fiainan'i Jesosy ao anatintsika, ary ny fiainantsika ao Aminy, dia firaisana akaiky tahaka ny fampakaram-bady. Fifandraisam-pitiavana izany. Mandray ny Fitiavany isika, ary isika manolotra ho Azy ny fitiavantsika. Miteny amintsika Izy amin'ny alalan'ny Teniny ary mampiseho zava-baovao maro mikasika ny Tenany. Rehefa miresaka Aminy isika amin'ny vavaka mandritra ny andro, dia miaiky ireo fahotantsika isika ary ny filantsika; ary milaza ny ahiahintsika Aminy. Mizara ny fifaliana sy ny alahelontsika isika. Mamela Azy isika mba hiaina ny Fiainany ao anatin'ny tenantsika, manesika antsika amin'izay holazaina sy hatao. Tonga tempoly hanomezam-boninahitra Azy ny tenantsika. Eny fa na dia mifoha ao anaty alina aza isika, dia afaka manana fiombonana mamy miaraka Aminy. **Fa hoy Izy: "Izaho tsy handao anao mihitsy na hahafoy anao akory"** (Hebreo 13:5b).

## Ny Fiainana Ao amin'i Jesosy Kristy dia Manova Anao

Noho isika mandeha ao amin'ny firaisana - noho ny fifankahazoana am-po - amin'i Jesosy, dia voaova ho tahaka Azy isika. Mamerina antsika indray ho tahaka ny Endriny Andriamanitra. Ny fitiavantsika izay mitombo ho Azy dia *manolo* ny fitiavana mitaredretra ho an'ny tena na ho an'ny fitarihan'izao tontolo izao. *Aza milofo manohitra ny nofo* – fa hitombo ho matanjaka hatrany izany. Efa nanome *fiainana vaovao* ho anao Jesosy – ny fiainan'Andriamanitra Tenany. **Mandehana araka ny Fanahy, dia tsy hahatanteraka ny filan'ny nofo hianareo** (Galatiana 5:16b). Raha miasa am-pahavitrihana amin'ny fahasoavan'Andriamanitra isika (atolotra ho an'ny manetry tena) ary mandeha ao amin'ny fankatoavana ny Fanahiny, ny zavatry ny nofo dia voatahiry amin'ny alalan'ny Heriny. Nanova anao ny Fanahin'Andriamanitra rehefa mamotopototra ny tavan'ny Mpampakatra – Mpamonjy mahagaga ianao. **Fa isika rehetra kosa amin'ny tava tsy misarona** [amin'ny fahalalana mivelatra] **dia mijery ny voninahitry ny Tompo toy ny amin'ny fitaratra, ka ovana hahazo izany endrika izany indrindra avy amin'ny voninahitra ka ho amin'ny voninahitra, toy ny avy amin'ny Tompo, dia ny Fanahy** (2 Korintiana 3:18). Mitsahara ao Aminy, miravoa ao Aminy, ankafizo ny firaisana ambony miaraka Aminy! Aoka ny asany mahatalanjona hiova ao anatinao.

# LESONA 16. NY HERIN'NY FANAHY MASINA AMIN'NY NOFO

**Romana 8:5-13**

**5 Fa izay araka ny nofo dia mihevi-
tra izay zavatry ny nofo; fa izay ara-
ka ny Fanahy kosa mihevitra izay
zavatry ny Fanahy. 6 Fa ny fihevitry
ny nofo dia fahafatesana; fa ny fi-
hevitry ny Fanahy kosa fiainana,
(sy fiadanana) 7 satria fandrafiana
an'Andriamanitra ny fihevitry ny
nofo; fa tsy manaiky ny lalàn'Andria-
manitra izy, sady tsy hainy akory
izany. 8 Ary izay ao amin'ny nofo
dia tsy mahay manao ny sitrapon'
Andriamanitra. 9 Fa hianareo tsy ao
amin'ny nofo, fa ao amin'ny Fana-
hy, raha ny Fanahin'Andriamanitra
no mitoetra ao anatinareo. Fa raha
misy kosa tsy manana ny Fanahin'i
Kristy dia tsy Azy izy. 10 Fa raha
Kristy no mitoetra ao anatinareo,
na dia maty ihany aza ny tena noho
ny ota, dia fiainana kosa ny fanahy
noho ny fahamarinana. 11 Ary raha
ny Fanahin'Izay nanangana an'i
Jesosy tamin'ny maty no mitoetra
ao anatinareo, dia Izay nanangana
an'i Kristy Jesosy tamin'ny maty no
hamelona ny tenanareo mety maty
amin'ny Fanahiny, Izay mitoetra ao
anatinareo.**

**12 Ary amin'izany, ry rahalahy, dia
mpitrosa isika–tsy amin'ny nofo
anefa, ka ho velona araka ny nofo.
13 Fa raha velona araka ny nofo hia-
nareo, dia tsy maintsy maty; fa
raha ny Fanahy no amonoanareo
ny asan'ny tena, dia ho velona hia-
nareo.**

## Zavatra Hatao

Fenoy ny banga mba hahitana ny fahasamihafana misy amin'ireo izay miaina ao amin'ny nofo (mandeha amin'ny làlany manokana) sy ireo izay miaina ao amin'ny Fanahy (mifikitra amin'ny làlan'Andriamanitra):

1. "Fa izay araka ny nofo dia ____________ izay zavatry ny ______, fa izay araka ny Fanahy kosa dia mihevitra izay zavatry ny ___________" (5).

2. "Fa ny fihevitry ny nofo dia _______________, fa ny fihevitry ny Fanahy kosa dia __________ sy ___________" (6).

3. "Satria ____________ an'Andriamanitra ny fihevitry ny nofo; fa tsy __________ ny lalàn'Andriamanitra izy, sady tsy _______

akory izany” (7). “Izay ao amin’ny nofo dia tsy mahay manao ny __________n’ Andriamanitra” (8).

[Tsy afaka manao ny sitrapon’Andriamanitra na oviana na oviana isika raha amin’ny alalan’ny fandehanana amin’ny làlantsika manokana. Manao ny sitrapon’Andriamanitra isika rehefa matoky Azy. **Fa raha tsy amin’ny finoana, dia tsy misy azo atao hahazoana sitraka aminy; fa izay manatona an’Andriamanitra dia tsy maintsy mino fa misy Izy sady Mpamaly soa izay mazoto mitady Azy** (Hebreo 11:6).]

## Fihariharian’ny Fiainana Ao amin’ny Fanahy

“Ao amin’ny nofo” ve ianao sa “ao amin’ny Fanahy”? Andriamanitra dia miteny fa “ao amin’ny Fanahy” ianareo raha ny Fanahin’Andriamanitra no mitoetra anatinareo (Romana 8:9b). **Fa raha misy kosa tsy manana ny Fanahin’i Kristy dia tsy Azy izy** (Romana 8:9b). *Teny tena matotra avy amin’Andriamanitra izany.* Raha tsy ao anatinao ny Fanahin’i Kristy dia tsy Kristiana ianao.

Hoy ny Tenin’Andriamanitra, **Fa ny fihevitry ny nofo dia fahafatesana** (Romana 8:6a). **Fa raha velona araka ny nofo hianareo, dia tsy maintsy maty** (Romana 8:13a). *Mba henoy ny Tenin’Andriamanitra.* Fa aza mety ho fitahina. Mety hilaza ny sasany ny amin’ny fihevitry ny nofo, dia ireo izay manao fampiharana ny fandehanana ao amin’ny nofo hoe, **Tsy ho faty tsy akory hianareo.** Izany no nolazain’i Satana tamin’i Eva tao amin’ny saha Edena. (Genesisy 3:4b). Hoy Paoly, **Fa matahotra aho, fandrao ny sainareo ho simba hiala amin’ny fahitsiam-po sy ny fahadiovana amin’i Kristy, tahaka ny namitahan’ny menarana an’i Eva tamin’ny fihendreny** (2 Korintiana 11:3).

Tsarovy fa, **Amin’izany dia tsy misy fanamelohana ho an’izay ao amin’i Kristy Jesosy** (Romana 8:1). Fa ho an’ireo izay tsy ao amin’i Kristy Jesosy kosa, dia *misy* fanamelohana. **Izay mino Azy dia tsy helohina; fa izay tsy mino kosa dia efa voaheloka rahateo, satria tsy nino ny anaran’ny Zanakalahy Tokan’Andriamanitra izy** (Jaona 3:18).

Ny fikendren’ny fahatongavan’i Jesosy dia ny mba hanaisotra ny fahotana sy hiaina ao anatintsika mba hananantsika ny Heriny tsy hanotana. Izay rehetra manana ny fiainana tsy misy fahotana izay an’i Jesosy monina ao anatiny dia tsy afaka manohy intsony ny

fombam-piainana feno fahotana. **Ary fantatrareo fa Izy no naseho hanaisotra ny ota; ary tsy mba misy ota ao aminy. Izay rehetra mitoetra ao aminy dia tsy manota.…Izany no mampiseho miharihary izay Zanak'Andriamanitra sy izay zanaky ny devoly. Tsy mba avy amin'Andriamanitra izay rehetra tsy manao ny marina sy izay tsy tia ny rahalahiny** (1 Jaona 3:5, 6, 10).

Ny apostoly Jaona no nanoratra ireo teny ireo mba tsy hanotan'ny Kristiana. Nefa koa fantany fa tsy tanteraka ny Kristiana, ka dia ambarany amintsika izay tokony hatao: **Ary raha misy manota, dia manana Solovava ao amin'ny Ray isika, dia Jesosy Kristy, Ilay Marina** (1 Jaona 2:1b). **Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsi-fahamarinana rehetra** (1 Jaona 1:9). Rehefa avy miaiky ny fahotantsika ary voadio, dia afaka manohy amin'ny fandehanana ao amin'ny fahazavan'ny fanatrehan'Andriamanitra isika. **Fa raha mandeha eo amin'ny mazava isika, tahaka Azy eo amin'ny mazava, dia manana firaisana isika, ary ny ran'i Jesosy Zanany no manadio antsika ho afaka amin'ny ota rehetra** (1 Jaona 1:7).

## Mandeha Araka ny Fanahy

Efa nampanantena ny Olony Andriamanitra fa hametraka ny Fanahiny ho antin'ireo mba hanampy azy ireo handeha amin'ny Làlany. **Ary ny Fanahiko no hataoko ao anatinareo, ka hahatonga anareo handeha araka ny lalàko sy hitandrina ny fitsipiko ka hanaraka azy** (Ezekiela 36:27). Mandeha ao amin'ny Fanahy dia midika hoe miaina amin'ny alalan'ny fiainan'Andriamanitra ao anatinao. Izany hoe mandeha amin'ny fiainana vaovao (Romana 6:4). Izay midika hoe mandeha amin'ny alalan'ny finoana ny Zanak'Andriamanitra, Izay tia anao, sy nanolotra ny Fiainany ho anao (Galatiana 2:20). Izany hoe mamela an'Andriamanitra hanao fanovana ao amin'ny fiainanao tahaka ny Itondrany zavatra ho an'ny fiahiana anao ary ianao dia miankina amin'ny Heriny izay miasa ao anatinao.

Mandeha ao amin'ny Fanahy dia midika hoe manana firaisana amin'Andriamanitra mandritra ny andro. Izany hoe mametraka fanontaniana Aminy, manaraka ny Fitondrany, mifaly amin'ny fanantenana, mino ny Teny Fikasany. Ary izany dia manjary fitandremana hatrany ny fanatrehan'i Kristy monina ao anatinao. Fifankahazarana lehibe

amin'Andriamanitra izany, miombon-kevitra Aminy, ary mitia Azy, mizara an-kitsi-po ny adinao sy ny fifalianao, ary manome voninahitra Azy amin'izay saintsaininao, lazainao, ary ataonao. **Izay milaza fa mitoetra ao aminy izy, dia tsy maintsy mandeha toy izay nandehanany koa** (1 Jaona 2:6). Tsy ohatra alain-tahaka ihany Jesosy. Fa fiainantsika Izy.

## Ny Saina Araky ny Nofo

Ny teny hoe "araky ny nofo", ao amin'ny Testamenta Vaovao dia teny mazàna voadika hoe "ara-nofo." Mamaritra ireo izay miaina araky ny fanirian'ny toetr'ireo feno fahotana izany. Indraindray ny teny hoe "nofo" dia manondro ny *tenan'ny* olombelona, izay tsy ratsy. Jesosy Tenany dia Andriamanitra "tonga nofo" (Jaona 1:1, 14) – nomena *tenan'*olombelona mba hiaina miaraka amin'ny olona amin'Andriamanitra – hatramin'izay dia tsy mba nanota Izy.

Indraindray, ireo Kristiana vaovao izay manohy miaina amin'ny làlan'ny nofo dia tsy mino na mahalala akory momba ny fanavotana sy fanafahana amin'ny fahotana izay ananan'izy ireo ao amin'i Kristy. Mahalala izany i Paoly raha nanoratra ho an'ny mpino tany Korinto Izy. **Fa raha misy fialonana sy fifandirana eo aminareo, tsy araka ny nofo va hianareo ka mandeha araka ny fanaon'ny olona?** (1 Korintiana 3:3b). Ny saina araky ny nofo dia mirehareha loatra rehefa manolo-tena ho an'Andriamanitra na miankina amin'ny Fahasoavany. Ny Kristiana marina dia tokony hametraka ny fiheverany ho amin'ny ara-panahy amin'ny alalan'ny herin'Andriamanitra. Tsy manao izany ho fampiharana amin'ny fandehanana amin'ny nofo izy. Raha miasa amin'ny làlan'ny nofo izy amin'ny fahotana rehetra, dia hanameloka azy ny Fanahy ao aminy. Hitsotra izany eo amin'Andriamanitra izay, ka handray fanadiovana, ary dia handeha indray amin'ny firaisana amin'Andriamanitra. Hiantehitra amin'ny herin' Andriamanitra ao anatiny izy mba hitondra ho amin'ny vokatry ny fahamarinana (jereo pejy 38). Izany no fomba hamonoana ny fanao ara-nofo ao amin'ny tena amin'ny alalan'ny Fanahy (Romana 8:13).

## Ny Saina Araky ny Fanahy

Ny saina araky ny Fanahy dia ny mifanohitra tanteraka amin'ny saina araky ny nofo. Izany no sain'i Kristy – izay mpiankina amin'Andriamanitra, tia an'Andriamanitra sy ny hafa, manompo an'Andriamanitra,

ary mankasitraka amin'ny zavatra rehetra. Ity karazana saina ity dia fiainana sy fiadanana, fa tsy tsi-fanarahana sy fahafatesana. **Fa izahay manana ny sain'i Kristy** (1 Korintiana 2:16b). Hoy Paoly mamaritra ny sain'i Kristy: **Tsy manao na inona na inona amin'ny fifampiandaniana, na mandrani-tena foana fa amin'ny fanetren-tena dia aoka samy hanao ny namany ho mihoatra noho ny tenany. Aza samy mihevitra ny azy ihany, fa samy ny an'ny namany koa** (Filipiana 2:3, 4). Mamaritra anao ve ireo andininy ireo? Ny saina ara-panahy dia tsy mirehareha, fa manetry tena. Ity saina ity dia mpankatò ny sitrapon'Andriamanitra ary mitolo-batana ho amin'ny fahafatesana amin'ny hazo fijaliana tahaka an'i Jesosy. Ireo izay "ao amin'i Kristy" dia afaka miara-miteny amin'ny Paoly hoe: **Fa fantatsika fa ny toetsika taloha dia niaraka nohomboana taminy hanimbana ny tenan'ny ota, mba tsy hanompoantsika ny ota intsony** (Romana 6:6).

Hitantsika tamin'ny Lesona 3 fa ny dingana voalohany manoloana ny saina simba dia ny tsy fankasitrahana. Ny saina araky ny Fanahy dia saina mahalala mankasitraka. **Mifalia mandrakariva. Mivavaha, ka aza mitsahatra. Misaora amin'ny zavatra rehetra; fa izany no sitrapon'Andriamanitra ao amin'i Kristy Jesosy ho anareo. Aza mamono ny Fanahy** (1 Tesaloniana 5:16-19).

## Ny Fanahin'i Kristy dia Manome Fiainana

Ny tenanao ara-nofo dia voatendry ho faty (Hebreo 9:27). Fa raha ao anatinao ny Fanahin'i Kristy, dia manana fiainana mandrakizay ianao noho ny Fahamarinany (Romana 8:10). Tahaka ny nananan'ny Fanahin'Andriamanitra hery nananganana an'i Jesosy tamin'ny maty, no Hananganany koa ny tenan'ny nofonao amin'ny maty indray andro any (Romana 8:11). **Ary Andriamanitra efa nanangana ny Tompo sady hanangana antsika koa amin'ny heriny** (1 Korintiana 6:14). Na izao ankehitriny izao aza, ny fiainana omen'ny Fanahin'i Jesosy ao anatinao dia mazàna mamelombelona indray ny vatana sasatra na marary ho amin'ny fanompoana Azy rehefa mangataka Aminy ianao. **Ary tsy ketraka izahay; fa na dia mihalevona aza ny toetray ivelany, dia havaozina isan-andro isan-andro kosa ny toetray anatiny** (2 Korintiana 4:16).

# LESONA 17. TONGA ZANAK'ANDRIAMANITRA MATOTRA

**Romana 8:14-18**

**14 Fa izay tarihin'ny Fanahin'
Andriamanitra no zanak'Andriama-
nitra. 15 Fa tsy nandray ny fanahim-
pahandevozana ho amin'ny tahotra
indray hianareo, fa nandray ny fa-
nahin'ny zanaka natsangana, izay
iantsoantsika hoe: Aba, Ray ô. 16 Ny
Fanahy dia miara-milaza amin'ny
fanahintsika fa zanak'Andriama-
nitra isika. 17 Ary raha zanaka, dia
mpandova; eny, sady mpandova
an'Andriamanitra no mpiray lova
amin'i Kristy koa, raha miara-mia-
ritra aminy isika mba hiara-ma-
nam-boninahitra aminy koa.**

**18 Fa ataoko fa ny fahoriana amin'
izao andro ankehitriny izao dia tsy
tokony hoharina amin'ny voninahi-
tra izay haseho amintsika.**

## Zavatra Hatao

Mitadiava fomba efatra ahafahantsika mahalala fa zanak'Andriamanitra isika:

1. "Fa izay ___________'ny __________'Andriamanitra, dia zanak'Andriamanitra" (andininy 14).

[Raha misintona antsika hanatona ny fiainana masina ny Fanahin'Andriamanitra, dia mamaly isika.]

2. "Fa tsy nandray ny fanahim-________________ ho amin'ny ____________ indray isika" (15).

[**Ary ny Tompo izany Fanahy izany; ary izay itoeran'ny Fanahin'ny Tompo no itoeran'ny fahafahana** (2 Korintiana 3:17). **Fa tsy nomen'Andriamanitra fanahy osa isika, fa fanahy mahery sy fitiavana ary fahononan-tena** (2 Timoty 1:7).]

3. "Ny _________ dia miara-________ amin'ny fanahintsika fa zanak'Andriamanitra isika" (16).

[Ny vavolombelona iray amin'ny fahamarinana fa hoe zanak'Andriamanitra isika dia ny Tenin'Andriamanitra: **Fa hianareo rehetra dia zanak'Andriamanitra amin'ny finoana an'i Kristy Jesosy** (Galatiana 3:26). Ny vavolombelona iray hafa dia ny "vavolombelona ao anatin'ny" Fanahin'Andriamanitra izay manao ny fanahintsika hahalala fa an'Andriamanitra isika, izany hoe "Izaho Azy, ary Izy ahy." Miantso an'Andriamanitra isika hoe "Ray" ary mahafantatra fa marina izany.]

4. Zanak'Andriamanitra isika, ary miray lova amin'i Kristy, "raha miara-________ Aminy" (17).

## Niaina toy ny Zanaka Matotra Jesosy

Jesosy, Ilay Zanak'Andriamanitra, dia nankafy ny fifandraisana akaiky tamin'ny Rainy any an-danitra. Iray izy ireo. Hoy Jesosy, **Ny Zanaka tsy mahazo manao na inona na inona ho Azy, afa-tsy izay hitany ataon'ny Ray; fa na inona na inona no ataon'ny Ray dia toy izany koa no ataon'ny Zanaka** (Jaona 5:19b). **Izaho manao izay sitrany mandrakariva** (Jaona 8:29b).

## Ny Fanahin'ny Fananganan'anaka

Tonga ho isan'ny ankohonan'Andriamanitra isika tamin'ny alalan'ny fahateraham-baovao **Izay rehetra mino fa Jesosy no Kristy dia naterak'Andriamanitra** (1 Jaona 5:1a). Ao amin'ny Testamenta Vaovao, ny teny hoe "fananganan'anaka" dia midika hoe *"napetraka ho toy ny zanaka efa lehibe."* Ny Grika tamin'ny andron'i Paoly dia nitaiza ny zanak'izy ireo tamin'ny mpikarakara zaza miaraka amin'ny fitsipika maro sy fitsipi-pitondrana maro izay arahina mandritra ny fotoana voatondron'ny rainy, rehefa handray ny lova amin'ny zanaka lehibe azy ny zaza tsirairay. Ny zaza matotra dia tsy mila manana fitsipika na fitsipi-pifehezana hikarakarana azy. Manana faniriana ao anatiny izy mba hamalifaly ny rainy.

Ireo zaza naterak'Andriamanitra dia mandray ny Fanahin'ny fananganan'anaka miaraka amin'ny zo rehetra na andraikitry ny zanaka lehibe sy matotra. Hiaina araka izay niainan'i Jesosy izy ireo, ary hamela an-tsitrapo ny tenan'izy ireo ho tarihin'ny Fanahin'Andriamanitra sy ny Tenin'Andriamanitra. Ny zanak'Andriamanitra dia tsy ao amin'ny fahandevozan'ny "taratasin'ny" lalàna voasoratra, fa manaraka ny "fanahin'ny" lalàn'Andriamanitra, izay voasoratra ao am-pony. **Ny lalàn'Andriamaniny no ao am-pony; Tsy mba ho solafaka ny diany** (Salamo 37:31). **Ny hanao ny sitraponao, Andriamanitra ô, no sitrako; ary ny lalànao no ato anatiko** (Salamo 40:8).

Ny Fanahin'i Kristy (Zanak'Andriamanitra) ao amintsika dia afaka miantso an'Andriamanitra hoe "Ray" tahaka izay nataon'i Jesosy. **Ary satria zanaka hianareo, dia nirahin'Andriamanitra ho ato ampontsika ny Fanahin'ny Zanany, miantso hoe: Aba, Ray ô. Ka dia tsy mpanompo intsony hianao, fa zanaka: ary raha zanaka, dia mpandova koa noho ny ataon'Andriamanitra** (Galatiana 4:6, 7). Taloha kelin'ny nanolorana hotsaraina sy nanamelohana an'i Jesosy

tamin'ny hazo fijaliana, dia nivavaka Izy tamin'ny Rainy any an-danitra, ka niantso Azy hoe **Aba, Raiko ô** (Marka 14:36). "Aba" amin'ny fiteny Aramaika dia ny fomba fiteny manokana ao am-po tsy miloakan'ny ankizy kely izay miantso ny rainy hoe: "Da-da!" Afaka manana fifandraisana akaiky tahaka izany amin'ny Raintsika any an-danitra isika.

## Ny Zanak'Andriamanitra dia Mizara ny Fijalian'i Kristy sy ny Voninahiny

Jesosy, na dia tsy nanana ota aza, dia tsy maintsy nijaly. **Dia nianatra fanarahana tamin'izay fahoriana nentiny Izy, na dia Zanaka aza** (Hebreo 5:8). Isika koa dia mety hijaly rehefa mianatra mandà ny tenantsika sy mankatò ny bitsiky ny Fanahin'Andriamanitra ao anatintsika.

Ary ho halan'izao tontolo izao koa isika tahaka ny nankahalany Azy (Jaona 15:18). Ny fijaliana dia manome antsika fahafahana hanana firaisana lalindalina kokoa amin'i Jesosy. **Eny, mba ho fantatro Izy sy ny herin'ny fitsanganany tamin'ny maty ary ny fiombonana amin'ny fijaliany ka hampitovina amin'ny endriky ny fahafatesany** (Filipiana 3:10).

Amin'ny maha-mpiray lova antsika amin'i Kristy, dia miara-miaritra Aminy isika toy izany koa amin'ny Voninahiny. **Fa hianareo efa nomena noho ny an'i Kristy, tsy ny hino Azy ihany, fa ny hiharam-pahoriana koa noho ny aminy** (Filipiana 1:29). Mety "hijaly" ny "nofontsika" rehefa esorin'ny herin'ny Fanahy hiala ny fahotana. Fa ny fijaliana iaretantsika ankehitriny dia kely raha oharina amin'ny fifaliana mandrakizay sy ny fahasambarana ao an-danitra. **Fa ny fahorianay maivana, izay vetivety foana, dia mainka miasa fatratra indrindra ka mahatanteraka voninahitra mavesatra maharitra mandrakizay ho anay** (2 Korintiana 4:17). **Mijery an'i Jesosy, Tompon'ny finoantsika sy Mpanefa azy, Izay naharitra ny hazo fijaliana, fa tsy nitandro henatra, mba hahazoany ny fifaliana napetraka teo anoloany, ka dia efa mipetraka eo amin'ny ankavanan'ny seza fiandrianan'Andriamanitra Izy** (Hebreo 12:2). Hoy Jesosy, **Izay maharesy dia havelako hiara-mipetraka amiko eo ambonin'ny seza fiandrianako, dia tahaka ny nandreseko kosa sy ny niarahako nipetraka amin'ny Raiko eo ambonin'ny seza fiandrianany** (Apokalypsy 3:21).

# LESONA 18. NY VONINAHITRY NY ZANAK'ANDRIAMANITRA AMIN'NY HO AVY

**Romana 8:19-30**

**19 Fa izao zavatra ary rehetra izao dia samy maniry fatratra ka miandry ny fampisehoana ireo zanak'Andriamanitra; 20 fa izao zavatra ary rehetra izao dia nampanekena ho zava-poana, nefa tsy noho ny sitrapony, fa noho Izay nampanaiky azy, 21 sady nahazo fanantenana koa fa izao zavatra ary rehetra izao aza dia hovotsorana amin'ny fahandevozana, dia ny fahalòvana, ho amin'ny fahafahana izay momba ny voninahitr'ireo zanak'Andriamanitra. 22 Fa fantatsika fa izao zavatra ary rehetra izao dia miara-misento sy miara-marary toy izay efa hiteraka mandraka ankehitriny; 23 ary tsy izany ihany, fa isika koa, na dia manana ny voaloham-bokatry ny Fanahy aza, eny, isika aza dia misento ato anatintsika, miandry ny fananganan-anaka, dia ny fanavotana ny tenantsika. 24 Fa ny fanantenana no namonjena antsika; nefa ny fanantenana hita dia tsy mba fanantenana intsony; fa ahoana no mbola anantenan'ny olona izay efa hitany? 25 Fa raha isika manantena izay tsy mbola hitantsika, dia miandry amin'ny faharetana. 26 Ary toy izany koa, ny Fanahy no mamonjy ny fahalementsika: fa tsy fantatsika izay vavaka tokony hataontsika; fa ny Fanahy no mifona amin'ny fitarainana tsy azo tononina. 27 Ary Izay mandinika ny fo no mahalala, izay hevitry ny Fanahy, satria araka an'Andriamanitra ny fifonany ho an'ny olona masina. 28 Ary fantatsika fa ny zavatra rehetra dia miara-miasa hahasoa izay tia an'Andriamanitra, dia izay voantso araka ny fikasany rahateo, 29 satria izay fantany rahateo no notendreny koa hitovy endrika amin'ny Zanany, mba ho Lahimatoa amin'ny rahalahy maro Izy.**

**30 Ary izay notendreny no nantsoiny koa; ary izay nantsoiny no nohamarininy koa; ary izay nohamarininy no nomeny voninahitra koa.**

## Zavatra Hatao

Fenoy ny banga mba hahitana hoe iza no misento ary nahoana:

1."Fa izao _________ ____ rehetra izao dia miara-misento sy miara-marary toy izay efa _____ _______ _________" (22). "Fa izao zavatra ary rehetra izao dia samy maniry fatratra ka miandry ny fampisehoana ireo ________'____________________" (19).

2. “Fa isika kosa, na dia manana ny voaloham-bokatry ny _________ aza, … dia misento ato anatintsika, ___________ ny fananganan-anaka, dia ny fanavotana ny ______________” (23).

3. “Fa ny __________ no __________ amin’ny fitarainana tsy azo tononina” (26b). “Araka an’Andriamanitra ny fifonany ho an’ny ________ ___________” (27b). Izahay rehetra ao amin’i Kristy dia “olo-masina”.

## Ny Fisentoan’ny Zavatra Ary Rehetra

Rehefa nanota Adama, dia nitondra alahelo sy fahafatesana tamin’ny olona rehetra izany, eny fa na ny tany aza dia voaozona. Fa ny tany, miaraka amin’ireo zanak’Andriamanitra, dia ho afaka amin’ny fahandevozan’ny fahalòvana rehefa miverina Kristy. **Kanefa isika, araka ny teny fikasany, dia manantena lanitra vaovao sy tany vaovao, izay itoeran’ny fahamarinana** (2 Petera 3:13). Amin’izany andro izany, ny Tompon’ny voninahitra dia haseho amin’izao tontolo rehetra izao amin’ny Fahafenoany sy ny fiandrianany lehibe. Haverina amin’ny endrik’Andriamanitra – miaraka Aminy ireo zanak’Andriamanitra ireo – ary haseho mba ho hitan’ny rehetra.

## Ny Fanaintainan’ny Fiterahana amin’ny Fanantenana Mahafaly

Manambara amintsika i Paoly hoe nahoana izy no niaritra fanaintainana toy ny “faharарin’ny vehivavy mihetsi-jaza.” **Anaka, izay ahararíako indray amin’ny fiterahana mandra-paharin’i Kristy ao anatinareo** (Galatiana 4:19). Andriamanitra dia mamorona antsika amin’ny endriky ny Zanany. Miafina amin’izao tontolo izao io fihaviana io. Tsy mba omem-boninahitra sy ankasitrahana eto amin’izao tontolo izao ny zanak’Andriamanitra. Fa amin’ny andro iray manandaza dia hisy fanokanana! Hitsangana amin’ny maty isika miaraka amin’ny vatana vaovao ary aseho **tsy hanan-tsiny eo anoloan’ny voninahiny amin’ny firavoravoana** (Joda andininy 24b). Maniry mafy an’io andro fanavotana farany io ny zavatra ary rehetra. Mandram-pihavin’izany dia manana ny Fanahy Masina isika, **Izany Fanahy izany no santatry ny lovantsika ho amin’ny fanavotana ny**

**olona izay nalainy ho an'ny tenany, ho fiderana ny voninahiny** (Efesiana 1:14).

## Ny Zanaka dia Mitondra ny Endriky ny Rainy

Mazava tsara hoe zanak'iza ny olona iray, satria ny zanaka dia mitondra ny endriky ny ray aman-dreniny. Nahalala tsara an'izany Jesosy. Raha nilaza ireo nikasa hamono Azy hoe; "Abrahama no rainay," dia hoy Jesosy, **Raha zanak'i Abrahama hianareo, dia ny asan'i Abrahama no hataonareo. Hianareo manao ny asan'ny rainareo** (Jaona 8:39b, 41a). **Iray Ray izahay, dia Andriamanitra ihany. Hoy Jesosy taminy: Raha Andriamanitra no Rainareo, dia ho tia Ahy hianareo,… Hianareo avy tamin'ny devoly rainareo, ka izay sitraky ny rainareo no tianareo hatao. Izy dia mpamono olona hatramin'ny taloha.** (Jaona 8:41b, 42a, 44a).

Izao no antony ilantsika ny hateraka indray – mila Ray vaovao isika! Ary izany koa no antony hanombohan'ireo izay naterak'Andriamanitra hanahaka ny Rain'izy ireo any an-danitra dia tahaka ny hitovian'izy ireo bebe kokoa hatrany amin'i Jesosy. Amin'ny maha-Zanak'Andriamanitra Azy, dia naneho tamintsika ny endrik'Andriamanitra Jesosy, satria Andriamanitra no Rainy.

**Ry malala, ankehitriny aza dia zanak'Andriamanitra isika, nefa tsy mbola naseho izay ho toetsika rahatrizay. Fantatsika fa raha hiseho Izy, dia ho tahaka Azy isika, fa ho hitantsika Izy, dia izay tena endriny tokoa. Ary izay rehetra manana izany fanantenana miorina aminy izany dia manadio ny tenany mba hadio tahaka Azy.** (1 Jaona 3:2, 3). Ny fanantenana izay resahin'ny Baiboly dia tsy karazana fanantenana izay *aniriantsika* zavatra hiseho ary *manantena* izany tokoa isika! "Fanantenana" ao amin'ny Baiboly dia manondro zavatra izay hitranga *marina tokoa*. Eo am-piandrasana ny fitrangan'izany, dia mety ho feno fanantenana mahatoky ianao. Io no karazana fanantenana andrasana izay noresahin'i Jaona.

## Ny Fikasan'Andriamanitra Ho an'ireo Izay Azy

Ireo izay tia an'Andriamanitra dia naterak'Andriamanitra ary voantso ho amin'ny fikasana iray: **Hitovy endrika amin'ny Zanany, mba ho Lahimatoa amin'ny rahalahy maro Izy** (Romana 8:29b). Andria-

manitra dia mahalala ireo izay Azy. Efa voatendriny mialoha fa ho tahaka an'i Jesosy, Zanany izy ireo. Nantsoiny izy ireo, Nohamarininy (nambara fa marina izy ireo), ary efa Nomeny azy ireo ny Voninahiny. Nivavaka tamin'ny Rainy Jesosy; **Ary nomeko azy ny voninahitra izay nomenao Ahy, mba ho iray izy, tahaka ny mahiray Antsika: Izaho ao aminy, ary Hianao ato amiko** (Jaona 17:22, 23a). **Izay efa tian'Andriamanitra ho nampahafantarina ny haren'ny voninahitr'ity zava-niafina ity any amin'ny jentilisa, dia Kristy ao anatinareo, Izay fanantenana ny voninahitra** (Kolosiana 1:27). Raha monina ao anatinao Kristy, dia afaka miandry am-pahatokisana ianao fa hiaraka Aminy mandrakizay ary hizara amin'ny Voninahiny. Ireo izay ao amin'i Kristy Jesosy dia mankalaza Azy rehefa mahatanteraka ny fikasan'Andriamanitra ho an'ny fiainany izy ireo. **Fa asany isika, voaforona tao amin'i Kristy Jesosy mba hanao asa tsara, izay namboarin'Andriamanitra rahateo mba handehanantsika eo aminy** (Efesiana 2:10).

## Ny Fahoriana Rehetra Misy dia Miara-miasa ho amin'ny Tsara

Hoy Paoly, **Ary fantatsika fa ny zavatra rehetra dia miara-miasa hahasoa izay tia an'Andriamanitra** (Romana 8:28a). Andriamanitra, izay *manan-kery* indrindra, dia hiasa na dia eo afovoan'ny toe-javatra mahatsiravina indrindra aza, ho an'ny soan'ireo izay tia Azy. *Tsara* ny fahatongavana tahaka ny zanany, eny fa na dia miharo fahoriana aza izany ambaratongam-piovana izany. **Ry malala, aza gaga noho ny fizahan-toetra mahamay izay mahazo anareo ho fitsapan-toetra, ary aza atao ho zavatra mahagaga manjo anareo izany; fa araka ny iombonanareo fijaliana amin'i Kristy dia mifalia, mba hiravoravoanareo indrindra amin'ny fisehoan'ny voninahiny koa** (1 Petera 4:12, 13).

**Izany no iravoravoanareo, na dia ampalahelovina vetivety ankehitriny amin'ny fakam-panahy maro samy hafa aza hianareo, raha tsy maintsy hisy izany, mba ho hita ho fiderana sy voninahitra ary fankalazana ny fizahan-toetra ny finoanareo (izay tsara lavitra noho ny volamena mety ho simba, na dia voazaha toetra tamin'ny afo aza), dia amin'ny hisehoan'i Jesosy Kristy** (1 Petera 1:6, 7).

# LESONA 19. NY TOERANA MANDRAKIZAIN'NY MPINO AO AM-PON'ANDRIAMANITRA

**Romana 8:31-39**

**31 Inona ary no holazaintsika ny**
**amin'izany zavatra izany? Raha**
**Andriamanitra no momba antsika,**
**iza no hahatohitra antsika? 32 Izay**
**tsy niaro ny Zanani-lahy, fa nato-**
**lony hamonjy antsika rehetra Izy,**
**tsy homeny antsika miaraka aminy**
**maimaimpoana koa va ny zavatra re-**
**hetra? 33 Iza no hiampanga ny olom-**
**boafidin'Andriamanitra? Andriama-**
**nitra no manamarina azy. 34 Iza no**
**manameloka? Kristy Jesosy no efa**
**maty, eny, sady nitsangana tamin'ny**
**maty koa ka mitoetra eo amin'ny**
**tànana ankavanan'Andriamanitra**
**ary mifona ho antsika. 35 Iza no ha-**
**hasaraka antsika amin'ny fitiavan'i**
**Kristy? Fahoriana va, sa fahantra-**
**na, sa fanenjehana, sa mosary, sa**
**fitanjahana, sa loza, sa sabatra?**
**36 Araka ny voasoratra hoe: "Fa**
**noho ny aminao no namonoana**
**anay mandrakariva; toy ny ondry**
**hovonoina no fijery anay". 37 Ka-**
**nefa amin'izany rehetra izany dia**
**manoatra noho ny mpandresy isika**
**amin'ny alalan'Ilay tia antsika. 38 Fa**
**matoky aho fa na fahafatesana,**
**na fiainana, na anjely, na ireo fa-**
**napahana, na zavatra ankehitriny,**
**na zavatra ho avy, na hery, 39 na ny**
**ambony, na ny ambany, na inona na**
**inona amin'izao zavatra ary rehetra**
**izao, dia tsy hahasaraka antsika**
**amin'ny fitiavan'Andriamanitra izay**
**ao amin'i Kristy Jesosy Tompontsi-**
**ka.**

## Andriamanitra Dia Ho Antsika

Ity lesona ity dia feno fanontaniana sy valin-teny mahatalanjona. Efa nianatra sahady ny fikasan'Andriamanitra ho antsika isika dia ny: manao atsika ho tahaka an'i Jesosy, mamerina antsika ho amin'ny endrik'Andriamanitra, Ilay Raintsika any an-danitra. Efa nanao tsi-rambina tamin'ny fanatanterahana ny Fikasany ve Andriamanitra? **Ary matoky indrindra aho fa Izay nanomboka asa tsara tao anatinareo no hahatanteraka izany mandra-pihavin'ny andron'i Jesosy Kristy** (Filipiana 1:6).

Fantatsika fa ho antsika Andriamanitra satria nahafoy ny Zanany Lahitokana hisolo antsika Izy. Raha nanome ny tsara indrindra Tami-ny Izy fony isika mpanota, afaka mihazona ny zavatra tsara rehetra tsy ho antsika ve Izy amin'izao isika efa nambara fa marina izao?

*Iza no afaka mitondra fiampangana anao,* hatramin'ny nifidianan'

Andriamanitra anao (olom-boafidy)? Tsy ho Andriamanitra mihitsy izany, satria raha ao amin'i Kristy ianao, dia efa nanambara Izy Tenany fa marina ianao.

*Iza no afaka manameloka anao?* Tsy ho Kristy izany, satria maty ho anao Izy. Nitsangana indray Izy ary velona ao anatinao. Vokatr'izany dia eo an-tànanan-kavanan'Andriamanitra Izy mivavaka mivantana ho anao. **Fa Andriamanitra tsy naniraka ny Zanaka ho amin'izao tontolo izao hanameloka izao tontolo izao, fa mba hamonjeny izao tontolo izao** (Jaona 3:17).

Indray mandeha dia nisy lehilahy maromaro nitondra vehivavy iray izay tratra nijangajanga ho eo amin'i Jesosy. Tian'izy ireo hiray hevitra aminy Izy amin'ny fanamelohana ity vehivavy ity. Nefa teo Anatrehany, dia voatsindrona ny feon'ny fieritreretan'ireo ka dia lasa moramora tsirairay izy rehetra. **Ary rehefa nitraka Jesosy, dia hoy Izy taminy; Ravehivavy, aiza ireny? Tsy nisy nanameloka anao va? Ary hoy izy: Tsy misy, Tompoko. Dia hoy Jesosy: Izaho koa dia tsy manameloka anao; mandehana, ary amin'izao sisa izao dia aza manota intsony** (Jaona 8:10, 11). Na ianao koa aza dia tsy melohin'i Jesosy, raha ao Aminy ianao – fa ny Fikasany ho anao dia ny tsy hanotanao intsony.

Ny zavatra tokana afaka mampisaraka ny olona iray amin'Andriamanitra – fahotana – dia efa noraisin'Andriamanitra Tenany an-tànana. Tokony hankahala ny fahotana isika satria mampisaraka antsika amin'Andriamanitra izany. **Fa ny helokareo no efitra mampisaraka anareo amin'Andriamanitrareo, ary ny fahotanareo no mampiafina ny tavany aminareo, ka dia tsy mihaino Izy** (Isaia 59:2). Nefa raha nanatona an'i Jesosy isika mba hanesorana ny fahotantsika ary efa nambara fa marina isika, ary raha miaina ao amin'ny firaisana amin'i Jesosy isika, mamela Azy hiasa ao anatintsika mba hanao antsika hitovy bebe kokoa hatrany Aminy, inona no afaka manasaraka antsika Aminy? Tsy misy tokoa! Afaka mitia Azy isika ary **Hanompo Azy tsy amin-tahotra, … Amin'ny fahamasinana sy ny fahamarinana eo anatrehany amin'ny andro rehetra hiainantsika** (Lioka 1:74b, 75). **Ny ondriko mihaino ny feoko, ary Izaho mahalala azy, ary *izy manaraka Ahy*, ary Izaho manome azy fiainana mandrakizay, ka tsy ho very izy mandrakizay, ary tsy hisy handrombaka azy amin'ny tànako** (Jaona 10:27, 28).

# LESONA 20. NY FANJAKAN'ANDRIAMANITRA SY NY FAMINDRAMPONY

## Romana 9:1-29

[1]Milaza ny marina ao amin'i
Kristy aho, fa tsy mandainga, sady
miara-milaza amiko ao amin'ny Fa-
nahy Masina koa ny fieritreretako,
[2]fa mafy ny alaheloko, ka tsy mety
mitsahatra ny fahorian'ny foko. [3]Fa
efa saiky niriko aza ho voaozona ho
afaka tamin'i Kristy ny tenako mba
hahavonjeko ny rahalahiko, havako
araka ny nofo, [4]izay Isiraelita sady
manana ny fananganan-anaka sy
ny voninahitra sy ny fanekena sy
ny fanomezana ny lalàna sy ny fom-
bam-pivavahana ary ny teny fikasa-
na; [5]azy koa ny razana, sady avy
taminy araka ny nofo Kristy, Izay
ambonin'izy rehetra, Andriamanitra
isaorana mandrakizay. Amena.

[6]Kanefa tsy lazaiko fa foana ny
tenin'Andriamanitra tsy akory. Fa
tsy izay rehetra avy amin'ny Isirae-
ly no Isiraely. [7]Ary na dia taranak'i
Abrahama aza ireo, tsy dia ary
zanany avokoa; fa "avy amin'Isa-
ka no hantsoina izay taranaka ho
anao." [8]Izany hoe: Tsy ny zanaky
ny nofo no zanak'Andriamanitra;
fa ny zanaky ny teny fikasana no
isaina ho taranaka. [9]Fa izao no
filàzan'ny teny fikasana: "Raha avy
ny taona toy izao, dia ho avy Aho,
ary hanana zazalahy Saraha." [10]Ary
tsy izany ihany, fa Rebeka koa dia
nanan-anaka tamin'ny anankiray,
dia tamin'Isaka razantsika; [11]fa raha
tsy mbola teraka ireo, ary tsy mbola
nanao tsara na ratsy (mba hitoe-
ran'ny fikasan'Andriamanitra araka
ny fifidianana, tsy avy amin'ny asa,
fa avy amin'Izay miantso), [12]dia
nolazaina tamin-dravehivavy hoe:
"Ny zokiny hanompo ny zandriny";
[13]araka ny voasoratra hoe: "Jakoba
no tiako, fa Esao no halako."

[14]Ahoana ary no holazaintsika?
Misy tsi-fahamarinana va amin'An-
driamanitra? Sanatria izany! [15]Fa
hoy Izy tamin'i Mosesy: "Izaho
hiantra izay hiantrako, ary hamin-
dra fo amin'izay hamindrako fo."
[16]Koa dia tsy avy amin'izay maniry
na amin'izay mihazakazaka izany,
fa avy amin'Andriamanitra Izay
miantra. [17]Fa hoy ny Soratra Masina
tamin'i Farao: "Izany no nanandra-
tako anao, mba ho entiko mampi-
seho ny heriko, ary mba hanamba-
rana ny anarako any amin'ny tany
rehetra." [18]Koa izay tiany hamin-
drana fo no amindrany fo, ary izay
tiany hohamafina fo no hamafiny
fo. [19]Hianao ary dia hanao amiko
hoe: Koa nahoana Izy no manome
tsiny ihany? Fa iza no manohitra ny
sitrapony? [20]Tsia, ralehilahy, fa iza
moa hianao, no mamaly an'Andria-
manitra? Izay zavatra noforonina

**va hanao amin'Izay namorona azy
hoe: Nahoana Hianao no nanao ahy
toy izao? 21Ny mpanefy vilany va
tsy manam-pahefana amin'ny tani-
manga, ka ny vongany iray ihany
no anaovany zavatra samy hafa, ny
iray hohajaina, ary ny iray hatao tsi-
nontsinona? 22Sa ahoana kosa raha
Andriamanitra, na dia ta-haneho
ny fahatezerany sy hampahafanta-
tra ny heriny aza, dia be fahari-po
ka nandefitra tamin'izay fanaky ny
fahatezerana voavoatra hosimba-
na, 23mba hampahafantarina koa
ny haren'ny voninahiny amin'izay
fanaky ny famindrampo, izay nam-
boariny rahateo hahazo voninahi-
tra, 24dia isika izay nantsoiny koa,
tsy ny avy amin'ny Jiosy ihany, fa
ny avy amin'ny jentilisa koa, 25araka
izay lazainy eo amin'i Hosea hoe:
"Hiantso ny tsy oloko hoe oloko
Aho; ary ilay tsy malala hoe mala-
la." 26"Ary any amin'ny tany izay
nilazana taminy hoe: Tsy oloko hia-
nareo, dia any no hiantsoana azy
hoe zanak'Andriamanitra velona."
27Ary Isaia milaza ny amin'ny Isi-
raely hoe: "Na dia toy ny fasika any
amin'ny ranomasina aza ny isan'ny
Zanak'Isiraely, dia izay sisa ihany
no hovonjena; 28fa amin'ny fahatan-
terahana faingana no hanefan'i Je-
hovah ny teniny ambonin'ny tany";
29ary araka izay nolazain'Isaia fa-
hiny hoe: "Raha tsy Jehovah, Tom-
pon'ny maro no namela taranaka
ho antsika, dia efa tonga tahaka
an'i Sodoma sy tonga tahaka an'i
Gomora isika."**

## Mampiseho ny Alahelony i Paoly

Nitomany an'ny Isiraely olony i Paoly, satria nandà an'i Kristy (Mesia) izy ireo, Izay nirahin'Andriamanitra ho Mpamonjy azy ireo, ary mba hitahiana izao tontolo izao noho izy ireo. Romana toko faha 9 dia milaza amintsika ny fomba nifidianan'Andriamanitra an'Isiraely, izay tsy niankina velively tamin'izay zavatra nataony. Ny toko faha 10 dia milaza amintsika ny antony nametrahan'Andriamanitra an'Isiraely noho ny tsy finoan'izy ireo ary ny fomba hamerenan'Andriamanitra azy ireo indray amin'ny ho avy. Ireo toko ireo dia mihazona fampianarana maro, fananarana, ary teny fikasana ho antsika amin'ny mahazanak'Andriamanitra antsika.

## Ny Fitahiana an'Isiraely

Fenoy ny banga amin'ireo fomba valo nitahian'Andriamanitra an'Isiraely:

1. "Sady manana ny ___________________" (andininy 4a).

[Efa natsangan'Andriamanitra ho Zanany izy ireo. **Izao no lazain'i Jehovah: Zanako lahimatoa Isiraely** (Eksodosy 4:22b).]

2. "ny _______________" (4).

[Ny voninahitry ny fanatrehan'Andrimanitra dia tao amin'Isiraely. **Ary hihaona amin'ny Zanak'Isiraely ao Aho, ka hohamasinin'ny voninahitro izy** (Eksodosy 29:43).]

3. "ny ____________" (4).

[Andriamanitra dia nanao fanekena maro tamin'i Abrahama, tamin'i Mosesy ary tamin'i Davida. **Hianareo no zanaky ny mpaminany sy ny fanekena nataon'Andriamanitra tamin'ny razanareo, raha hoy Izy tamin'i Abrahama: "Ary amin'ny taranakao no hitahiana ny firenena rehetra ambonin'ny tany"** (Asan'ny Apostoly 3:25).]

4. "ny fanomezana ny ________" (4).

[**Dia nambarany taminareo ny fanekeny, izay nandidiany anareo harahina, dia ny Didy Folo; ary nosoratany teo amin'ny vato fisaka roa ireo** (Deoteronomia 4:13).]

5. "ny _________________________" (4).

[**Koa na dia ny fanekena voalohany aza dia nisy fitsipika ny amin'ny fanompoam-pivavahana, ary nisy ny fitoerany masina momba ny etỳ an-tany** (Hebreo 9:1).]

6. "ary ny ______ ___________" (4).

[Teny fikasana maro no nomena ny Isiraely mikasika ny hoavin'izy ireo ary momba ny Mesia Izay ho avy. **Ary izahay mitory ny filazantsara aminareo, dia ilay teny fikasana nolazaina tamin'ny razana** (Asan'ny Apostoly 13:32).]

7. "ary koa ny ___________" (5).

[Nirehareha ny amin'ny razan'izy ireo ny Isiraely – dia ireo patriarka: Abrahama, Isaka ary Jakoba. **Kanefa ny razanao no niraiketan'ny fitiavan'i Jehovah, ka nifidy anareo zanany mandimby azy Izy** (Deoteronomia 10:15a).]

8. "sady avy taminy, araka ny nofo _________, Izay ambonin'izy rehetra, ______________________ isaorana mandrakizay" (5).

[Ny fanomezana lehibe indrindra amin'ny rehetra dia ny Mesia, Izay hitahy ny tontolo rehetra. **Izy no ambaran'ny mpaminany re-**

**hetra, fa amin'ny anarany no hahazoan'izay rehetra mino Azy famelan-keloka** (Asan'ny Apostoly 10:43). Afaka mamela ny fahotana Jesosy satria Andriamanitra Izy.]

## Fanazavana Efatra mikasina ny Fanjakan'Andriamanitra

Satria ny Isiraely dia nirehareha fatratra ny amin'ny maha-olomboafidin'Andriamanitra azy ireo, dia nanazava i Paoly fa Andriamanitra dia mpanjaka. Mifidy izay rehetra mahafaly Azy Izy mba hanatanteraka ny Fikasany. Ny Safidiny dia tsy miankina amin'ny hoe iza izy ireo na ny zavatra izay nataon'izy ireo.

## Ny Fanazavana mikasika an'Isaka

Nanan-janaka maro hafa i Abrahama, fa Isaka ihany – ilay zaza nampanantenain'Andriamanitra sy teraka tamin'ny alalan'ny fahagagan'Andriamanitra – no nandray ny fandovana. Toy izany koa, *tsy ireo taranak'i Abrahama ara-nofo rehetra* no mandova ny teny fikasan'Andriamanitra. *Ireo zanak'i* Abrahama *ara-panahy* ihany – dia izay manana finoana mitovy amin'i Abrahama – no zanak'Andriamanitra. **Koa fantaro fa izay amin'ny finoana no zanak'i Abrahama. Ka dia izay amin'ny finoana notahina mbamin'i Abrahama mpino** (Galatiana 3:7, 9). Ny fikasan'Andriamanitra ho an'ireo zanak'i Abrahama dia tanteraka tamin'ny alalan'ny olon'Andriamanitra izay manana finoana marina na Jiosy ireo na Jentilisa.

## Ny Fanazavana mikasika an'i Jakoba sy Esao

Isaka, ilay zanaky ny teny fiksana, dia nanan-janaka kambana mirahalahy. Raha ny tokony ho izy dia ny zoky no mandova ny tso-drano sy ny andraikitra. Nefa Jakoba (nantsoina hoe Isiraely taty aoriana) ilay zandry no nofidin'Andriamanitra, mba ho rain'ny olona dia ireo izay Nanaovany drafitra mba hitahiana izao tontolo izao. Talohan'ny nahatanterahan'izy ireo, talohan'ny nahavitan'ny zazalahy zavatra tsara na ratsy akory aza, dia nifidy an'i Jakoba Andriamanitra ho amin'ity fikasana ity. Ny Safidiny dia tsy niankina tamin'ny toetran'i Jakoba na ny fitondran-tenany.

Manoratra ny mpaminany Malakia i Paoly mba hanehoana fa ny taranak'Isaka ary Esao dia tsy olon'Andriamanitra. Taon-jato maro taorian'ny nahafatesan'i Jakoba sy Esao, raha nanontany ny fitiavan'Andriamanitra ny firenena Isiraely, dia nolazain'i Malakia tamin'izy ireo fa tia an'i Jakoba Andriamanitra – anarana iray ho an'ny firenen'Isi-

raely, nefa nankahala an'i Esao Izy – anarana iray ho an'ny firenen'i Edoma, ny taranak'i Esao – dia nantsoina hoe "Tanin'ny Faharatsiana" (Malakia 1:2-4). Halan'Andriamanitra ny mpiasa rehetra amin'ny tsi-fahamarinana (Salamo 5:5), nefa tiany hibebaka izy ireo ka hovonjena: **Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanani-lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay** (Jaona 3:16).

## Fanazavana mikasika an'i Farao

**Izay olona anarina matetika ka mihamafy hatoka dia ho torotoro tampoka, ka tsy hisy fahasitranana. Raha mihamaro ny marina, dia faly ny vahoaka; fa raha ny ratsy fanahy no manapaka, dia misento kosa izy** (Ohabolana 29:1, 2). Fantatsika fa mpanapaka ratsy fanahy i Farao, satria nitoloko sy nitaraina fanafahana tamin'Andriamanitra ny olon'Isiraely. Nanamafy ny fony tamin'Andriamanitra izy ary ny amin'ny fahafaha-manao rehetra nomen'Andriamanitra azy mba hiovany ho tsara fanahy kokoa. Nahatonga ny valin-tenin'i Farao hanamafy kokoa ny fony Andriamanitra. Nanao drafitra Andriamanitra mba hampiasana ny fahamafisam-pon'i Farao ho fampisehoana ny Heriny lehibe. **Kanefa izao indrindra no nampaharetako anao, dia ny hampahita anao ny heriko mba hambara any amin'ny tany rehetra ny anarako** (Eksodosy 9:16). Mety ho ohatra lehibe ho an'Isiraely i Farao ny amin'ny fahamafisam-po. Nefa dia nanamafy ny fon'izy ireo koa ny Isiraely ary tsy nihaino an'Andriamanitra.

Tokony ho anatra ho antsika izao (izay manana ny fitahiana maro amin'Andriamanitra) ny tsy hanamafy ny fontsika amin'ny tsy fihainoana an'Andriamanitra na amin'ny alalan'ny tsy finoana an'Andriamanitra. **"Anio, raha hihaino ny feony hianareo aza manamafy ny fonareo"** (Hebreo 4:7b).

## Fanazavana mikasika ny Mpanefy sy ny Tanimanga

Indray mandeha Andriamanitra dia nilaza tamin'i Jeremia Mpaminany mba handeha ho any an-tranon'ny mpanefy tanimanga iray mba hahazoany ireo tenin'Andriamanitra. Raha mbola nijery ilay mpanefy niasa tamin'ny tanimanga Jeremia teo amin'ny fanodina fanaovana azy, dia simba ny vilany tanimanga, ary nataon'ilay mpanefy ho vilany hafa indray izany. Hoy Andriamanitra, **Indro, toy**

**ny tanimanga eo an-tànan'ny mpanefy azy, dia toy izany hianareo eo an-tànako, ry taranak'Isiraely** (Jeremia 18:6b).

Tsy nanapa-kevitra ilay mpanefy fa hanao an'ilay vilany hoe simba. Tsy manao izany koa Andriamanitra. Izy dia **ka tsy tiany hisy ho very** (2 Petera 3:9b). Fa raha simba "ny vilany" noho ny fikomiana Aminy, dia mendrika ho simba tokoa izany vilany izany. Andriamanitra Mpanao antsika (Mpanefy) dia efa nitady ny haneho ny Famindrampony amin'ireo izay hametraka ny tenan'izy ireo eo an-Tànany ary mamela Azy hanavao azy ireo amin'izay làlana Finidiny. Tsy afaka mamboatra ny tenantsika isika. **Dia tsy avy tamin'ny asa amin'ny fahamarinana izay nataontsika, fa araka ny famindrampo kosa no namonjeny antsika, tamin'ny fanasan'ny fiterahana indray sy ny fanavaozan'ny Fanahy Masina** (Titosy 3:5).

Raha *mandà* ilay vilany simba ka tsy mamela ny mpanefy tanimanga hanamboatra azy ho vilany hafa, dia alefa ho any amin'ny fahasimbana izany. Fa Andriamanitra efa nanendry mialoha ny fikasana henim-boninahitra ho an'ireo izay mihaino tsara ny Fiantsoany hoe "Avia" (Apokalypsy 22:12). **Araka ny nifidianany antsika tao aminy, fony tsy mbola ary ny fanorenan'izao tontolo izao, mba ho masina sady tsy misy tsiny eo anatrehany isika, rehefa notendreny rahateo amin'ny fitiavana isika mba ho Azy amin'ny fananganan-anaka amin'ny alalan'i Jesosy Kristy, araka izay ankasitrahan'ny fony** (Efesiana 1:4, 5). Andriamanitra dia manana fanapahan-kevitra ny amin'ireo toe-javatra ho an'ny Famindrampony. Hoy Izy, *"Mifidiana ny fiainana!"* (Deoteronomia 30:19). Ny fiainana dia *ao amin'i Jesosy.*

## Ny Famindrampon'Andriamanitra dia Mivelatra Tsara mba Hampidirana Anao

**"Izay rehetra miantso ny anaran'ny Tompo no hovonjena"** (Romana 10:13b). Izay manaiky ny fanasan'Andriamanitra mba ho vilany hanehoana ny Famindrampony dia tsy maintsy mamela ny Mpanefy tanimanga mba hanamboatra azy indray. Hoy Jesosy, **Raha misy ta-hanaraka Ahy, aoka izy handa ny tenany, dia hitondra ny hazo fijaliany isan'andro** [amin'ny fanaovana izay Lazainy] **ka hanaraka Ahy. Fa inona no soa azon'ny olona, raha mahazo izao tontolo izao aza, kanefa very ny ainy, na mati-antoka, izany izy?** (Lioka 9:23b, 25).

## LESONA 21. TSY MAINTSY NAMELA NY ISIRAELY ANDRIAMANITRA

### Romana 9:30-33

30 Ahoana ary no holazaintsika?
Ny jentilisa, izay tsy nitady fahama-
rinana, no nahazo fahamarinana,
nefa fahamarinana izay avy amin'ny
finoana? 31 Fa ny Isiraely, izay nitady
lalàn'ny fahamarinana kosa, dia tsy
nahatratra izany lalàna izany. 32 Na-
hoana moa? Satria tsy tamin'ny
finoana, fa toa tamin'ny asa, ka
tafintohina tamin'ny vato mahata-
fintohina izy; 33 araka ny voasoratra
hoe: "Indro Aho mametraka vato
mahatafintohina sy vatolampy ma-
hasolafaka ao Ziona; ary izay mino
Azy tsy ho menatra."

### Romana 10:1-21

1 Ry rahalahy, ny irin'ny foko sy
ny angatahiko amin'Andriamani-
tra ho an'ireny dia famonjena. 2 Fa
vavolombelon'ireny aho fa mazoto
ho an'Andriamanitra izy' saingy
tsy araka ny fahalalana. 3 Fa sa-
tria tsy nahalala ny fahamarinana
avy amin'Andriamanitra izy ka
nitady hanamarina ny tenany, dia
tsy nanaiky ny fahamarinana avy
amin'Andriamanitra. 4 Fa Kristy no
faran'ny lalàna ho fahamarinana ho
an'izay rehetra mino. 5 Fa Mosesy
nanoratra milaza fa izay olona ma-
nao ny fahamarinana avy amin'ny
lalàna no ho velona amin'izany. 6 Fa
ny fahamarinana izay avy amin'ny
finoana kosa manao hoe: "Aza
milaza ao am-ponao hoe; Iza no
hiakatra any an-danitra?" (dia ny
hampidina an'i Kristy izany,) 7 na:
"Iza no hidina any amin'ny lalina?"
(dia ny hampiakatra an'i Kristy
avy any amin'ny maty izany.) 8 Fa
ahoana no lazainy? "Eo akaikinao
ny teny, dia eo am-bavanao sy ao
am-ponao", dia ny teny ny amin'ny
finoana, izay torinay; 9 satria raha
manaiky an'i Jesosy ho Tompo
amin'ny vavanao hianao ary mino
amin'ny fonao fa Andriamanitra
efa nanangana Azy tamin'ny maty,
dia hovonjena hianao. 10 Fa amin'ny
fo no inoana hahazoana fahamari-
nana, ary amin'ny vava no anekena
hahazoana famonjena. 11 Fa hoy ny
Soratra Masina: "Tsy ho menatra
izay rehetra mino Azy." 12 Fa tsy
misy hafa, na Jiosy na jentilisa, fa
iray ihany no Tompon'izy rehetra,
sady manan-karena homeny izay
rehetra miantso Azy Izy. 13 Fa "izay
rehetra miantso ny anaran'ny Tom-
po no hovonjena."

14 Hataony ahoana ary no fian-
tso izay tsy ninoany? Ary hataony
ahoana no fino izay Olona tsy reny?
Ary hataony ahoana no fandre, raha
tsy misy mpitory? 15 Ary hataony
ahoana no fitory, raha tsy nirahina?
araka ny voasoratra hoe: "Akory

**ny hatsaran'ny tongotr'iry mitondra teny soa mahafaly!" [16]Nefa tsy izy rehetra no nanaiky ny teny soa mahafaly. Fa hoy Isaia: "Jehovah ô, iza no nino ny teny nampitondraina anay?" [17]Koa ny finoana dia avy amin'ny tori-teny, ary ny tori-teny kosa avy amin'ny tenin'i Kristy. [18]Fa hoy izaho: Sao tsy nahare izy? Tsia; fa "Efa nivoaka ho any amin'ny tany rehetra ny feony, ary ny teniny hatramin'ny faran'izao rehetra izao." [19]Fa hoy izaho: Sao tsy nahalala ny Isiraely? Voalohany, Mosesy manao hoe: "Izaho hampialona anareo amin'izay tsy firenena, dia amin'izay firenena adala no hampahasosorako anareo." [20]Fa sahy mihitsy Isaia ka manao hoe: "Hitan'izay tsy nitady Ahy Aho, ary niseho tamin'izay tsy nanontany Ahy." [21]Fa ny amin'ny Isiraely dia hoy izy: "Mandritra ny andro no efa naninjirako ny tànako tamin'izay firenena sady tsy manaraka no mandà."**

## Zavatra Hatao

Fenoy avy amin'ny Romana toko faha 10 ny banga:

1. Mba hananana ny fahamarinana avy amin'ny finoana dia tsy ilaina akory ny mitady an'i Kristy any lavitra (10:6, 7). "Eo _____________ ny teny, dia eo _______________ sy ao _____________" (10:8).

[**Kanefa tsy mba lavitra antsika rehetra Izy** (Asan'ny Apostoly 17:27b). **Jehovah dia eo akaikin'izay rehetra miantso Azy, dia izay rehetra miantso Azy marina tokoa** (Salamo 145:18). **Akaikin'izay manana fo mangorakoraka Jehovah ary mamonjy izay torotoro fanahy** (Salamo 34:18).]

2. Iza no tsy maintsy hekenao amin'ny vavanao? "__________ ho _________" (9).

3. Inona no tsy maintsy inoanao amin'ny fonao? "Fa Andriamanitra efa _____________ Azy tamin'ny ______" (9).

4. Inona no ataon'ny olona amin'ny fony? "___________ hahazoana _____________________" (10).

5. Inona no ataon'ny olona amin'ny vavany? "_________ hahazoana __________" (10).

6. Iza no tokony hovonjena? “Izay rehetra _______ ny ________’ny Tompo” (13).

7. Ahoana no iavian’ny finoana? “avy amin’ny _______” (17). Ahoana no iavian’ny toriteny? “avy amin’ny _____’i Kristy” (17).

## Ny Ilana ny Fahamarinan’Andriamanitra

Tamin’ny andro nahaveloman’i Jesosy, dia nitompo teny fantatra ireo Fariseo – Jiosy fatra-panaja ny fombam-pivavahana – fa tsy maintsy tandremana tsara ny lalàn’Andriamanitra, ary koa ireo fandikan-teny nanampiana ny lalàna. Raha nampianatra mikasika ny ilana ny fahamarinana Jesosy dia hoy Izy; **Fa lazaiko aminareo: Raha tsy mihoatra noho ny an’ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo ny fahamarinanareo, dia tsy hiditra amin’ny fanjakan’ny lanitra mihitsy hianareo** (Matio 5:20). Na dia ny fahamarinan’ireo Fariseo sarotiny ireo aza dia tsy ampy amin’Andriamanitra.

Ny lalàna nomena an’i Mosesy dia ahitana zavatra maro toy izao, **Aza mamono olona** ary **Aza mijangajanga** (Eksodosy 20:13, 14). Ireo dia *zavatra atao ety ivelany.* Ny fahamarinana noresahin’i Jesosy dia ahitana ny *fihetsehan’ny fo ao anaty*. Jesosy dia nampianatra fa na dia ny fahatezerana tsy misy antony ao am-ponao amin’ny olona iray, na filazana ny hafa ho adala dia tsy fahamarinana izay mendrika hotsaraina. Mety tsy mijangajanga ny lehilahy iray, nefa maniry vehivavy iray ao am-pony izy, dia meloka eo imason’Andriamanitra izy ny amin’ny fijangajangana. Ny fahamarinan’Andriamanitra dia tsy maintsy avy ao anaty aloha. Hoy Jesosy, **Lozanareo, mpanora-dalàna sy Fariseo, mpihatsaravelatsihy! fa hianareo dia tahaka ny fasana voalalotra fotsy, izay miseho tsara tarehy eo ivelany, nefa ny ao anatiny dia feno taolan’ny maty mbamin’ny fahalotoana rehetra. Dia tahaka izany koa hianareo: raha amin’ny eo ivelany dia miseho amin’ny olona ho marina, nefa ny ao anatinareo dia feno fihatsarambelatsihy sy tsi-fankatoavan-dalàna** (Matio 23:27, 28).

Ny toetra ambony ananan’Andriamanitra amin’ny fahamarinana dia avo tokoa ka tsy takatran’iza n’iza raha tsy Andriamanitra no nanome azy ny Fahamarinany manokana. Ary izany no nataon’Andriamanitra! Naniraka an’i Jesosy Izy (Andriamanitra tonga nofo) mba hiara-miaina amintsika sy ny fiainana marina tanteraka izay ilain’Andriamanitra.

Jesosy no vato mahatafintohina ireo izay mihevitra fa ankasitrahan'Andriamanitra ny fahamarinan'izy ireo. **…Ary tahaka ny lamba mihosin-dra ny fahamarinanay rehetra** (Isaia 64:5a). Ireo izay tena manetry tena tokoa mba hanaiky fa tena mpanota izy ireo (ary tsy afaka miaina fiainana marina amin'ny herin'izy ireo manokana) dia manao ny tenan'izy ireo ho *maty* tamin'ny fiainan'izy ireo izay feno fahotana tokoa (voahombo tamin'ny fahafatesan'i Kristy nisolo azy ireo) ary *velona* ao amin'ny fiainana vaovao izay omen'i Jesosy azy ireo. **Ary mba ho hita ao aminy aho tsy manana ny fahamarinako, izay avy amin'ny lalàna, fa izay avy amin'ny finoana an'i Kristy, dia ny fahamarinan'Andriamanitra amin'ny finoana** (Filipiana 3:9).

## Nahoana Andriamanitra no Tsy Maintsy Namela ny Isiraely

Rehefa tonga Jesosy, dia sahirana tamin'ny fiezahana nankatò ny lalàn'Andriamanitra – tamin'ny herin'izy ireo manokana sy ny nofo ny Isiraely. Tsy fantatr'izy ireo fa ny fahamarinana izay irin'Andriamanitra dia tsy azo raha tsy amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesosy ihany, Izay fahamarinana (1 Korintiana 1:30).

Andriamanitra efa nifidy ny Isiraely mba ho fantsona amin'ny Fitahiany ho amin'izao tontolo izao. Ka rehefa nandà tsy handray an'i Jesosy izy ireo mba ho Mpamonjy nampanantenaina, dia tsy afaka nampiasa azy ireo hizarana izany vaovao tsara izany amin'izao tontolo izao Andriamanitra. Nifidy an'ireo Jentilisa nino Izy mba ho Olony araka izay naminanian'i Hosea, **Sady hanao amin'i Lô-amý hoe: Oloko hianao; ary izy kosa hanao hoe: Andriamanitro Hianao** (Hosea 2:25b).

Nanao fanoharana momba ny tompon'ny tany iray Jesosy, izay naniraka mpanompo ho any amin'ny tanimboalobony mba handray ny vokatra. Fa ny mpiasa tany niandraikitra ny tanimboaloboka namono ireo mpanompony rehetra. Farany, dia naniraka ny zanany lahitokana izy, satria noheveriny fa mba hanaja azy ireo. Nefa dia novoin'ireo koa io, satria te-haka an-keriny ny lova ho azy izy ireo (Matio 21:33-39). Hoy Jesosy, **Ary noho izany dia lazaiko aminareo hoe: Hesorina aminareo ny fanjakan'Andriamanitra ka homena izay firenena mahavokatra ny voany** (Matio 21:43). Araka izay ho hitantsika ao amin'ny lesona manaraka, na dia mpamindra fo aza Andriamanitra, dia tsy namela tanteraka na maharitra ny Isiraely Izy.

# LESONA 22. HOVONJENA NY ISIRAELY

**Romana 11:1-32**

**[1]Dia hoy izaho: Sao narian'Andriamanitra anie ny olony? Sanatria izany! fa izaho koa mba Israelita' taranak'i Abrahama ihany, avy amin'ny firenen'i Benjamina. [2]Andriamanitra tsy nanary ny olony izay efa fantany rahateo; sa tsy fantatrareo izay lazain'ny Soratra Masina eo amin'ny tantaran'i Elia, dia ilay fitarainany tamin'Andriamanitra nentiny namely ny Isiraely hoe: [3]"Jehovah ô, efa namono ny mpaminaninao sy nandrava ny alitaranao izy: ary izaho irery ihany no sisa, ka mitady ny aiko koa izy"? [4]Fa ahoana no navalin'Andriamanitra azy? "Izaho efa niaro fito arivo lahy ho Ahy, dia izay tsy mba nandohalika tamin'i Bala." [5]Dia toy izany koa amin'izao andro ankehitriny izao misy sisa ihany araka ny fifidianana amin'ny fahasoavana. [6]Ary raha avy amin'ny fahasoavana izany, dia tsy mba avy amin'ny asa intsony; fa raha izany, dia tsy fahasoavana intsony ny fahasoavana. [7]Ahoana ary? Izay notadiavin'ny Isiraely dia tsy azony, fa ny voafidy ihany no nahazo izany, fa nohamafina kosa ny fon'ny sisa; [8]araka ny voasoratra hoe: "Andriamanitra efa nanome azy fanahy sondrian-tory sy maso tsy hahita, ary sofina tsy hahare, mandraka andro-any." [9]Ary hoy Davida: "Aoka ny latabany ho fandrika sy ho tonta ary ho fahatafintohinana sy ho famaliana azy; [10]aoka ny masony ho jamba tsy hahita, ary aoka hamokoka mandrakariva izy."**

**[11]Dia hoy izaho: Sao dia tafintohina ho lavo anie ny Isiraely? Sanatria izany! Fa ny fahatafintohinany no nahatonga famonjena ho an'ny jentilisa mba hampialona azy. [12]Ary raha ny fahatafintohinany no tonga haren'izao tontolo izao, ary ny nihenany, no tonga haren'ny jentilisa, mainka fa ny hafenoany. [13]Fa hianareo jentilisa no itenenako. Koa satria Apostolin'ny jentilisa aho, dia mankalaza ny fanompoako, [14]raha mba misy hahazoako hampialona ireo mifanapa-tsinay amiko, mba hamonjeko ny sasany aminy. [15]Fa raha ny fanariana azy no fampihavanana izao tontolo izao, tsy ho fitsanganana amin'ny maty va ny fandraisana azy? [16]Ary koa, raha masina ny santatra, dia masina koa ny vongany; ary raha masina ny fàkany, dia masina koa ny sampany. [17]Fa raha notapahina ny sampany sasany, ary hianao izay tahaka ny hazo oliva maniry ho azy kosa no natsofoka teo aminy ka mba niombona ny fàkan'ny menaky ny hazo oliva, [18]dia aza mirehareha amin'ny sampany; fa raha mirehareha hia-**

**nao, tsy hianao no mitondra ny fàkany, fa ny fàkany no mitondra anao. [19]Ary hianao dia hanao hoe: Notapahina ny sampany sasany hanatsofohana ahy. [20]Marina ihany izany: ny tsi-finoany no nanapahana azy, ary ny finoanao kosa no itoeranao. Aza miavonavona, fa matahora; [21]fa raha ny tena sampany aza tsy navelan'Andriamanitra, dia tsy havelany koa hianao. [22]Koa indro ny fahamoram-panahin'Andriamanitra sy ny fahasaro-pony: amin'izay lavo dia fahasaro-po; fa aminao kosa dia fahamoram-panahin'Andriamanitra, raha maharitra ao amin'ny fahamoram-panahiny hianao; fa raha tsy izany, dia hotapahina koa hianao. [23]Ary ireny kosa, raha tsy mikikitra eo amin'ny tsi-finoana, dia hatsofoka ihany: fa azon'Andriamanitra atsofoka indray izy. [24]Fa raha notapahina tamin'ny hazo oliva naniry ho azy hianao ka natsofoka tamin'ny hazo oliva tsara, nefa tsy tena sampany, mainka fa izay tena sampany no hatsofoka amin'ny hazo oliva nanapahana azy. [25]Fa tsy tiako tsy ho fantatrareo izany zava-miafina izany, ry rahalahy (fandrao mihevitra ny tenanareo ho hendry hianareo), fa efa misy fahamafiam-po manjo ny Isiraely sasany mandra-piditry ny hafenoan'ny jentilisa; [26]ary amin'izany dia hovonjena avokoa ny Isiraely rehetra,–araka ny voasoratra hoe: "Hivoaka avy any Ziona ny Mpanafaka, ary hampiala ny haratsiam-panahy amin'i Jakoba Izy; [27]Ary izao no fanekeko aminy, Raha manaisotra ny fahotany Aho." [28]Raha ny amin'ny filazantsara dia fahavalo izy noho ny aminareo; fa raha ny amin'ny fifidianana kosa dia malala izy noho ny amin'ny razana. [29]Fa ny fanomezam-pahasoavana sy ny fiantsoan'Andriamanitra dia tsy misy hanenenany. [30]Fa tahaka anareo izay tsy nanaiky an'Andriamanitra fahiny, nefa ankehitriny ny tsi-faneken'ireny no nahazoanareo famindrampo, [31]dia toy izany kosa ankehitriny, tsy nanaiky ireny, mba hahazoany famindrampo ankehitriny noho ny famindrampo azonareo. [32]Fa Andriamanitra nanidy azy rehetra tamin'ny tsi-fanekena, mba hamindrany fo amin'izy rehetra.**

## Didim-pitsarana Avy amin'Andriamanitra ny Fahajambana

Nandritra ny taona maro dia betsaka ny Jiosy no efa nino ireo teny fikasan'Andriamanitra sy natoky Azy. Izy ireny dia nantsoina hoe "sisa" – "potiny" amin'Isiraely – izay olon'Andriamanitra. Nefa rehefa tsy *te*-hiaino ny olona dia avelan'Andriamanitra ho jamba

ny amin'ny fahamarinana izy ireo. Izany no nihatra tamin'Isiraely tamin'ny maha-firenena azy.

**Fa Jehovah efa nampidina fanahy mahasondrian-tory ao aminareo** (Isaia 29:10a). **Dia tanteraka aminy ny faminanian'Isaia, izay manao hoe: "Handre mandrakariva ihany hianareo, fa tsy hahafantatra: ary hijery mandrakariva ihany hianareo, fa tsy hahita"** (Matio 13:14). **Fa efa donto ny sainy; fa ambaraka andro-any dia mbola tsy nesorina ihany izany fisalobonana izany, raha vakina ny tenin'ny fanekena taloha,… Kanefa *rehefa miverina amin'ny Tompo izy, dia hesorina ihany ny fisalobonana*** (2 Korintiana 3:14a, 16). Ireo izay miverina amin'i Kristy dia mandray fahalalana vaovao amin'ny Soratra Masina satria ny Fanahin'Andriamanitra no mampiseho ny fahamarinana amin'izy ireo (Jaona 15:26; 16:13). **Fa ny teny ny amin'ny hazo fijaliana dia fahadalana amin'izay ho very, fa herin'Andriamanitra kosa amintsika izay hovonjena** (1 Korintiana 1:18).

### Fanazavana mikasika ny Hazo Oliva

Mampiasa ny ohatra mikasina ny hazo oliva i Paoly mba hanehoana fa tsy nanary ny Isiraely ho mandrakizay Andriamanitra. Ny olona Isiraely dia tahaka ny sampan'ny hazo oliva izay nambolen'ny Tompo. **'Hazo oliva maitso sady misy voany mahate-hizaha' No nataon'i Jehovah anaranao; tamin'ny fihorakorahana be no nandrehetany afo taminy, ary notapahina ny rantsany** (Jeremia 11:16). Nampiasaina tamin'ny fanorenana ny tempolin'Andriamanitra ny hazo avy tamin'ny hazo oliva (1 Mpanjaka 6:23, 32). Ny oliva dia nopotserina mba hahazoana menaka (fanambarana ny Fanahy Masina) fandrehetana hatrany ny jiro ary mba ho menaka fanosorana (Eksodosy 27:20; 30:22-33) ho an'ny fanompoana ao amin'ny tabernakely.

Ny fambolena hazo oliva maro be dia mandany ezaka am-polo taona maro sy *fanaovana grefy* maharitra (fampidirana solofo tsara ao anatin'ny faritra notapahina teo amin'ny hazo, avy eo dia fonosina izy). Ity ambaratonga iray ity dia mamporisika ny hazo mba hampikoriana ny tsiron-kazo ao aminy. Raha tsy mandaitra ny fanaovana grefy ireo solofo tsara, dia misy zavatra iray farany andramana: Esory avokoa ny ankabetsahan'ny sampan'ilay

hazo, ary tokony iray ihany no ajanona eo. Avy eo dia akambano mafy amin'ireo grefy avy amin'ny hazo oliva (hazo hafa hatrany am-potony) dia mba hahafahan'ny hazo mamoa. Izany no ataon' Andriamanitra. Ilay sampana natoraly (tsy finoana Jiosy) dia efa novakiana, ary ny finoana Jentilisa dia natao grefy tao ho olon'Andriamanitra mba hanetsika ny Isiraely hiverina Aminy. **Fa ankehitriny kosa, ao amin'i Kristy Jesosy, hianareo izay lavitra fahiny dia efa nampanakeken'ny ran'i Kristy** (Efesiana 2:13). **Mba ho tonga amin'ny jentilisa ny fitahiana an'i Abrahama ao amin'i Kristy Jesosy, ary mba horaisintsika amin'ny finoana ny teny fikasana ny amin'ny Fanahy** (Galatiana 3:14).

## Haneho Famindrampo Andriamanitra ary Hamerina indray ny Isiraely

Na dia firenena manohitra ny filazantsara aza ny Isiraely, dia mbola tian'Andriamnaitra Isiraely noho ny Fanekena nataony tamin'i Abrahama (Romana 11:28, 29). Efa nampanantena Andriamanitra fa hiverina Aminy ny Isiraely (Isaia 11:11-16; 12:1-6; 59:20, 21; Jeremia 23:3; 31:1, 10-12; Ezekiela 11:16-20; Zakaria 8:10-23). **Koa lazao hoe: Izao no lazain'i Jehovah Tompo: Na dia nampandehaniko lavitra any amin'ny jentilisa aza izy ka naeliko tany amin'ny tany maro,… Hovoriko avy any amin'ny firenena hianareo, ary hangoniko avy any amin'ny tany izay nampielezana anareo, ka homeko ny tanin'ny Isiraely hianareo** (Ezekiela 11:16a, 17b).

**Fa manome tsiny ny olona Izy manao hoe: "Indro, avy ny andro, hoy Jehovah, izay hanaovako fanekena vaovao amin'ny taranak'Isiraely sy ny taranak'i Joda,… hataoko ao an-tsainy ny lalàko, sady hosoratako ao am-pony, ary Izaho ho Andriamaniny, ary izy ho oloko. Fa hamindra fo amin'ny tsi-fahamarinany Aho, ary tsy hotsarovako intsony ny fahotany"** (Hebreo 8:8, 10b, 12).

Ny fikasan'Andriamanitra dia ny mba hiombonan'ny Jiosy sy ny Jentilisa ao amin'i Kristy. **Ary hampihavana antsika roa tonta ho tena iray amin'Andriamanitra noho ny hazo fijaliana, izay namonoany ny fandrafiana** (Efesiana 2:16).

# LESONA 23. NY FOTOTRY NY FAHAVOKARAN'NY KRISTIANA

### Romana 11:33-36

**33 Endrey ny halalin'ny haren'An-**
**driamanitra sy ny fahendreny ary**
**ny fahalalany! ny fitsarany tsy**
**hita lany, ary ny làlany tsy azo**
**fantarina! 34 Fa "iza no nahalala ny**
**sain'i Jehovah? ary iza no mpano-**
**lo-tsaina Azy?" 35 Na iza no nanome**
**Azy aloha hamaliana azy indray?**
**36 Fa Izy no nihavian'izao zavatra**
**rehetra izao, ary Izy no mihazona**
**azy, sady Izy koa no antony; Izy**
**anie no homem-boninahitra man-**
**drakizay. Amena.**

### Romana 12:1-2

**1 Koa amin'izany mangataka**
**aminareo aho, ry rahalahy, noho**
**ny famindrampon'Andriamanitra,**
**mba hatolotrareo ny tenanareo ho**
**fanatitra velona, masina, sitrak'An-**
**driamanitra, dia fanompoam-pana-**
**hy mety hataonareo izany. 2 Ary aza**
**manaraka ny fanaon'izao tontolo**
**izao; fa miovà amin'ny fanavaoza-**
**na ny saina, hamantaranareo ny**
**sitrapon'Andriamanitra, dia izay**
**tsara sady ankasitrahana no ma-**
**rina.**

## Famalian'Andriamani-Tsika Mahafinaritra

Raha mamarana ny fanazavany ny amin'ny vaovao tsara momba ny fahasoavan'Andriamanitra i Paoly, dia miditra tampoka ao amin'ny fiderana izy, gaga tamin'ny fiandrianan'Andriamanitra izay misy fofonaina, **Dia izay manao zava-dehibe tsy takatry ny saina sy zava-mahagaga tsy hita isa** (Joba 5:9).

Ao amin'ny fahazavan'ny famindrampon'Andriamanitra lehibe, dia miangavy ireo izay matoky an'i Kristy i Paoly mba hanolotra ny tenan'izy ireo ho an'Andriamanitra mba ho raki-pisaorana *velona*. Raha efa maty ny fiainana taloha (voahombo niaraka tamin'i Kristy) ary manana ny fiainan'ny fitsanganan'i Jesosy tamin'ny maty izay velona ao anatinao ianao, dia *tsara lahatra* ny hanoloranao ny tenanao ho an'Andriamanitra mba ho fanatitra izay velona ao amin'i Kristy, masina ary sitrak'Andriamanitra. Hanao izany ve ianao izao ankehitriny izao? Ohatra, atolory Azy ny vavanao mba hiderana Azy ary hilazana amin'ny hafa ny amin'ny fitiavany an'izy ireo. Atolory Azy ny masonao mba hahita ny fahitan'Andriamanitra azy ireo. Atolory Azy ny tànanao mba hanao izay Asehony hataonao. Atolory Azy

ny tongotrao mba handeha amin'izay tiany halehanao. **Fa Izy no ivelomantsika sy ihetsehantsika ary iainantsika;… 'Fa terany koa isika'** (Asan'ny Apostoly 17:28).

## Tsy Tahaka Izao Tontolo Izao

Tsy ho tahaka izao tontolo izao intsony isika. Tsy mamela izao tontolo izao hangeja antsika ao anatin'ny vatany isika – ny fomba fiheverany sy fiteniny ary fiasany. **Aza tia izao tontolo izao, na izay zavatra eo amin'izao tontolo izao. Raha misy olona tia izao tontolo izao dia tsy ao anatiny ny fitiavana ny Ray. Fa ny zavatra rehetra eo amin'izao tontolo izao, dia ny filan'ny nofo sy ny filan'ny maso ary ny rehaka momba izao fiainana izao, dia tsy avy amin'ny Ray, fa avy amin'izao tontolo izao ihany. Ary mandalo izao fiainana izao sy ny filany; fa izay manao ny sitrapon'Andriamanitra no maharitra mandrakizay** (1 Jaona 2:15-17). **Tsy fantatrareo va fa fandrafiana an'Andriamanitra ny fisakaizana amin'izao tontolo izao? Koa na iza na iza te-ho sakaizan'izao tontolo izao, dia fahavalon'Andriamanitra izy** (Jakoba 4:4b). Tsy midika anefa izany fa tsy tokony ho sakaizan'ireo mpanota ianao. Jesosy Tenany aza mba sakaizan'ny mpanota (Lioka 19:1-7). Nefa tsy tokony *hitovy* amin'izy ireo ianao.

## Novaina

Ho solon'ny fitoviana amin'izao tontolo izao, dia tsy maintsy ovain'Andriamanitra isika (ara-bakiteny, *miova endrika*) - voaova tanteraka ho olona hafa. Io teny io dia midika hoe "miova endrika."

Ny fanday miendrika kankana, izay mandadyihany, dia mova endrika ho tonga lolo – endrika vaovao tanteraka – tsara tarehy ary afaka manidina any amin'ny tontolo vaovao miaraka amin'ireo elatra vaovao. Sarin'ireo Kristiana nateraka indray izany, izay mamela ny momba ny tena sy mandao ny tontolony taloha! Mitafy an'i Jesosy Tompo ny Kristiana vaovao ary manomboka miaina ao amin'ny fanjakan'ny Fanahy.

**Fa aoka hofenoina** [hatrany] **ny Fanahy, ka mifampilazà amin'ny salamo sy ny fihirana ary ny tonon-kiram-panahy, dia mihira sy mikalo ao am-ponareo ho an'ny Tompo, misaotra an'Andriamanitra Ray mandrakariva noho ny zavatra rehetra, amin'ny anaran'i Jesosy Kristy Tompontsika, sady mifanaiky amin'ny fahatahorana an'i Kristy** (Efesiana 5:18b-21).

## Havaozy ny Sainao

Voaova isika amin'ny alalan'ny fanavaozana hatrany ny saintsika, noho izay eritreretintsika momba ny alahelo amin'ny fomba fitenintsika sy fiasantsika. **Fa tahaka ny heviny ao am-pony ihany no toetrany** (Ohabolana 23:7a) **Fa mba hohavaozina kosa hianareo amin'ny fanahin'ny sainareo** (Efesiana 4:23). **Saino ny zavatra any ambony, fa tsy ny zavatra etỳ an-tany. Fa efa maty hianareo, ary ny fiainanareo miara-miafina amin'i Kristy ao amin'Andriamanitra** (Kolosiana 3:2, 3).

Efa nomena teny fikasana sarobidy maro isika ao amin'ny Soratra Masina, **Mba ho tonga mpiray amin'ny fomban'Andriamanitra amin'izany hianareo** (2 Petera 1:4b). Afaka misaintsaina ny Tenin' Andriamanitra sy ny Fitiavany lehibe ho antsika isika, **Mamabo ny hevitra rehetra hanaiky an'i Kristy** (2 Korintiana 10:5b).

Ataovy ao an-tsainao mandrakariva Jesosy. Fantaro Izy amin'ny alalan'ny Baiboly. **Efa nomen'ny herin'Andriamanitra ho antsika ny zavatra rehetra momba ny fiainana sy ny toe-panahy araka an'Andriamanitra amin'ny fahalalana Ilay niantso antsika** (2 Petera 1:3a). Rehefa mitombo ao amin'ny fahalalana an'i Jesosy isika, dia manaisotra ny fitondran-tenantsika taloha ka mitafy olona vaovao, **Izay havaozina ho amin'ny fahalalana tsara araka ny endrik'Izay nahary azy** (Kolosiana 3:10b).

Miresaha amin'Andriamanitra ao am-ponao ary manaova feo mafy mandritra ny andro. **Ny saina tsy miovaova dia harovanao amin'ny fiadanana tanteraka, satria matoky Anao izy** (Isaia 26:3). **Mivavaha, ka aza mitsahatra** (1 Tesaloniana 5:17). **Farany, ry rahalahy, na inona na inona marina, na inona na inona manan-kaja, na inona na inona mahitsy, na inona na inona madio, na inona na inona mahate-ho-tia, na inona na inona tsara laza, raha misy hatsaram-panahy, ary raha misy dera, dia hevero izany** (Filipiana 4:8).

Rehefa manavao ny saintsika isika ary ovain'ny Fanahy Masina ho amin'ny endrik'i Jesosy, dia manomboka mahazo isika - amin'ny alalan'ny traikefa - fa mahafinaritra sy tanteraka sy sitrapon'Andriamanitra.

# LESONA 24. NY KRISTIANA TSIRAIRAY DIA AMPAHANY AMIN'NY TENAN'I KRISTY

**Romana 12:3-21**

3 Fa noho ny fahasoavana nome-
na ahy dia izao no lazaiko amin'ny
olona rehetra izay eo aminareo:
Aza miavonavon-kevitra ka mi-
hevitra mihoatra noho izay tokony
hoheverina; fa mihevera izay onony
araka ny ohatry ny finoana izay
nozarain'Andriamanitra ho anareo
avy. 4 Fa toy ny ananantsika zavatra
maro momba ny tena iray, nefa tsy
mitovy asa izay rehetra momba ny
tena, 5 dia toy izany koa isika, na
dia maro aza, dia tena iray ihany ao
amin'i Kristy, ary samy miara-mom-
ba ny tena isika rehetra. 6 Ary satria
samy manana fanomezam-paha-
soavana samy hafa isika, araka ny
fahasoavana izay nomena antsika:
raha faminaniana, dia aoka hatao
araka ny ohatry ny finoana; 7 raha
fanompoana amin'ny fiangonana,
dia aoka ho amin'ny fanompoa-
na; raha mampianatra, dia aoka
ho amin'ny fampianarana; 8 raha
mananatra, dia aoka ho amin'ny
fananarana; izay manome, dia aoka
ho amin'ny fahatsoram-po; izay
manapaka, dia aoka ho amin'ny
fahazotoana; izay mamindra fo, dia
aoka ho amin'ny fifaliana.

9 Aoka ny fitiavana ho amin'ny
tsi-fihatsarambelatsihy; mankahalà
ny ratsy; mifikira amin'ny tsara.
10 Mifankatiava araka ny fifankatia-
van'ny mpirahalahy; mitariha làlana
amin'ny fifanomezam-boninahitra.
11 Mazotoa, fa aza malaina, ary aoka
hafana fo amin'ny fanompoana ny
Tompo. 12 Mifalia amin'ny fanante-
nana; miareta amin'ny fahoriana;
mahareta amin'ny fivavahana.
13 Miantrà ny olona masina araka
izay ilainy; mazotoa mampiantrano
vahiny. 14 Misaora izay manenjika
anareo; misaora, fa aza manozona.
15 Miaraha mifaly amin'izay mifaly,
ary miaraha mitomany amin'izay
mitomany. 16 Miraisa saina. Aza
mihevitra izay hiavonavonana, fa
aoka mba ho zatra amin'ny fietrena
hianareo. Aza manao ny tenanareo
ho hendry. 17 Aza mamaly ratsy na
amin'iza na amin'iza. Miomàna
hanao izay mahamendrika eo ima-
son'ny olona rehetra. 18 Raha azo
atao, dia ataovy izay hihavananana-
reo amin'ny olona rehetra. 19 Ry
malala, aza mamaly ratsy, fa omeo
làlana ny fahatezerana; fa voaso-
ratra hoe: "Ahy ny famaliana; Iza-
ho no hamaly, hoy Jehovah." 20 Fa
raha noana ny fahavalonao, omeo
hanina izy; raha mangetaheta izy,
omeo hosotroiny; fa raha manao
izany hianao, dia hanambatra
vainafo ho eo an-dohany. 21 Aza
mety ho resin'ny ratsy hianao, fa
reseo amin'ny soa ny ratsy.

## Rantsam-Batan'ny Tena Iray Isika

Romana 12:3-21 dia mamaritra ny fiainan'ny Kristiana izay nanolotra ny tenany ho an'Andriamanitra ary mamela ny Fanahy Masina hiasa malalaka ao anatiny. Manana toetra manetry tena izy ary mitandrina fatratra ny fiankinany amin'Andriamanitra. Fantany ny toerana misy azy ao amin'ny tenan'i Kristy. Mampiasa ireo fanomezam-pahasoavana nomen'Andriamanitra azy izy. Miaina amin'ny fitiavana manoloana ireo mpino namany izy eny fa na ireo fahavalony koa aza.

**Fa tahaka ny tena iray ihany, anefa maro no momba ny tena, ary ireo rehetra momba ny tena ireo, na dia maro aza, dia tena iray ihany, dia tahaka izany koa Kristy** (1 Korintiana 12:12). Toy ny ananan'ny ampahany tsirairay amin'ny tenantsika fandraisana lehibe iankinan'ny aina amin'ny ati-dohantsika, no tokony ananan'ny mpino tsirairay ao anatin'ny tenan'i Kristy firaisana lehibe amin'ny Loha, dia Jesosy. **Izy no itomboan'ny tena rehetra, izay velomina sy ampiraisina tsara amin'ny famavany sy ny ozatra, araka ny fampitomboan'Andriamanitra** (Kolosiana 2:19b). Hiara-hiasa ao anatin'ny fifanarahana tokoa ireo mpino izay velomin'i Jesosy. **Ary aoka hanapaka ao am-ponareo ny fiadanan'i Kristy, fa ho amin'izany no niantsoana anareo ho tena iray; ary aoka ho feno fisaorana hianareo.… Mba hampifalina ny fony amin'ny ampiraisana azy amin'ny fitiavana** (Kolosiana 3:15, 2:2a).

## Ny Fanomezam-pahasoavana dia Nomena ho Fanompoana ny Tenan'i Kristy

Tahaka ny namoronan'Andriamanitra ny ampahany rehetra amin'ny tenantsika mba hiasa miaraka tsara, no ananan'ny olona tsirairay ao amin'ny i Kristy asa tokana ao amin'ny tenan'i Kristy. **Raha maso avokoa ny tena rehetra, aiza ary izay fandrenesana? Raha fandrenesana avokoa, aiza ary izay fanamboloana? Fa Andriamanitra efa nametraka izay rehetra momba ny tena, samy ho eo amin'ny tena araka ny sitrapony. Ary ny maso tsy mahazo manao amin'ny tànana hoe: Tsy mila anao aho** (1 Korintiana 12:17, 18, 21a).

**Zarazaraina ho samy hafa ny fanomezam-pahasoavana, nefa ny Fanahy dia iray ihany. Ary zarazaraina ho samy hafa ny fanompoana, nefa ny Tompo dia iray ihany. Ary zarazaraina ho samy hafa ny asa, nefa Andriamanitra dia iray ihany, Izay miasa ny zavatra rehetra amin'ny olona rehetra. Ary izy rehetra dia samy**

**nomena ny fampisehoana ny Fanahy hahasoa** (1 Korintiana 12:4-7).

Raha ao amin'i Kristy ianao, dia efa nomena ny fanomezam-pahasoavana mba hampiasaina. **Aza tsy mitandrina ny fanomezam-pahasoavana izay ao anatinao** (1Timoty 4:14a). Ny fanomezam-pahasoavana dia nomena mba hanorina ny tenan'i Kristy, fa tsy hampizarana izany. **Samia mifanompo araka ny fanomezam-pahasoavana izay noraisinareo, dia tahaka ny mpitandrina tsara ny fahasoavana maro samy hafa izay an'Andriamanitra.… Raha misy olona manompo, dia aoka izy hanao izany araka ny hery izay omen'Andriamanitra azy; mba hankalazana an'Andriamanitra amin'ny zavatra rehetra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy; fa Azy ny voninahitra sy ny fanjakana mandrakizay mandrakizay. Amena** (1 Petera 4:10, 11b).

## Ny fanomezam-pahasoavana dia Natao Hampiasaina amin'ny Fanehoana ny Fitiavana

Mahafinaritra ny fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra, nefa tsy maintsy ampiasaina amin'ny fitiavana izy ireo. **Ary na dia manana faminaniana aza aho ka mahalala ny zava-miafina rehetra sady manana ny fahalalana rehetra, ary na dia manana ny finoana rehetra aza aho ka mahafindra tendrombohitra, kanefa tsy manana fitiavana, dia tsinontsinona aho** (1 Korintiana 13:2).

Nilaza i Jesosy ao amin'ny Matio 22:37-40 fa ny Lalàna rehetra sy ny Mpaminany dia nijanona tamin'ny didy roa ihany: **"Tiava an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra ary ny sainao rehetra"** ary **"Tiava ny namanao tahaka ny tenanao."** Tsy haintsika ny mankatò ireo didy ireo amin'ny alalan'ny tenantsika manokana, fa rehefa ny Fanahy Masina izay omena antsika no mampidina ny fitiavan'Andriamanitra ao am-pontsika, (Romana 5:5), dia afaka manatanteraka izay tsy haintsika atao ny Fanahy Izay ao anatintsika. **Mba hahatanteraka ny fahamarinana ilain'ny lalàna amintsika, izay tsy mandeha araka ny nofo, fa araka ny Fanahy** (Romana 8:4). **Fa izay tia ny namany dia efa nahatanteraka ny lalàna. Ny fitiavana tsy manisy ratsy ny namana; koa dia ny fitiavana no fahatanterahana ny lalàna.** (Romana 13:8b, 10).

# LESONA 25. NY FIFANDRAISAN’NY KRISTIANA AMIN’NY FANJAKANA

**Romana 13:1-7**

**1 Aoka ny olona rehetra samy
hanaiky ny fahefana lehibe. Fa
tsy misy fahefana afa-tsy izay avy
amin’Andriamanitra; fa izay misy
dia voatendrin’Andriamanitra. 2 Koa
izay manohitra ny fahefana dia
manohitra ny voatendrin’Andria-
manitra; ary izay manohitra dia ha-
hazo fahamelohana. 3 Fa ny mpana-
paka dia tsy mba tahotry ny manao
tsara, fa ny manao ratsy ihany. Ary
ny tsy hatahotra ny fahefana va no
tianao? Ataovy ary izay tsara, dia
hahazo dera avy aminy hianao; 4 fa
mpanompon’Andriamanitra izy ha-
hatsara anao. Fa raha ratsy kosa
no nataonao, dia matahora, fa tsy
entiny foana tsy akory ny sabatra;
fa mpanompon’Andriamanitra izy,
dia mpamaly handatsaka faha-
tezerana amin’izay manao ratsy.
5 Koa tsy maintsy manaiky ny olo-
na, nefa tsy noho ny fahatezerana
ihany, fa noho ny fieritreretana koa.
6 Fa noho izany no andoavanareo
vola hetra; fa mpanompon’Andria-
manitra mitandrina izany zavatra
izany indrindra ireny. 7 Mandoava
amin’izy rehetra izay tokony ho azy
avy: vola hetra ho an’izay tokony
handoavan-ketra, fadin-tseranana
ho an’izay tokony handoavana
fadin-tseranana, tahotra ho an’izay
tokony hatahorana, haja ho an’izay
tokony hohajaina.**

## Zavatra Hatao

1. Inona no ohatra ampiasain’i Paoly amin’ny fahefana? “Aoka ny olona rehetra samy hanaiky ny fahefana ________” (andininy 1).

2. Iza no manendry ireo fahefana izay misy? “____________” (1).

3. Inona no fikasan’Andriamanitra ho an’ny mpanapaka? “Tsy mba _________ ny manao tsara, fa ny manao _______ ihany” (3). “Fa tsy entiny foana tsy akory ny ____________; fa ny mpanompoan’Andriamanitra izy, dia ____________ handatsaka _______________ amin’izay manao ratsy” (4).

[Ny fanjakana dia tokony “hitondra ny sabatra” amin’ny famaliana ny ratsy ihany.]

4. Nahoana isika no tsy maintsy manaiky ny mpanapaka? “Tsy noho ny fahatezerena [sazy mendrika ny fanaovana ratsy] ihany, fa noho ny ___________ koa” (5).

[**Mikely aina koa aho mba hanana fieritreretana tsy manameloka ahy na amin'Andriamanitra na amin'olombelona mandrakariva** (Asan'ny Apostoly 24:16b).]

## Manome Fahefana Andriamanitra

Andriamanitra Tenany mihitsy no manome fahefana ho an'izay voafidiny. Nebokadnezara dia mpanjaka lehibe, nahetrin'Andriamanitra tamin'ny fireharehany ambara-pahafantarany **Fa ny Avo Indrindra no manapaka amin'ny fanjakan'ny olona ka manome izany ho an'izay tiany** (Daniela 4:29b). Rehefa natolotra teo an-tànan'i Pilato Jesosy mba homboana amin'ny hazo fijaliana, **Jesosy namaly azy hoe: Hianao tsy manana fahefana amiko akory, raha tsy nomena anao avy any ambony** (Jaona 19:11a). Andriamanitra no lehibe ambonin'ny fahefana rehetra. **Rano velona eo an-tànan'i Jehovah ny fon'ny mpanjaka, ka tarihiny amin'izay tiany** (Ohabolana 21:1).

## Fanoherana Fahefana dia Mitovy amin'ny Fanoherana an'Andriamanitra

Iray amin'ireo vokatra azo amin'ny firaisantsika amin'i Jesosy Kristy ny fankatoavana ny fahefana. Nahoana? Satria ny fiodinana manohitra ny fahefana, izay efa napetrak'Andriamanitra, dia mitovy amin'ny fiodinana manohitra an'Andriamanitra. Izany dia mitovy amin'ny fanompoana andriamanitra hafa na Satana, izay miodina tanteraka manohitra an'Andriamanitra. **Fa ny miodina dia toy ny heloka amin'ny fankatovana, ary ny ditra dia toy ny manompo sampy sy terafima** (1 Samoela 15:23a).

Ny toe-tsaintsika dia ny mba ho mpankatò tahaka ny Tompo Tenany. **Fa tahaka ny aneken'ny fiangonana an'i Kristy no haneken'ny vavy ny lahy koa amin'ny zavatra rehetra** (Efesiana 5:24). **Anaka, maneke ny ray sy ny reninareo ao amin'ny Tompo, fa marina izany** (Efesiana 6:1). **Hianareo mpanompo, maneke ny tomponareo araka ny nofo amin'ny fahatahorana sy ny fangovitana, amin'ny fahatsoran'ny fonareo, toy ny fanekena an'i Kristy ihany** (Efesiana 6:5).

## Ireo eo amin'ny Fahefana dia Manana Adidy amin'Andriamanitra

Ireo rehetra eo amin'ny fahefana dia tompon'andraikitra eo anatrehan'Andriamanitra ny amin'ny fomba ampiasan'izy ireo ny tombon-

tsoa nomen'Andriamanitra azy. **Misy andro anapahan'ny olona ny namany ka ampidirany loza aminy** (Mpitoriteny 8:9b). Hotsarain' Andriamanitra ny asan'izy ireny.

Andriamanitra dia manome fampianarana ho an'ireo ray, lehilahy, ary mpampiasa. **Ary hianareo ray, aza mampahatezitra ny zanakareo, fa tezao amin'ny famaizana sy ny fananaran'ny Tompo izy** (Efesiana 6:4). **Hianareo lehilahy, tiava ny vadinareo, dia tahaka ny nitiavan'i Kristy ny fiangonana ka nanolorany ny tenany hamonjy azy** (Efesiana 5:25). **Ary hianareo tompo, manaova toy izany aminy kosa, ka atsaharo ny fandrahonana, satria fantatrareo fa ny Tompony sady Tomponareo koa dia any an-danitra** (Efesiana 6:9a).

## Tsy Maintsy Mankatò Mandrakariva ireo eo amin'nyFahefana ve Isika?

Misy ireo fotoana izay anirahan'ny olona, iray eo amin'ny fahefana, anao mba hanao zavatra izay mifanohitra amin'ny fampianaran'ny fahefana avo kokoa. Raha misy ray aman-dreny na lehilahy na mpampiasa maniraka anao hanao zavatra mifanohitra amin'ny lalàn'ny fanjakana na ny lalàn'Andriamanitra, dia tsy maintsy mankatò ilay fahefana ambony kokoa ianao. Raha toa ny fanjakana ka mandrara ireo ray aman-dreny tsy hilaza amin'ny zanak'izy ireo momba an'Andriamanitra, dia tsy maintsy mankatò an'Andriamanitra am-panetren-tena ireo ray aman-dreny, izay miteny hoe; **Ary aoka ho ao am-ponao izao teny andidiako anao anio izao. Dia ampianaro tsara ny zanakao izany, ary resaho, na mipetraka ao an-tranonao hianao, na mandeha any an-dàlana, na mandry, na mifoha** (Deoteronomia 6:6-7). Nefa tsy maintsy manaja ny fanjakana izy ireo ary mankatò ny lalàna izay tsy mifanohitra amin'ny didin'Andriamanitra. Nanoratra i Petera; **Fa raha tàhiny mitondra fahoriana noho ny fahamarinana hianareo, dia sambatra; ary aza matahotra tahaka azy, ary aza mangorohoro hianareo. Fa raha sitrapon'Andriamanitra, dia tsaratsara kokoa ny hitondra fahoriana amin'ny fanaovan-tsoa noho ny amin'ny fanaovan-dratsy** (1 Petera 3:14, 17).

Ny Baiboly dia mitantara momba an'i Daniela; izay tsy nankatò lalàna iray dia ny tsy ivavahana mandritra ny 30 andro amin'andriamanitra afa-tsy ny mpanjaka. Raha natsipy tao an-davaky ny liona Daniela, dia niaro azy Andriamanitra, **Satria fahamarinana no hitany**

**tamiko; ary teo anatrehanao koa, ry mpanjaka ô, tsy nanao ratsy aho** (Daniela 6:23b). Na dia tsy afaka nankatò ny lalàn'ny mpanjaka aza i Daniela, dia naneho toe-tsaina tsara tamin'ny mpanjaka izy, ary tsy nanao ratsy teo imason'Andriamanitra.

Natao tao an-trano-maizina ireo mpianatr'i Jesosy ary nodidian'ny mpanapaka izy ireo mba hitsahatra amin'ny fampianarana ny anaran'i Jesosy. **Fa Petera sy ny Apostoly namaly ka nanao hoe: Andriamanitra no tokony hekena mihoatra noho ny olona** (Asan'ny Apostoly 5:29). Nanohy nampianatra izy ireo, satria Jesosy dia efa nilaza fa, **Efa nomena Ahy ny *fahefana rehetra* any an-danitra sy etỳ an-tany; koa mandehana hianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina sady mampianatra azy hitandrina izay rehetra nandidikao anareo; ary, indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao** (Matio 28:18b-20). Rehefa mankatò ny tenin'Andriamanitra isika, dia fantatsika fa Jesosy, Izay manana ny fahefana REHETRA, dia homba antsika.

Apokalypsy 13:15b dia miresaka momba ny olona iray izay **hampamono izay rehetra tsy mety miankohoka eo anoloan'ny sarin'ny bibi-dia.** Tsy maintsy tadidiantsika ilay didin'Andriamanitra hoe, **Aza manana andriamani-kafa, fa Izaho ihany** (Eksodosy 20:3). Tadidio ny tenin'i Jesosy hoe, **Aza matahotra izay mamono ny tena, nefa nony afaka izany, dia tsy mahay manao mihoatra noho izany** (Lioka 12:4b).

## Inona no Aloantsika amin'ny Fahefana Fanapahana

Hetra, fadintseranana, ary ny fanajana marina dia natao ho an'ireo fahefana. Manompo an'Andriamanitra izy ireo (na dia tsy mahalala tsara izay marina) amin'ny alalan'ny fanatanterahana ny Fikasany. Jesosy Tenany dia nandoa hetra (Matio 17:24-27). Rehefa nanontaniana Jesosy raha mety ny mandoa hetra ho an'i Kaisara, amperora Romana iray, dia hoy Izy, **Aloavy ho an'i Kaisara ary izay an'i Kaisara, ary ho an'Andriamanitra izay an'Andriamanitra** (Lioka 20:25b). Misy zavatra an'Andriamanitra irery – ny fiankohofana. Ny mpino dia tsy an'izao tontolo izao. **Fa ny fanjakantsika dia any an-danitra, ary avy any koa no iandrasantsika Mpamonjy, dia Jesosy Kristy Tompo** (Filipiana 3:20).

# LESONA 26. NY FIFANDRAISAN'NY KRISTIANA AMIN'IZAO TONTOLO IZAO

**Romana 13:8-14**

**[8]Aza avela hisy tsy voaloa na
amin'iza na amin'iza, afa-tsy ny
fifankatiavanareo ihany; fa izay
tia ny namany dia efa nahatante-
raka ny lalàna. [9]Fa ny hoe: "Aza
mijangajanga, aza mamono olona,
aza mangalatra, aza mitsiriritra za-
vatr'olona," mbamin'izay didy hafa
rehetra, dia samy efa ao anatin'izao
teny izao hoe: "Tiava ny namanao
tahaka ny tenanao." [10]Ny fitiavana
tsy manisy ratsy ny namana; koa
dia ny fitiavana no fahatanterahana
ny lalàna.**

**[11]Ary tokony hanao izany indrin-
dra isika, satria fantatsika ny andro,
fa ankehitriny izao dia ora tokony
hifohazanareo amin'ny fahatoriana;
fa ankehitriny ny famonjena antsika
dia akaiky noho ny tamin'ny an-
dro vao ninoantsika. [12]Efa ho lasa
ny alina, ka efa mby akaiky kokoa
ny andro, koa aoka hariantsika ny
asan'ny maizina ka hitafiantsika
ny fiadian'ny mazava. [13]Aoka isika
hitondra tena tsara toy ny amin'ny
andro; tsy amin'ny filalaovan-dra-
tsy, na amin'ny fahamamoana, tsy
amin'ny fijangajangana, na amin'ny
fijejojejoana, tsy amin'ny fifandira-
na, na amin'ny fialonana. [14]Fa itafio
Jesosy Kristy Tompo, ary aza mia-
hy ny amin'ny nofo hahatanteraka
ny filany.**

## Zavatra Hatao

1. Manomeza didy dimy izay nosoratan'i Paoly (andininy 9):

a. "Aza _______________."

b. "Aza _________ ________."

c. "Aza ______________."

d. "Aza mety ho __________________ ________________."

e. "Aza ____________"

2. Inona no didy iray mamehy ireo didy dimy ireo? "_______ ny ___________ tahaka ny tenanao" (andininy 9).

3. Inona no teny iray mahatanteraka ny lalàna? "___________" (10)

## Ny Trosa Tokana Tokony Aloantsika

Taorian'ny nilazan'i Paoly tamin'ny Kristiana ny tokony handoavan'izy ireo hetra sy fadintseranana ho an'ny fanjakana, dia nilaza izy

fa ny Kristiana dia tsy tokony handoa na inona na inona amin'ny olona afa-tsy ho an'ny trosan'izy ireo mba hitia ny hafa. Hoy Jesosy, **Didy vaovao no omeko anareo, dia ny mba hifankatiavanareo; eny, aoka ho tahaka ny nitiavako anareo no mba hifankatiavanareo kosa** (Jaona 13:34). Naneho ny Fitiavany tamin'ny fahalehibeazana tokoa Andriamanitra tamin'ny Nanirahany an'i Jesosy ho faty hisolo antsika. Fitiavana toy inona no efa noraisintsika! Fitiavana lehibe toa inona no ho tondraka amin'ny hafa raha mamela an'Andriamanitra, izay Fitiavana, hiaina marina ao anatintsika isika!

**Ry malala, raha izany no nitiavan'Andriamanitra antsika, dia mba tokony hifankatia kosa isika.… Raha mifankatia isika, dia mitoetra ato amintsika Andriamanitra, ary tanteraka ato amintsika ny fitiavany. Izao no ahafantarantsika fa mitoetra ao aminy isika, ary Izy ato amintsika, dia ny nanomezany antsika ny Fanahiny** (1 Jaona 4:11-13).

## Mitafy ny Fiadian'ny Fahazavana

Hoavy indray Jesosy! Fotoana fifohazana izao, ario avokoa ireo asa izay vita fony isika mbola niaina tao anaty aizina, ary tafio ny "fiadian'ny fahazavana." Ny fiadiana dia fiarovana. Ny fahazavana dia fiarovana amin'ny aizina. Hoy Jesosy, **Izaho no fahazavan'izao tontolo izao; izay manaraka Ahy tsy mba handeha amin'ny maizina, fa hanana ny fahazavan'aina** (Jaona 8:12b). **Izaho tonga amin'izao tontolo izao ho fahazavana, mba tsy hitoetra ao amin'ny maizina izay rehetra mino Ahy** (Jaona 12:46). **Ary izao no fanamelohana, fa tonga amin'izao tontolo izao ny mazava, nefa aleon'ny olona ny maizina toy izay ny mazava, satria ratsy ny asany** (Jaona 3:19). Ireo izay te-handeha ao amin'ny mazava dia hanatona an'i Jesosy.

Hoy koa Jesosy, **Hianareo no fahazavan'izao tontolo izao** (Matio 5:14a). Rehefa mitoetra ao anatintsika Izy, ilay fahazavan'izao tontolo izao, dia ho fahazavan'izao tontolo izao koa isika! Ny "mitafy ny fiadian'ny fahazavana" dia zavatra mitovy amin'ny "mitafy an'i Jesosy Kristy Tompo," izay Fahazavana. Raha mitoetra ao anatintsika Jesosy, dia ao anatintsika ny fahazavana. **Raha hoy isika: Manana firaisana aminy isika, kanefa mandeha amin'ny maizina, dia mandainga isika ka tsy manao ny marina** (1 Jaona 1:6).

Rehefa mandeha eo amin'ny mazava isika, dia maniry an'i Jesosy

mba hanondro izay zavatra rehetra eo amin'ny fiainantsika ka tokony ekena ho fahotana ary mamela Azy hanadio antsika, mba hahafahantsika manohy amin'ny fandehanana miaraka Aminy eo amin'ny mazava. **Fa raha mandeha eo amin'ny mazava isika, tahaka Azy eo amin'ny mazava, dia manana firaisana isika, ary ny ran'i Jesosy Zanany no manadio antsika ho afaka amin'ny ota rehetra** (1 Jaona 1:7). Fomba fiaina malalaka, sy mahafinaritra izany!

**Fa na iza na iza hianareo no natao batisa ho an'i Kristy dia nitafy an'i Kristy** (Galatiana 3:27). Isa-maraina, rehefa mifoha ianao, dia miakanjo ho an'iny andro iny. Fotoana tsara izao mba hitadiavana izay ara-panahy, koa, nesorinao ny "akanjo fitondranao matory" – ireo zavatra nataonao fony ianao niaina tao anaty aizina ary niaina tamin'ny tenanao manokana, - ary dia mitafy ny akanjo ho an'ny fiainana amin'ny andro – fahazavana. **Fa satria an'ny andro isika, dia aoka hahonon-tena ka hitafy ny finoana sy ny fitiavana ho fiarovan-tratra** (1 Tesaloniana 5:8a). **Ary aoka ho ambonin'izany rehetra izany ny fitiavana** (Kolosiana 3:14a). Rehefa mitafy an'i Jesosy ihany ianao vao afaka manohana ny hafa sy mitia azy ireo ary dia mahatanteraka ny lalàn'Andriamanitra – ny lalàn'ny fitiavana. Mahafinaritra izany mitafy an'i Jesosy Tenany izany amin'ny andro rehetra! **Ary ankehitriny, anaka, tomoera ao aminy, mba hananantsika fahasahiana, raha hiseho Izy, ka tsy ho menatra eo anatrehany amin'ny fihaviany** (1 Jaona 2:28).

## Aza Manao Famatsiana Ho an'ny Nofo

Ireo izay mitafy an'i Kristy dia mahalala fa ny hery ho fandresena ny nofo dia tsy ao anatin'izy ireo, fa kosa izy ireo dia manana firaisana amin'i Kristy izay nohomboana sy nitsangana tamin'ny maty. Tsy misy toerana ho an'ny fanomanana ireo fomba hanomezana fahafaham-pon'ireo filàn-dratsy izay an'ny tenanao taloha. **Fa izay an'i Kristy Jesosy dia efa nanombo ny nofony mbamin'ny faniriany sy ny filàny tamin'ny hazo fijaliana** (Galatiana 5:24). **Tsy hampitoetra zava-dratsy eo anoloan'ny masoko aho** (Salamo 101:3a). **Ry malala, mananatra anareo aho, satria vahiny sy mpivahiny hianareo, fadio ny filan'ny nofo, fa miady amin'ny fanahy ireny** (1 Petera 2:11).

## LESONA 27. REHEFA TSY MIRAY HEVITRA NY KRISTIANA

### Romana 14:1-23

[1]Ary raiso ny malemy finoana,
nefa aza mandray azy hitsarana-
reo ny eritreriny. [2]Ny anankiray
mino fa mahazo mihinana ny za-
vatra rehetra izy, fa ny anankiray
kosa malemy finoana, ka dia mi-
hinana zava-maniry ihany. [3]Aoka
ny mihinana tsy hanamavo ny tsy
mihinana; ary aoka kosa ny tsy
mihinana tsy hitsara ny mihinana;
fa Andriamanitra no efa nandray
azy. [4]Iza moa hianao izay mitsara
ny mpanompon'ny hafa? Amin'ny
tompony ihany no ijoroany na aha-
lavoany. Nefa hampitoerina ihany
izy; fa mahay mampitoetra azy ny
Tompo. [5]Ny anankiray manao ny
andro anankiray ho mihoatra noho
ny andro sasany; ary ny anankiray
kosa manao ny andro rehetra hi-
tovy. Aoka samy hatoky tsara ao
amin'ny sainy avy izy. [6]Ny mitan-
drina ny andro dia mitandrina izany
ho an'ny Tompo. Ary ny mihinana
dia mihinana ho an'ny Tompo, sa-
tria misaotra an'Andriamanitra izy;
ary ny tsy mihinana kosa dia tsy
mihinana ho an'ny Tompo, sady
misaotra an'Andriamanitra koa izy.
[7]Fa tsy misy velon-ko an'ny tenany
isika, ary tsy misy maty ho an'ny
tenany. [8]Fa raha velona isika, dia
velona ho an'ny Tompo; ary raha
maty isika, dia maty ho an'ny Tom-
po; koa amin'izany, na velona na
maty isika, dia an'ny Tompo ihany.
[9]Fa izany no nahafatesan'i Kristy
sy nahavelomany indray, mba ho
Tompon'ny maty sy ny velona Izy.
[10]Fa nahoana hianao no mitsara ny
rahalahinao? Ary nahoana kosa
hianao no manao tsinontsinona
ny rahalahinao? Fa samy hiseho
eo anoloan'ny fitsaran'Andriama-
nitra isika rehetra. [11]Fa voasoratra
hoe: "Raha velona koa Aho, hoy
Jehovah, ny lohalika rehetra han-
dohalika amiko, Ary ny lela rehetra
hidera an'Andriamanitra." [12]Koa
samy hampamoahin'Andriamanitra
ny amin'ny tenany avy isika rehe-
tra. [13]Koa aza mifampitsara intsony
isika; fa aleo mihevitra izao, dia ny
tsy hanisy fandavoana na fanafinto-
hinana eo anoloan'ny rahalahy.

[14]Mahalala sady matoky ao amin'i
Jesosy Tompo aho fa tsy misy za-
vatra maloto ho azy; fa raha misy
manao zavatra ho maloto, dia ami-
ny ihany no maloto izany. [15]Fa raha
mampalahelo ny rahalahinao ny
fihinanao, dia tsy mba manaraka
ny fitiavana intsony hianao. Aza ny
fihinanao no animbanao azy, fa efa
maty Kristy hamonjy azy. [16]Aoka
ary tsy mba hotenenina ratsy ny fa-
hasoavana azonareo. [17]Fa ny fanja-
kan'Andriamanitra dia tsy amin'ny
fihinanana sy ny fisotroana, fa faha-

**marinana sy fiadanana ary fifaliana ao amin'ny Fanahy Masina.**
**[18]Fa izay manompo an'i Kristy amin'izany zavatra izany no sitrak'Andriamanitra sy eken'ny olona fa tsara.**
**[19]Koa dia aoka isika hiezaka hitady ny momba ny fiadanana sy ny momba ny fifampandrosoana.**
**[20]Aza izay hanina no andravanao ny asan'Andriamanitra. Madio avokoa ny zavatra rehetra, nefa ratsy ho an'ny olona izay mihinana amin'ny fahatafintohinana.**
**[21]Fa tsara ny tsy mihinana hena, na misotro divay, na manao izay hahatafintohina ny rahalahinao.**
**[22]Ny finoana izay ananana nao dia hazòny ho anao eo anatrehan'Andriamanitra. Sambatra izay tsy manameloka ny tenany amin' izay zavatra ekeny.**
**[23]Fa izay miahanahana dia meloka raha homana, satria tsy avy amin'ny finoana izany; fa ota izay rehetra tsy avy amin'ny finoana.**

## Zavatra Hatao

A. Inona no marina momba ny Kristiana rehetra?

1. "Andriamanitra no efa ___________ azy" (andininy 3b).

2. "Amin'ny ___________ ihany no ijoroany na ahalavoany" (4).

3. "Mahay _________________ azy ny Tompo" (4b).

4. Ny tsirairay dia manao izay ataony "ho an'ny ______" (6).

5. Ny tsirairay dia "________ an'Andriamanitra" (6).

6. Na velona izy ireo na maty, dia ho an'ny _____ ihany (8b).

7. Ny tsirairay dia hiseho eo anoloan'ny fitsaran'_____________ (10b) ary "________________'____________________ amin'ny tenany avy" (12b).

B. Nahoana isika no tsy tokony hitsara ny Kristiana hafa?

1. "Tsy misy zavatra ho ___________ ho azy" [amin'ny antony maro dia azo adika amin'ny fomba samihafa izany] (14).

[**Madio avokoa ny zavatra rehetra raha amin'ny olona madio; fa raha amin'ny olona voaloto sady tsy mino kosa dia tsy misy madio na inona na inona. Manaiky fa mahalala an'Andriamanitra izy, nefa mandà Azy amin'ny asany** (Titosy 1:15a, 16a).]

2. "Tsy mba manaraka ny _________ intsony" isika (15).

3. Tsy tokony ___________ olona iray isika fa efa maty Kristy mba hamonjy azy (15).

4. Ny __________ azontsika dia tsy mba hotenenina _____ (16).

5. “Fa ny fanjakan’Andriamanitra dia tsy amin’ny _________ sy ny __________, fa fahamarinana sy ________ ary ________ ao amin’ny Fanahy Masina” (17).

[Ny fidirana amin’ny fanjakan’Andriamanitra dia misy ifandraisana amin’izay ataontsika na tsia. Manana ny zavatra rehetra ifandraisana amin’ny fandraisana ny fahamarinan’Andriamanitra izany toy ny fanomezana maimaimpoana. Raha miaina amin’ny fahamarinan’Andriamanitra isika amin’ny alalan’ny herin’ny Fanahy Masina ao anatintsika, dia fantatsika ny fiadanana sy ny fifaliana. Raha miaina amin’ny fahamarinan’Andriamanitra isika amin’ny alalan’ny herin’ny Fanahy Masina ao anatintsika, dia fantatsika ny fiadanana sy ny fifaliana amin’Andriamanitra.]

6. “Izay manompo an’i Kristy no ______’Andriamanitra sy _____’ny olona fa tsara” (18).

7. “Aoka isika hiezaka hitady ny momba ny ________ sy ny momba ny _____________ [fampiorenana]” (19). “Aza izay hanina no ___________ ny asan’___________” (20).

[Ny Fanahy Masin’Andriamanitra no miasa ao anatin’ny Kristiana tsirairay (Filipiana 2:13), ary tsy tokony hanakana ny Asany isika amin’ny alalan’ny fandravana ny Kristiana.]

8. Tsy tsara ny manao zavatra izay _______________ ny rahalahinao na ____________ [miteraka fahotana manohitra ny fieritreretany ary izany dia manameloka azy] na ____________ (21). “Fa ____ izay rehetra tsy avy amin’ny finoana” (23).

[**Nefa tandremo, fandrao izany fahafahanareo izany ho tonga fahatafintohinana ho an’ny malemy. Fa raha manota toy izany amin’ny rahalahy hianareo ka manimba ny fieritreretan’ny malemy, dia manota amin’i Kristy hianareo** (1 Korintiana 8:9, 12). **Dia aoka isika hanatona amin’ny fo marina sy amin’ny fahatokiana be avy amin’ny finoana, manana fo voadio** [voafafa] **ho afaka amin’ny fieritreretana ratsy** (Hebreo 10:22a).]

## Ny Olana amin’ny Fifandirana

Paoly dia nandairan’ny olana iombonana nisy teo amin’ny Kristiana.

Ny Kristiana sasany tao Korinto dia nifampitaky onitra teo amin'ny fitsarana! **Ary ankehitriny dia kilema aminareo ny anananareo ady amin'ny namanareo. Nahoana no tsy aleo mandefitra ny tsy rariny aza hianareo? Nahoana no tsy aleo maharitra hambakaina aza hianareo?** (1 Korintiana 6:7). **Fa raha mifandramatra sy mifampihinana hianareo, tandremo fandrao mifandringana** (Galatiana 5:15).

Jesosy Tenany no nivavaka ho an'ireo izay mety mino Azy. **Mba ho iray ihany izy rehetra, tahaka Anao Ray ato amiko, ary Izaho koa ao aminao, mba ho ao amintsika koa izy; … mba ho tanteraka ho iray izy, mba ho fantatr'izao tontolo izao fa Hianao efa naniraka Ahy sady efa tia azy tahaka ny nitiavanao Ahy** (Jaona 17:21, 23b). Endrey, fa tokony hanadino ny momba ny tena isika ary miaina mba hahafaly ny Tompo ihany! Nanoratra ny mpano salamo hoe **Endrey, tsara sady mahafinaritra raha ny mpirahalahy no miara-monina. Tahaka ny diloilo tsara amin'ny loha, izay mitsororoka amin'ny somotra, dia ny somotr'i Arona, izay mitsororoka amin'ny moron-tongotr'akanjony** (Salamo 133:1, 2). Làlana iray ihany no ahazoan'ny Kristiana mpirahalahy miray monina. Tsy amin'ny alalan'ny *fiezahana* ho miray izany. Fa amin'ny alalan'ny famelana an'i Kristy Jesosy ho Lohan'ny Fiangonana, ary mamela ny diloilon'ny Fanahiny Masina hitsororoka avy amin'ny Loha ho amin'ny mpikambana rehetra ao amin'ny Tenany. Ny mpino iray izay miray amin'i Kristy dia tsy te-hanimba ny tenan'i Kristy amin'ny fifandrafiana sy fisarahana. **Mitadiava fihavanana, ka araho izany** (Salamo 34:14b).

## Fanazavana ireo Zavatra Mampisalasala

Paoly dia manome fanazavana roa mikasika ny fifandirana misy eo amin'ireo mpino marina: (1). karan-javatra maro fihinana na tsy fihinana ary (2) ireo andro andinihana na ifampitondrana mitovy.

Ny Jiosy Kristiana sasany dia nino fa tokony mbola ho tandremana ireo lalàna momba ny sakafo ao amin'ny Testamenta Taloha. Raha tsy azo nampiasaina ny sakafo sahaza, dia tsy nihinana mihitsy izy ireo. Nahatsapa izy ireo fa tokony hotandremana hatrany ny sabata sy ireo andro firavoravoana. Ny Jentilisa Kristiana dia nino fa tsy tokony ihinana hena izay avy naterina ho an'ny sampy izy ireo. Ny sasany dia nino fa ny andro rehetra dia andro fanompoana ny Tompo ary ny Sabata dia aloky ny fitsaharantsika ao amin'i Kristy (Kolosiana 2:16, 17). Ireo izay natanjaka tamin'ny finoan'izy ireo fa Kristy dia na-

hatanteraka ny lalàna rehetra ao amin'ny Testamenta Taloha, dia nahatsapa fa afaka nampifaly indrindra ny Tompo izy amin'ny alalan'ny fandehanana ao amin'ny Fanahy ary ny fankatoavana ny lalàn'ny fitiavana (izay mahatanteraka ny lalàna) amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy izay mitoetra ao anatin'izy ireo. Ho azy ireo dia "tsy voadio" ny tsy nisy hanina, ary ny andro rehetra dia andro natao "hitsaharana" amin'ny asan'ny rehetra (Hebreo 4:9, 10). Ny rehetra dia efa nandray ny **Mba hahazoany famelankeloka sy lova eo amin'izay nohamasinina noho ny finoana Ahy** (Asan'ny Apostoly 26:18b).

Ny Kristiana marina dia manana faharesen-dahatra samihafa mikasika ny fiainana amin'ny maha-mpino, fa izy rehetra kosa dia samy te-hahafaly ny Tompo sy hanompo Azy.

## Mifandraisa Hianareo

Mahiratra i Paoly: **Koa mifandraisa hianareo tahaka ny nandraisan'i Kristy anareo koa ho voninahitr'Andriamanitra** (Romana 15:7). Ahoana no fomba nandraisan'i Kristy anao? Tamin'ny alalan'ny fahasoavana no namonjena ahy, fa tsy tamin'ny alalan'ireo zavatra nataonao na tsia. Tsy maintsy mandray amin'ny fahalemem-panahy ireo izay mametraka ny fitokisan'izy ireo amin'i Jesosy koa isika.

Hoy Jesosy, raha naniraka ny Mpianany ho any amin'ny renivohitry ny Isiraely, **Ary izay tsy hampandroso anareo, na tsy hihaino ny teninareo, raha miala amin'izany trano na tanàna izany hianareo, dia ahintsano ny vovoka amin'ny tongotrareo. Lazaiko aminareo marina tokoa fa ho moramora kokoa ny ho amin'ny tany Sodoma sy Gomora** [tanàn-dehibe noravana tamin'ny alalan'ny afo avy tany an-danitra] **amin'ny andro fitsarana noho ny ho amin'izany tanàna izany** (Matio 10:14, 15). Izany dia fanitsiana matanjaka natao ho an'ireo izay tsy nandray ny mpiantr'i Jesosy. Ireo izay mahalala marina an'Andriamanitra dia hanaiky sy handray ny Zanany. **Izay mandray anareo dia mandray Ahy; ary izay mandray Ahy dia mandray Izay naniraka Ahy** (Matio 10:40).

Ny olona sasany dia manana faharesen-dahatra na fisalasalana (noho ny amin'ny fanjakana) izay tsy ananan'ny hafa. Nanazava izany Jesosy raha niteny tamin'ireo tsy nanam-bady Izy noho ny amin'ny asan'Andriamanitra, **Tsy ny olona rehetra no mahay mandray izany teny izany, fa izay nomena ihany** (Matio 19:11b).

Mampianatra i Paoly fa ireo izay manana ny faharesen-dahatra manokana avy amin'Andriamanitra dia tokony hanaraka izany mba hahafaly ny Tompo. Nefa tsy tokony hitsara ny hafa izy ireo fa hoe tsy araka an'Andriamanitra ireo tsy mitana ny faharesen-dahatra toa izany. Na koa ny olona izay tsy resy lahatra mikasika ny antony manokana dia tsy tokony manimbazimba ny olona manao izay tsapany fa asain'Andriamanitra ataony.

Ny Kristiana tsirairay dia samy manana ny anjara raharahany ao amin'ny tenan'i Kristy. Nomena fanendrena tokana izy ary mety tarihina ahazoana zavatra samihafa. Andraikitr'Andriamanitra ny tsirairay ary handray ny valim-pitiany avy. **Ary iray ihany ny mpamboly sy ny mpandena; nefa samy handray izay valim-pitiany avy araka ny fisasarany izy** (1 Korintiana 3:8). **Mba tsy hisy hireharehanareo hankalaza ny anankiray, fa hanevateva ny anankiray kosa. Fa iza no mampihoatra anao? Ary inona no anananao, izay tsy noraisinao?** (1 Korintiana 4:6b, 7a).

Fitandremana sy fanetren-tena no tsy maintsy asehontsika eo anoloan'Andriamanitra amin'ny fomba fitondrantsika ny olon'Andriamanitra sarobidy! **Aza mifanaratsy, ry rahalahy.… fa iza moa hianao, no mitsara ny namanao?** (Jakoba 4:11a, 12b). Mila antsika izy mba *hanarina* ireo lavo amin'ny fanahin'ny *fahamorana* (Galatiana 6:1). **Mahareta koa hianareo, mampahereza ny fonareo, fa efa mby akaiky ny fihavian'ny Tompo. Aza mifampimonomonona, ry rahalahy, fandrao hohelohina hianareo; indro, ny Mpitsara efa mitsangana eo anoloan'ny varavarana** (Jakoba 5:8, 9).

## Aza Mitsara ny Rahalahinao amin'ny Fanaratsiana

Jesosy Tenany mihitsy no nahalala ny fitsarana an-karatsiana ataon'ny olona izay nihevitra ny tenan'izy ireo ho mazoto ho an'Andriamanitra. **Dia tezitra amiko va hianareo, satria nisy olona anankiray nataoko sitrana avokoa ny tenany rehetra tamin'ny Sabata. Aza mitsara araka ny miseho, fa mba mitsarà marina** (Jaona 7:23b, 24). **Aza mitsara, mba tsy hotsaraina hianareo. Fa araka ny fitsarana ataonareo no hitsarana anareo** (Matio 7:1, 2a).

Tsara kokoa ny mamantatra ny tenantsika. **Fa aoka ny olona hamantatra ny tenany. Fa raha mba mamantatra ny tenantsika isika, dia tsy mba hotsaraina** (1 Korintiana 11:28a, 31). **Aoka isika han-**

**dinika sy hamantatra ny alehantsika ka hiverina indray amin'i Jehovah** (Fitomaniana 3:40). Raha mangataka amin'ny Tompo isika dia Asehony amintsika ny fontsika. **Diniho aho, Andriamanitra ô, ary fantaro ny foko; izahao toetra aho, ary fantaro ny eritreritro; ary izahao na misy làlana mampahory ato anatiko, dia tariho amin'ny làlana mandrakizay aho** (Salamo 139:23, 24).

### Hotsarain'i Jesosy Isika Rehetra

**Koa dia ataontsika ho voninahitsika ny mba *hankasitrahany antsika*…. Fa isika rehetra dia samy tsy maintsy ho hita toetra miharihary eo amin'ny fitsaran'i Kristy, mba handraisan'ny olona rehetra izay zavatra nataon'ny tenany, dia araka izay nataony, na tsara na ratsy** (2 Korintiana 5:9a, 10). Jesosy irery ihany no afaka mitsara am-pahamarinana. **Ary marina ny fitsarako; fa tsy mitady ny sitrapoko Aho, fa ny sitrapon'Izay naniraka Ahy** (Jaona 5:30b). **Ary Izy hitsara izao tontolo izao amin'ny fahamarinana** (Salamo 9:8a).

### Manompo ny Tompo Isika, Fa Tsy Olona

**Ary na inona na inona ataonareo, dia ataovy amin'ny fo, tahaka ny ho an'ny Tompo, fa tsy ho an'olona, satria fantatrareo fa ny Tompo no handraisanareo ny lova ho valiny; fa manompo an'i Kristy Tompo hianareo** (Kolosiana 3:23, 24). Jesosy no Tompon'ny Kristiana marina rehetra, ary *Izy* no ilay tokana milaza amin'ny tsirairay izay hataony.

Rehefa nangataka tamin'Andriamanitra mba hanehoany amiko ny Fony araka ny Romana toko faha 14, dia nahita ny tenako nisenton'alahelo aho. *Velom-paniriana indrindra Andriamanitra ny mba hifankatiavantsika rehetra.* Hoy Jesosy, **Izao no didiko, dia ny mba hifankatiavanareo tahaka ny nitiavako anareo. Raha tia Ahy hianareo, dia hitandrina ny didiko** (Jaona 15:12; 14:15). Tia an'i Jesosy tahaka izay Nitiavany anao ve ianao?

## LESONA 28. JESOSY KRISTY NO OHATRA HO ANTSIKA

### Romana 15:1-13

**1Fa isika izay matanjaka dia tokony hitondra ny fahalemen'ny malemy ka tsy hitady izay hahafaly ny tenantsika ihany. 2Aoka isika re-**

**hetra samy hitady izay hahafaly ny namantsika amin'izay hahasoa sy hampandroso azy. [3]Fa Kristy aza tsy nitady izay hahafaly ny tenany; fa araka ny voasoratra hoe: "Ny latsa nataon'izay nandatsa Anao dia nihatra tamiko." [4]Fa izay rehetra voasoratra fahiny dia nosoratana ho fianarantsika hananantsika ny fanantenana amin'ny faharetana sy ny fiononana avy amin'ny Soratra Masina. [5]Fa Andriamanitry ny faharetana sy ny fiononana anie hampiray hevitra anareo araka an'i Kristy Jesosy, [6]mba ho saina iray sy vava iray no hiarahanareo mankalaza an'Andriamanitra, Rain'i Jesosy Kristy Tompontsika.**

**[7]Koa mifandraisa hianareo tahaka ny nandraisan'i Kristy anareo koa ho voninahitr'Andriamanitra. [8]Fa lazaiko fa Kristy efa tonga mpanompon'ny voafora noho ny fahamarinan'Andriamanitra hahatò ny teny fikasana tamin'ny razana, [9]mba hankalazan'ny jentilisa an'Andriamanitra koa noho ny famindrampo, araka ny voasoratra hoe: "Izany no hiderako Anao any amin'ny jentilisa sy hankalazako ny anaranao." [10]Ary hoy koa Izy: "Miravoravoa, ry jentilisa, mbamin'ny olony." [11]Ary koa: "Miderà an'i Jehovah, ry jentilisa rehetra, ary aoka hankalaza Azy ny firenena rehetra." [12]Ary hoy koa Isaia: "Hisy Solofon'i Jese, dia Ilay hitsangana hanapaka ny jentilisa: Izy no hitokian'ny jentilisa." [13]Ary Andriamanitry ny fanantenana anie hameno anareo amin'ny fifaliana sy ny fiadanana rehetra amin'ny finoanareo, mba hitomboanareo amin'ny fanantenana noho ny herin'ny Fanahy Masina.**

## Zavatra Hatao

Fenoy ny banga mba hianarantsika izay tsy maintsy hataontsika mba hampiray hevitra antsika amin'ny mpino hafa:

1. "Fa isika izay ______________ [amin'ny finoana sy faharesen-dahatra] dia tokony ___________ ny fahalemen'[amin'ny feon'ny fieritreretana] ny ___________ [amin'ny finoana sy faharesen-dahatra], ka tsy hitady izay ____________ ny tenantsika ihany" (andininy 1).

2. "Aoka isika rehetra samy hitady izay _________ ny namantsika amin'izay ________ sy hampandroso azy [mampiorina tsara ny finoany]. (2).

3. "Fa Kristy aza tsy nitady izay _________ ny Tenany" (3).

[Tsy Kristy ihany no ohatra amin'ny fomba fiainana, fa koa ny Fanahiny izay mitoetra ao anatintsika, sy miasa ao anatintsika **na ny fikasana na ny fanaovana hahatanteraka ny sitrapony** (Filipiana 2:13b).]

4. Ny Soratra Masina dia "nosoratana ho ____________ hananantsika ny ___________ amin'ny _________ sy ny _________ avy amin'ny Soratra Masina" (4).

[Ireo zavatra rehetra vakiantsika ao amin'ny Baiboly ireo dia **voasoratra izany ho fananarana antsika** mba hanampy antsika amin'izao vaninandro izao (1 Korintiana 10:11b). **Izay soratra rehetra nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra dia mahasoa koa ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsiana izay diso, ho fitaizana amin'ny fahamarinana, mba ho tanteraka ny olon'Andriamanitra, ho vonona tsara ho amin'ny asa tsara rehetra** (2 Timoty 3:16, 17). Ny Soratra Masina dia mitondra fanantenana sy fiononana. **Izao no mampionona ahy amin'ny fahoriako; ny teninao no mamelona ahy** (Salamo 119:50). **Fiereko sy ampingako Hianao; ny teninao no andrasako** (Salamo 119:114). **Ary ny teniny no nanantenako** (Salamo 130:5b).]

5. "Fa Andriamanitry ny _________ sy ny _________ anie hampiray hevitra anareo araka an'i Kristy ______" (5).

6. "______ _____ sy _____ _____ no hiarahanareo mankalaza an'Andriamanitra, Rain'i Jesosy Kristy Tompontsika" (6).

[Ny saintsika sy ny tenintsika dia samy tokony hankalaza an'Andriamanitra. **Aoka ny tenin'ny vavako sy ny fisainan'ny foko samy hankasitrahana eo imasonao, Jehovah ô, vatolampiko sy Mpanavotra ahy** (Salamo 19:14).]

7. "Koa ____________ hianareo tahaka ny ____________'i Kristy anareo ho ___________'Andriamanitra" (7).

[**"Izay mandray anareo dia mandray Ahy"** (Matio 10:40a). Ny fihavanana amin'ny mpino hafa dia voninahitr'Andriamanitra.]

8. "Kristy efa tonga _______________'ny voafora [ny Jiosy] noho ny _______________'Andriamanitra, hahatò ny ______ ____________ tamin'ny razana (8), mba _____________'ny Jentilisa an'Andriamanitra koa noho ny ________________" (9).

[Nanetry ny Tenany Jesosy mba ho tonga mpanompo. **Ary**

**mampianatra ny mpandefitra ny làlany. Ny làlan'i Jehovah rehetra dia famindrampo sy fahamarinana** (Salamo 25:9b, 10a). Afaka miravoravo amin'ny famindrampon'Andriamanitra isika. **Fa Hianao, Tompo ô, dia Andriamanitra mamindra fo sy miantra, mahari-po sady be famindrampo sy fahamarinana** (Salamo 86:15). Jesosy dia nanompo ny Rainy izay any an-danitra tamin'ny fifaliana. **Hidera Anao eny amin'ny vahoaka aho, Tompo ô, hankalaza Anao eny amin'ny firenena aho** (Salamo 57:9).

9. "Ary Andriamanitry ny ______________ anie hameno anareo amin'ny fifaliana sy ny fiadanana rehetra amin'ny ___________, mba hitomboanareo amin'ny _____________ noho ny ______'ny Fanahy Masina" (13).

[Sarotra ho an'ireo feno fifaliana sy fiadanana sy mitombo amin'ny fanantenana ny handany fotoana amin'ny fifandrafiana na fisarahana. **Fa amin'ny fifaliana no hivoahanareo, ary amin'ny fiadanana no hitondrana anareo** (Isaia 55:12a).]

## Miaina mba Hampifaly ny Tompo, fa tsy ny Tenanao

Manana ny antony rehetra isika mba handehanantsika am-panetren-tena eo anatrehan'Andriamanitsika. Efa niseho fahamarinana tamintsika Izy ary nampiseho famindrampo tamintsika. **Ry olombelona, efa naseho anao izay tsara sy izay ilain'i Jehovah aminao, dia izao ihany: Ny hanao ny marina sy ny ho tia famindrampo ary ny hanaraka an'Andriamanitrao amin'ny fanetren-tena** (Mika 6:8).

Ny tena maha-izy azy ny fahotana dia ny fandehanana amin'ny làlantsika manokana, miaina mba hampifaly ny tenantsika. Izany no tsy maintsy nahafatesan'i Jesosy ho antsika. **Isika rehetra dia samy efa nania tahaka ny ondry, samy efa nivily ho amin'ny làlantsika avy isika rehetra; ary nataon'i Jehovah nihatra taminy avokoa ny helotsika rehetra** (Isaia 53:6).

Ny fandehanana amin'ny làlantsika manokana, sy ny famalifaliana ny tenantsika fotsiny, dia mitondra voninahitra ho an'Andriamanitra. **Fa samy efa nanota izy rehetra ka tsy manana ny voninahitra avy amin'Andriamanitra** (Romana 3:23). Izany no antony tena *mahazava-dehibe* ny fiainana mba hahafaly *Azy* sy mitondra voninahitra ho Azy. Tsy afaka manao izany isika, fa Jesosy no afaka manoa izany ary mitoetra ao anatintsika Izy.

## Jesosy dia Niaina mba Hampifaly ny Ray

Manazava tokoa i Paoly fa na dia i Jesosy aza tsy niaina mba hitady izay hahafaly ny Tenany **Ka dia hoy Jesosy: Rehefa asandratrareo ny Zanak'olona, dia ho fantatrareo fa Izaho no Izy, ary tsy manao na inona na inona ho Ahy Aho, fa araka ny nampianarin'ny Raiko Ahy no ilazako izany zavatra izany. …Satria Izaho manao izay sitrany mandrakariva** (Jaona 8:28, 29b). Hoy Jesosy, **"Inty Aho tonga…hanao ny sitraponao, Andriamanitra ô"** (Hebreo 10:7b). **Ary nony nandroso kelikely Izy, dia niankohoka ka nivavaka hoe: Raiko ô, raha azo atao, dia aoka hesorina amiko ity kapoaka ity; nefa aoka tsy ny sitrapoko anie no hatao, fa ny Anao** (Matio 26:39).

Nankalazaina tokoa Andriamanitra tamin'ny niainan'i Jesosy mba hahafaly Azy. **Ary, injao, nisy feo avy tao amin'ny rahona nanao hoe: Ity no Zanako malalako Izay sitrako; Izy no henoy** (Matio 17:5b). **Dia hoy Jesosy: Ankehitriny dia efa ankalazaina ny Zanak'olona; ary Andriamanitra no ankalazaina eo aminy** (Jaona 13:31b).

## Tokony Mitondra Laza ho an'Andriamanitra ny Fiainantsika

Rehefa mikambana amin'ny Kristiana hafa ianao mba hankalaza an'Andriamanitra miaraka (fa tsy mampitombo ny fifandrafiana sy ny fisarahana izay tsy tokony hisy akory), izany dia fijororana vavolombelona amin'ny tsy mpino ny amin'ny famindrampo sy ny fitiavan'Andriamanitra (Romana 15:6, 7). Izy ireo koa, dia afaka miantso ny Tompo sy miravoravo Aminy (Romana 15:9-11). **Aoka hazava eo imason'ny olona toy izany koa ny fahazavanareo, mba hahitany ny asa soa ataonareo ka hankalazany ny Rainareo Izay any an-danitra** (Matio 5:16). **Raha sitrak'i Jehovah ny alehan'ny olona, na dia ny fahavalony aza dia hampihavaniny aminy** (Ohabolana 16:7). **Ahoana ary? Moa tsy fantatrareo fa ny tenanareo dia tempolin'ny Fanahy Masina, Izay ao anatinareo sady efa azonareo tamin'Andriamanitra? ka tsy tompon'ny tenanareo hianareo. Fa olom-boavidy hianareo, koa dia mankalazà an'Andriamanitra amin'ny tenanareo** (1 Korintiana 6:19, 20).

**Sambatra hianareo, raha haratsina noho ny anaran'i Kristy; fa ny Fanahin'ny voninahitra, dia ny Fanahin'Andriamanitra, mipetraka ao aminareo. Fa aoka tsy hisy eo aminareo hijaly satria mpamono olona, na mpangalatra, na mpanao ratsy, na mpira-**

**haraha ny an'olona. Fa raha misy mijaly satria Kristiana, dia aoka tsy ho menatra izy; fa aoka hankalaza an'Andriamanitra amin'izany anarana izany izy** (1 Petera 4:14-16).

**Dia tanteraho ny fifaliako, mba hiraisanareo saina, miray fitiavana, miray fo, miray hevitra, tsy manao na inona na inona amin'ny fifampiandaniana, na mandrani-tena foana fa amin'ny fanetren-tena dia aoka samy hanao ny namany ho mihoatra noho ny tenany. Aza samy mihevitra ny azy ihany, fa samy ny an'ny namany koa** (Filipiana 2:2-4).

### Ahoana no Ahafahantsika Miaina mba Hampifaly ny Hafa?

Nahalala i Paoly fa nanana fahafahana lehibe tao amin'i Kristy izy. Nefa vonona koa izy ny nandatsaka ny "zony" mba hanampiany ireo Kristiana malemilemy. **Ny zavatra rehetra azo atao, nefa tsy ny zavatra rehetra no mahasoa; ny zavatra rehetra azo atao, nefa tsy ny zavatra rehetra no mampandroso. Aoka tsy hisy olona hitady ny hahasoa ny tenany, fa ny hahasoa ny namany. Dia tahaka ahy koa manao izay hahafinaritra ny olona rehetra amin'ny zavatra rehetra ka tsy mitady ny mahasoa ahy ihany, fa ny mahasoa ny maro mba hovonjena izy. Aoka hanahaka ahy hianareo, dia tahaka ny anahafako an'i Kristy** (1 Korintiana 10:23, 24, 33; 11:1). Tokony miaina isika mba *hifanampy*. **Ary aoka isika hifampandinika hampandroso ny fitiavana sy ny asa tsara; aza mahafoy ny fiarahantsika miangona, tahaka ny fanaon'ny sasany, fa mifananara kosa** (Hebreo 10:24, 25a).

Hatramin'izay i Paoly dia tsy naniry ny mpino **hohazonin'ny zioga fanandevozana intsony** (Galatiana 5:1b) tamin'ny alalan'ny fanaovana izay mahafaly ireo izay nangataka ny fitandremana ny lalàn'ny Testamenta Taloha mba hahatanteraka ny tenan'izy ireo. Nantsoiny hoe "filazantsara iray" koa izany. **Raha mbola mila sitraka amin'olona aho, dia tsy mpanompon'i Kristy** (Galatiana 1:10b).

## LESONA 29. PAOLY DIA, OHATRA IRAY AMIN'NY KRISTIANA MARINA

**Romana 15:14-33**

**14Fa izaho koa, ry rahalahiko, dia matoky ny aminareo fa feno fahatsarana hianareo, dia feno ny fahalalana rehetra sady mahay mifananatra koa. 15Kanefa amin'ny fahasahiana no anoratako ny teny sasany aminareo, toy ny mampa-**

hatsiaro anareo indray noho ny
fahasoavana nomen'Andriama-
nitra ahy, 16mba ho mpanompon'i
Kristy Jesosy ho an'ny jentilisa
aho ka manao fanompoam-pivava-
hana amin'ny itoriako ny filazantsa-
ran'Andriamanitra, mba horaisina
amin'ny fankasitrahana ny fanati-
tra, dia ny jentilisa, rehefa nohama-
sinin'ny Fanahy Masina. 17Ka dia
manana izay hataoko rehareha ao
amin'i Kristy Jesosy aho noho ny
amin'Andriamanitra. 18Fa tsy sahiko
lazaina izay zavatra tsy nampanao-
vin'i Kristy ahy, na tamin'ny teny,
na tamin'ny asa, mba hampanaiky
ny jentilisa, 19dia tamin'ny herin'ny
famantarana sy ny fahagagana, ary
tamin'ny herin'ny Fanahy Masina,
dia hatrany Jerosalema ka mano-
didina hatrany Illyrikiona, no naha-
tanterahako ny fitoriako ny filazan-
tsaran'i Kristy. 20Koa dia nataoko
ho voninahitro ny hitory ny fila-
zantsara toy izao: tsy eo amin'izay
efa niantsoana an'i Kristy anefa,
fandrao hanovona eo ambonin'izay
efa naorin'ny sasany aho; 21fa araka
ny voasoratra hoe: "Izay tsy nilaza-
na Azy no hahita, ary izay tsy nan-
dre no hahafantatra."

22Ary izany no nahasampona ahy
matetika tsy hankany aminareo.
23Fa ankehitriny, satria tsy misy an-
tony intsony ny itoerako amin'ireto,
sady efa naniry hatramin'ny taona
maro hankany aminareo aho, 24raha
mankany Spania; fa manantena
hahita anareo amin'ny alehako aho
ka haterinareo ho any, rehefa afa-
kafaka ny alaheloko anareo. 25Fa
ankehitriny dia efa hankany Jerosa-
lema aho hanompo ny olona masi-
na. 26Fa efa sitrapon'i Makedonia sy
Akaia ny hamory vola hiantrana ny
malahelo amin'ny olona masina any
Jerosalema. 27Eny, sitrapony izany,
sady mpitrosa aminy izy. Fa raha ny
jentilisa no niombona ny zava-pana-
hy taminy, dia tokony hanompo azy
kosa amin'ny zavatra momba ny
nofo izy. 28Ary rehefa vitako izany,
ka voatolotro azy soa aman-tsara
izany vokatra izany, dia hihazo any
aminareo aho, raha mankany Spa-
nia. 29Ary fantatro fa raha mankany
aminareo aho, dia homba ahy ny fa-
hafenoan'ny fitahian'i Kristy. 30Ary
mangataka aminareo aho, ry raha-
lahy, noho ny amin'i Jesosy Kristy
Tompontsika sy ny fitiavana avy
amin'ny Fanahy, mba hiarahanareo
miezaka amiko amin'ny fivavaha-
nareo amin'Andriamanitra ho ahy,
31mba ho voavonjy amin'ny tsy mino
any Jodia aho, ary mba hankasitra-
han'ny olona masina izay fanompoa-
na hataoko any Jerosalema, 32mba
hankanesako any aminareo amin'ny
fifaliana, raha sitrapon'Andria-
manitra, ka samy ho velombelona
ny fontsika. 33Ary Andriamanitry ny
fiadanana anie ho aminareo rehetra.
Amena.

## Zavatra Hatao

1. Natoky i Paoly fa afaka nifananatra ireo Kristiana tao Roma satria izy ireo dia “feno __________, feno ny __________ rehetra” (14).

2. Nanoratra tamin-kerim-po tokoa izy mba hampahatsiahivana azy ireo ny teny sasany “noho ny ___________ nomen’Andriamanitra ahy” (15).

3. Paoly dia mpanompon’i Jesosy “ho an’ny _________” (16).

4. Ireo Jentilisa (tsy Jiosy) izay nino ny filazantsara dia toy ny fanatitra ankasitrahana ataon’i Paoly ho an’Andriamanitra, satria izy ireo dia “____________’ [natao masina] ny Fanahy Masina” (16).

5. Paoly dia nànana izay nataony “rehareha ao amin’i _______” (17). Ary izy dia tsy sahy nilaza izay zavatra “tsy nampanaovin’i ________” azy (18).

[**Fa ny fahasoavan’Andriamanitra no nahatoy izao ahy; ary tsy foana ny fahasoavany ato amiko; fa efa niasa fatratra mihoatra noho izy rehetra aho, nefa tsy izaho, fa ny fahasoavan’Andriamanitra no niara-niasa tamiko** (1 Korintiana 15:10).]

6. Nataon’i Paoly ho vaovao tsara ny hitory ny filazantsara amin’izay toerana tsy mbola nahalalana momba an’i Kristy “fandrao hanovona eo ambonin’izay efa ______’ny sasany aho” (20).

[Voantso ho mpialoha làlana amin’ny asa i Paoly. Nandeha tamin’izay tsy mbola nalehan’ny olona hafa izy. Izany dia nankininy tamin’izay efa naminanian’Isaia mikasika ny Mesia voahombo: **Fa izay tsy mbola nolazaina tamin’ireny no ho hitany, ary izay tsy mbola reny akory no hosaintsaininy** (Isaia 52:15b).]

7. Nangataka ireo Kristiana tao Roma i Paoly mba hiara-miezaka aminy amin’ny “__________ amin’Andriamanitra” ho azy (30).

## Vavaka Fangatahana Telo Nataon’i Paoly

Nikasa ny ho any Jerosalema aloha i Paoly vao ho any Roma (Asan’ny Apostoly 19:21) teny amin’ny làlany ho any Espaina. (Tsy fantatsika na efa nahatratra an’i Espaina i Paoly tamin’ny androm-

piainany.) Efa nanao fifanarahana izy mba hitondrany miaraka aminy ny rakitra izay nangonina ho an'ireo olo-masina Jiosy tao Jerosalema izay nijaly mafy tamin'ny fahantrana (1 Korintiana 16:1). Nahafaly ny Jentilisa Kristiana ny nanao izany, satria nahatsiaro ho afa-trosa tamin'ireo Jiosy rahalahiny sy anabaviny izy ireo izay nizara ny filazantsara taminy. Nampianatra izany i Paoly amin'ny maha-Jiosy azy. Nanoratra izy hoe, **Raha izahay namafy izay zava-panahy ho anareo, dia zavatra lehibe va raha mba mijinja izay ananareo araka ny nofo kosa izahay?** (1 Korintiana 9:11). **Aoka izay ampianarina ny teny mba hahafoy zava-tsoa ho an'izay mampianatra** (Galatiana 6:6).

Miangavy ireo Kristiana any Roma i Paoly mba hiara-miasa amin'ny alalan'ny fivavahana ho azy momba ny zavatra telo: (1) mba hoafahana amin'ireo tsy nino ao Joda izy; (2) mba hankasitrahan'ireo olo-masina ao Jerosalema ny fanompoana ataony ao; ary (3) mba hahafahany mankany Roma, amin'ny alalan'ny sitrapon'Andriamanitra, mba ho velombelomina miaraka amin'izy ireo.

### Valin'ireo Vavaka Fangatahana Nataon'i Paoly

Namaly ny fangatahan'i Paoly tamin'ny fomba tsy mahazatra hafa Andriamanitra (Asan'ny Apostoly toko faha 20-28). **Matokia an'i Jehovah amin'ny fonao rehetra, fa aza miankina amin'ny fahalalanao; maneke Azy amin'ny alehanao rehetra, fa Izy handamina ny làlanao** (Ohabolana 3:5, 6). Voaro i Paoly tamin'ny tetika iray mba hamonoana azy, nefa tonga tany Roma *toy ny voafonja* izy noho ny filazantsara. Nandritra ny roa taona, toa ambany trano fihazonana, dia nahazo alalana hampianatra ireo mpitsidika momba an'i Jesosy tamin-kalalahana izy. Talohan'ny nahafatesany tao, dia nanoratra izy hoe, **Efa niady ny ady tsara aho; nahatanteraka ny fihazakazahako aho; nitahiry ny finoana aho** (2 Timoty 4:7).

## LESONA 30. FANAOVAM-BELOMA MANOKANA NATAON'I PAOLY

**Romana 16:1-27**

**1 Indry, Foiby anabavintsika, diakon'ny fiangonana atỳ Kenkrea, lazaiko tsara aminareo, 2 mba horaisinareo ao amin'ny Tompo izy, toy izay mendrika ny olona masina, ary mba hampianareo izy amin'izay raharaha ilany anareo: fa izy dia mpiahy ny maro mbamin'ny tenako koa.**

**3 Veloma amin'i Prisila sy Akoila, mpiara-miasa amiko ao amin'i Kristy**

Jesosy; 4izy mivady dia nanolotra
ny tenany hamonjy ny aiko; nefa
tsy izaho ihany no misaotra azy, fa
ny fiangonana rehetra any amin'ny
jentilisa koa. 5Ary veloma amin'ny
fiangonana izay ao an-tranony. Ve-
loma amin'i Epaineto malalako,
izay voaloham-bokatr'i Asia ho an'i
Kristy. 6Veloma amin'i Maria, izay ni-
kely aina fatratra ho anareo. 7Veloma
amin'i Androniko sy Jonia, havako
sy namako niara-nifatotra tamiko,
izay malaza eo amin'ny Apostoly
sady tao amin'i Kristy talohako.
8Veloma amin'i Ampliato, malalako
ao amin'ny Tompo. 9Veloma amin'i
Orbano, mpiara-miasa aminay ao
amin'i Kristy, sy Staky malalako.
10Veloma amin'i Apela, ilay efa voa-
zaha toetra ao amin'i Kristy. Veloma
amin'ny ankohonan'i Aristobolo.
11Veloma amin'i Herodiona havako.
Veloma amin'ny ankohonan'i Narki-
sa, izay ao amin'ny Tompo. 12Veloma
amin'i Tryfena sy Tryfosa, izay mike-
ly aina ao amin'ny Tompo. Veloma
amin'i Persy malala, izay nikely aina
fatratra tao amin'ny Tompo. 13Velo-
ma amin'i Rofosy, ilay voafidy ao
amin'ny Tompo, ary amin'ny reniny
sy reniko. 14Veloma amin'i Asynkrito,
Flegona, Hermesy, Patroba, Herma,
mbamin'ny rahalahy ao aminy. 15Ve-
loma amin'i Filologo sy Jolia, Nerea
sy ny anabaviny sy Olympa ary ny
olona masina rehetra izay ao aminy.
16Mifanaova veloma amin'ny fanoro-
hana masina. Ny fiangonana rehetra
an'i Kristy manao veloma anareo.

17Fa izaho mananatra anareo,
ry rahalahy, mba hitandrina ny
amin'izay mahatonga ny fisarahana
sy ny fahatafintohinana tsy araka
ny fampianarana efa nianaranareo;
mialà amin'ireny olona ireny. 18Fa izy
ireny tsy mba manompo an'i Kristy
Tompontsika, fa ny kibony ihany; ary
teny malefaka sady tsara lahatra no
amitahany ny fon'ny tsy ary saina.
19Fa efa niely any amin'ny olona re-
hetra ny lazan'ny fanarahanareo. Ary
faly aho noho ny aminareo; satria
tiako ho hendry amin'izay tsara hia-
nareo, ary tsy hiharo amin'izay ratsy.
20Fa Andriamanitry ny fiadanana ha-
norotoro an'i Satana faingana eo am-
banin'ny tongotrareo. Ho aminareo
anie ny fahasoavan'i Jesosy Kristy
Tompontsika.

21Manao veloma anareo Timoty,
mpiara-miasa amiko, sy Losio sy Ja-
sona ary Sosipatro havako. 22Izaho,
Tertio, izay manoratra ity epistily ity,
manao veloma anareo ao amin'ny
Tompo. 23Gaio, ilay itoeranay sy ny
fiangonana rehetra, manao veloma
anareo. Erasto, mpitahiry ny volam-
panjakana ato an-tanàna, sy Koarto
rahalahy manao veloma anareo.

25Ary ho an'Izay mahay mampa-
hery anareo araka ny filazantsarako
sy ny fitoriana an'i Jesosy Kristy,
araka ny fampisehoana ny zava-
niafina, izay voàfina hatry ny fony

**fahagola, [26]fa efa naseho ankehitriny tamin'izay soratry ny mpaminany, araka ny didin'Andriamanitra mandrakizay, ka nampahafantarina any amin'ny firenena rehetra hahatonga fanekena ny finoana,– [27]ho an'Andriamanitra tokana ihany sady hendry anie ny voninahitra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy mandrakizay mandrakizay. Amena.**

## Zavatra Hatao

Fenoy ny banga avy amin'ny toko farany amin'ny Romana:

1. Nilaza tsara ny amin'i _____ (1) i Paoly ary nangataka ny mpino tao Roma mba hanampy azy amin'izay rehetra nilainy.

[Ity anabavy ao amin'ny Tompo ity dia nanompo tao amin'ny fiangonana tany Kenkrea, izay eo amin'ny 11 kilometatra eo avy ao atsimon'i Korinto, tao amin'izay nanoratan'i Paoly ny taratasiny. Niharihary fa nikasa ny handeha ho any Roma izy ary hanolotra ny taratasin'i Paoly.]

2. Nanao veloma an'i _______ sy _______ izy, izay nanolotra ny fiainan'izy ireo hamonjy azy (3).

[Tao Korinto no nihaonan'i Paoly voalohany tamin'ireto mpivady arakan'Andriamanitra ireto. Nandao an'Italia izy ireo tamin'ny nandidiana ny Jiosy rehetra hiala tao Roma. Hatramin'ny niraisan'i Paoly raharaha tamin'i Akoila tamin'ny fanaovana lay, dia niara-nitoetra tamin'izy ireo i Paoly ary dia niara-niasa izy ireo (Asan'ny Apostoly 18:1-3). Ary izy ireo niondrana an-tsambo tamin'i Paoly hatrany Efesosy. Eto izy ireo dia nandre an'i Apolosy izay nahay nandaha-teny tsara miresaka amin-kery avy amin'ny Soratra Masina, **Ary rehefa nandre azy Prisila sy Akoila, dia nandray azy hankao aminy ka nampianatra azy marimarina kokoa ny amin'ny làlan'Andriamanitra** (Asan'ny Apostoly 18:26b). Ankehitriny dia efa tafaverina any Roma ireto mpivady arakan'Andriamanitra ireto, manohy ny fampiharany ny amin'ny famoriana fiangonana ao an-tranon'izy ireo.]

3. Mariho ny nitiavan'i Paoly ireo mpiara-miasa taminy ireo! Tao ireo vehivavy nahatoky tamin'ny fanompoana ny Tompo. Nanao veloma an'i _______ koa i Paoly (13), "ilay voafidy ao amin'ny Tompo," ary tamin'ny reniny koa, izay toy ny renin'i Paoly ihany koa.

[Ity Rofosy ity dia zanak'ilay lehilahy noterena hitondra ny hazo fijalian'i Jesosy teny an-dàlana amin'ny hanomboana Azy (Marka 15:21a).]

4. Maro tamin'ireo niara-niasa tamin'i Paoly tao Korinto no nanao veloma, anisan'izany ilay lehilahy nanoratra ny taratasin'i Paoly raha nitonona izany izy: "Izaho, _______, izay manoratra ity epistily ity, manao veloma anareo" (22).

5. Ny tompon-trano nitoeran'i Paoly fony izy tao Korinto dia ______, no sady nitoeran'ny fiangonana tao koa" (23).

[Paoly no nanao batisa izany lehilahy izany (1 Korintiana 1:14).]

6. Paoly dia nananatra ireo Kristiana tany Roma mba hitandrina "ny amin'izay mahatonga ny _________ sy ny fahatafintohinana tsy araka ny fampianarana efa nianaranareo" (17). Tsy nanompo an'i Jesosy ireo olona ireo "fa ny ______ ihany" (18).

[Nalahelo i Paoly raha niasa tahaka izao tontolo izao ireo Kristiana nampianarina. **Fa maro no mandeha, izay efa nolazaiko taminareo matetika, sady mbola lazaiko aminareo amin'ny fitomaniana koa ankehitriny, fa fahavalon'ny hazofijalian'i Kristy ireny; fahaverezana no hiafarany, ny kibony no andriamaniny, ny fahamenarany no voninahiny, fa misaina ny amin'ny tany izy** (Filipiana 3:18, 19). Tsy nisy vidiny tamin'izy ireo akory ny fiainany taloha izay nohomboana niaraka tamin'i Kristy.]

7. Tian'i Paoly "ho ______ amin'izay tsara" izy ireo "ary tsy ______ [tsy hanan-tsiny] amin'izay ratsy" (19).

## Fitsofan-drano

Ny filazantsara, izay zava-miafina, dia miseho mazava tsara ao amin'ny Soratra Masina ankehitriny. Mamarana ny taratasy mahagagany i Paoly amin'ny fanekena fa hankalazaina mandrakizay amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Andriamanitra ary afaka *mampitoetra* anao Izy. **Ary ho an'Izay maharo anareo mba tsy ho tafintohina, ary hametraka anareo tsy hanan-tsiny eo anoloan'ny voninahiny amin'ny firavoravoana, ho an'Andriamanitra tokana, Mpamonjy antsika, amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika anie, ny voninahitra sy ny fahalehibiazana, ny fanjakana sy ny fahefana hatramin'ny taloha indrindra sy ankehitriny ary mandrakizay. Amena** (Joda 24, 25).

# Valin'ireo Fanontaniana

Ny valin'ireo fanontaniana ao amin'ny Fianarana Baiboly momba ny Romana dia hita etsy ambany mba ahafahanao mandinika ny asanao sy mahafantatra ny valiny marina. Aza mijery ity pejy ity aloha raha tsy efa avy namaly ireo fanontaniana ireo ianao.

**Pejy 2**

1. mpaminany, Soratra
2. Jesosy Kristy
3. Davida, nofo
4. kery, Zanak'Andriamanitra, fahamasinana, fitsanganana
5. fahasoavana, fanekena, voninahitry, jentilisa rehetra.

**Pejy 8**

1. nankalaza, nisaotra
2. hendry, adala
3. voninahitra, zavatra
4. fahalotoana, nifanalany voninahitra
5. fahamarinana, lainga, natao, Mpanao
6. filan-dratsy mahavoafady, vehivavy, lehilahy
7. tsy mahamendrika
8. fitsipika, faty, mankasitraka

**Pejy 10 sy 11**

1. marina
2. asany, ratsy, tsara
3. fizahan-tavan'olona
4. Jesosy Kristy

**Pejy 13**

1. Jiosy
2. lalàna
3. Andriamanitra
4. sitrapony
5. tsara indrindra
6. nampianarina
7. mpitarika, fanazavana, mpananatra, mpampianatra

**Pejy 14**

1. mangalatra
2. mijangajanga
3. mandroba tempoly
4. andikanao

**Pejy 17 sy 18**

1. tsy, iray
2. tsy
3. tsy
4. rehetra
5. tsy mahasoa
6. tsara, iray
7. tendany
8. fitaka
9. poizin
10. ozona. fangidiana
11. handatsa-dra
12. fandringanana
13. fiadanana
14. fahatahorana

**Pejy 21 sy 22**

1. lalàna, Jesosy Kristy, an'izay rehetra mino, tsy misy hafa
2. fanavotana, fanavotana, rany, finoana, fahamarinany
3. marina, hamarinina, Jesosy
4. foana
5. finoana, asan, lalàna

**Pejy 27 sy 28**

1. miasa, mino, ratsy
2. tsy mbola voafora
3. tombo-kase, finoana
4. ray, mino, fahamarinana
5. maty, misy
6. voninahitra
7. hatao
8. mino, nanangana, maty
9. fahadisoantsika, fanamarinana

**Pejy 29 sy 30**

1. fihavanana, , Andriamanitra
2. fanatonana
3. voninahitr
4. fahoriana, faharetana, fahatsaram-panahy, fanantenana
5. mampaha-menatra, Fanahy Masina, fitiavan'
6. fahatezerana
7. hamonjena, fahavelomany

**Pejy 31-33**

1. ota, rehetra, fahafatesana, nanota
2. nanjakan'
3. fanamelohana rehetra, fanamarinana
4. mpanota, tsi-fanarahan'
5. fahafatesana
6. fanomezana, maro
7. fanomezam-pahasoavana, fanamarinana
8. fahasoavana, hanjaka
9. fiainana, rehetra fanamarinana
10. marina, fanarahan

**Pejy 35 sy 36**

1. nohomboana, hanompoantsika, afaka
2. nitsangana, indray mandeha, Andriamanitra
3. maty, ota, velona, Andriamanitra

4. maty, velona
5. fiadian', fahamarinana

**Pejy 48**

1. fanamelohana, Kristy Jesosy
2. lalàn', aina, nahafaka, lalàn', fahotana
3. lalàna, nofo, nahalemy azy, nofo, ota
4. nanameloka, hahatanteraka, ilain', nofo, Fanahy

**Pejy 52**

1. mihevitra, nofo, Fanahy
2. fahafatesana, fiainana, fiadanana
3. fandrafiana, manaiky, hainy, sitrapo

**Pejy 57**

1. tarihin, Fanahin
2. pahandevozana, tahotra
3. Fanahy, milaza
4. miaritra

**Pejy 60 sy 61**

1. zavatra ary, hiteraka mandraka ankehitriny, zanak'Andriamanitra
2. Fanahy, miandry, tenantsika
3. Fanahy, mifona, olona masina

**Pejy 68**

1. fananganan'anaka
2. voninahitra
3. fanekena
4. lalàna
5. fombam-pivavahana
6. teny fikasana
7. razana
8. Kristy, Andriamanitra

**Pejy 73 sy 74**

1. akaikinao, am-bavanao, am-ponao
2. Jesosy, tompo
3. nanangana, maty
4. inoana, fahamarinana
5. anekena, famonjena
6. miantso, anaran'
7. toriteny, tenin'i

**Pejy 86**

1. lehibe
2 Andriamanitra
3. tahotry, ratsy, sabatra, mpamaly, fahatezerana
4. fieritreretana

**Pejy 90**

1. a. mijangajanga
   b. mamono olona
   c. mangalatra
   d. vavolombelona mandainga
   e. mitsiriritra
2. tiava, namanao
3. fitiavana

**Pejy 94 sy 95**

A. 1. nandray
   2. tompony
   3. mampitoetra
   4. Tompo
   5. misaotra
   6. sitrak', eken'
   7. Andriamanitra, hampamoahin' Andriamanitra

B. 1. maloto
   2. fitiavana
   3. hanimba
   4. fahasoavana, ratsy
   5. fihinanana, fisotroana fiadanana, fifaliana
   6. sitraka, eken
   7. fiadanana, fifampandrosoana, andravanao, Andriamanitra
   8. hahatafintohina, hahalavo, hahalemy, ota

**Pejy 100-102**

1. matanjaka, hitondra, malemy, hahafaly
2. hahafaly, hahasoa
3. hahafaly
4. fianarantsika, fanantenana, faharetana, fiononana
5. faharetana, fiononana, Jesosy
6. saina iray, vava iray
7. mifandraisa, nandraisan', voninahitr'
8..mpanompon', fahamarinan', teny fikasana, hankalazan', famindrampo
9. fanantenana, finoanareo, fanantenana, herin

**Pejy 106**

1. fahatsarana, fahalalana
2. fahasoavana
3. jentilisa
4. nohamasinin
5. Kristy, Kristy
6. naorin'
7. fivavahanareo

**Pejy 109 sy 110**

1. Foiby
2. Prisila, Akoila
3. Rofosy
4. Tertio
5. Gaio
6. fisarahana, kibony
7. hendry, hiharo

**Rehefa mianatra na mamerina ity fianarana Baiboly ity ianao, dia asio marika ireo andininy tianao hotadidiana.**

# Ny Vaovao Tsaran'ny Romana

***1. Ny herin'Andriamanitra dia afaka mamonjy anao amin'ny Fahatezerany.***

Fa tsy menatra ny filazantsara aho; fa herin'Andriamanitra ho famonjena izay rehetra mino izany. Fa aseho avy any an-danitra ny fahatezeran' Andriamanitra amin'ny faharatsiana rehetra. —Romana 1:16a, 18a

***2. Ny fahatsaran'Andriamanitra dia mitarika anao ho amin'ny fibebahana.***

Sa hamavoinao ny haren'ny fahamoram-Panahiny sy ny Fandeferany ary ny fahari-pony, satria tsy fantatrao fa ny fahamoram-panahin'Andriamanitra dia mitaona anao hibebaka? Fa samy efa nanota izy rehetra ka tsy manana ny voninahitra avy amin'Andriamanitra. —Roamana 2:4; 3:23

***3. Amin'ny finoana no andraisana ny fahamarinan'Andriamanitra, fa tsy amin'ny asa.***

Fa ho an'izay tsy miasa kosa, fa mino Izay manamarina ny ratsy fanahy, dia ny finoany no isaina ho fahamarinana. —Romana 4:5

***4. Tamin'ny fahafatesan'i Kristy ho anao no nampisehoana ny fitiavan' Andriamanitra.***

Fa Andriamanitra mampiseho ny fitiavany antsika, fa fony mbola mpanota isika, dia maty hamonjy antsika Kristy. —Romana 5:8

***5. Ny fanomezan'Andriamanitra dia fiainana mandrakizay ao amin'i Kristy Jesosy.***

Fa fahafatesana no tambin'ny ota; ary fiainana mandrakizay no fanomezam-pahasoavan avy amin'Andriamanitra ao amin'i Kristy Jesosy Tompontsika. —Romana 6:23

***6. Ny Fanahin'ny fiainana ao amin'i Kristy Jesosy no manafaka anao amin'ny fahotana.***

Ary aoka ho tahaka izany koa hianareo, ka ny tenanareo dia ataovy ho efa maty ny amin'ny ota, fa velona ho an'Andriamanitra ao amin'i Kristy Jesosy. Ary amin'izany dia tsy misy fanamelohana ho an'izay ao amin'i Kristy Jesosy. Fa ao amin'i Kristy Jesosy ny lalàn'ny Fanahin'aina no nahafaka ahy tamin'ny lalàn'ny fahotana sy ny fahafatesana. —Romana 6:11; 8:1, 2

***7. Ny sitrapon'Andriamanitra (mba hanova anao) dia tsara.***

Ary fantatsika fa ny zavatra rehetra dia miara-miasa hahasoa izay tia an'Andriamanitra, dia izay voantso araka ny fikasany rahateo. Ary aza manaraka ny fanaon'izao tontolo izao; fa miovà amin'ny fanavaozana ny saina, hamantaranareo ny sitrapon'Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahana no marina. —Romana 8:28; 12:2

***MINOA AN'I JESOSY ARY MIANTSOA NY ANARANY MBA HOVONJENA IANAO***

Satria raha manaiky an'i Jesosy ho Tompo amin'ny vavanao hianao ary mino amin'ny fonao fa Andriamanitra efa nanangana Azy tamin'ny maty, dia hovonjena hianao. Fa amin'ny fo no inoana hahazoana fahamarinana, ary amin'ny vava no anekena hahazoana famonjena. Fa "izay rehetra miantso ny anaran'ny Tompo no hovonjena." —Romana 10:9, 10, 13

Published in numerous languages by World Missionary Press, Inc., as God supplies funds in answer to prayer. **For questions or more information by country, visit: www.wmp-contacts.org**

Ity bokikely ity *dia tsy ho zaraina amin'ny daholobe.*
Natao ho an'ny fianarana tsirairay sy ny fianarana
ao anaty vondrona ity.

Nirahin'Andriamanitra i Jesosy mba ho faty ho an'ny fahotan'izao tontolo izao. Nofantsihana teo amin'ny hazo fijaliana ny Tànany sy ny Tongony. Misy lefona natsindrona teo amin'ny Lanivoany mba hahazoana antoka fa maty Izy. Telo andro taty aoriana dia nitsangana tamin'ny maty Izy ary niseho tamin'ny maro. Hoy Tomasy, iray tamin'ireo mpianany, **Raha tsy hitako eo amin'ny tànany ny holatry ny nohomboana,…dia tsy mba hino aho** (Jaona 20:25b). Nony nasehon'i Jesosy azy ny Tànany sy ny Lanivoany, dia nahita Tomasy ary nino. Hoy Jesosy, **Sambatra kosa izay tsy nahita, nefa nino** (Jaona 20:29b).

Fonony eo anoloana: Zava-kanto noforonin'i Edwin B. Wallace

**Maimaim-poana — Tsy azo amidy**

World Missionary Press, Inc.
PO Box 120
New Paris, IN 46553-0120 USA

Read booklets online or by App
www.wmp-readonline.org

www.wmpress.org 12-25 607/2 Malagasy ROM